

# NY FINOAN'NY FAHAMARINANA.

Nisoratan'i CHEIKH  
ABDOURRAHMAN IBN HAMADI AL-OUMARI.  
Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be indra fo, Ilay Be fihantana.

## Lohateny sy fampidirana.

Dera sy fisaorana ho an'i Allah, tompon'izao tontolo izao. Vavaka sy fandriam-pahalemana anie ho an'ireo Irak'i Allah rehetra, Aorian'izany :

Ity antso ho amin'ny famonjena, izay arosoko ho an'ny mpandefa fisainana tsirairay amin'izao fisiana izao, lahy na vavy, ao anaty fanantenana avy amin'i Allah, Ilay Avo indrindra sy Mahefa ny zava-drehetra, ny hahasambatra noho ity hafatra ity izay nizotra amin'ny lâlany, ary koa mba hamaliany soa ahy sy izay rehetra tsy mitandro hasasarana amin'ny fampielezana izany valisoa tsy hita ho visavisaina izany, koa hoy aho hoe : i Allah Irery ihany no Azo iankinan-doha amin'ny fanohanana.

Fantatrao ry olombelona manan-tsaina, fa tsy misy fanavotana na fahasambarana ho anao eto amin'ity fiainana ity, ary koa any amin'ny fiainana any an-koatra aorian'ny fahafatesana raha mbola tsy nahafantatra ny tomponao ilay nahary anao, Ary mino Azy am-pahamarinana ary manompo Azy Irery ihany, Ary nahafantatra ihany koa ny Mpaminaninao izay nirahan'ny tomponao ho aminao, ary koa ho amin'olombelona rehetra, koa nino sy manaraka azy an-tsakany sy an-davany ianao, ary nahafantatra ihany koa ny finoan'ny fahamarinana izay nandidian'ny tomponao anao, ka nino azy sy nifamatotra aminy ianao.

Ity boky eo am-pelatànanao (Ny finoan'ny fahamarinana) izay mirakitra fanazavana ireo lafin-javatra lehibe, izay voaidy aminao ny mahafantatra azy sy ny fampiharana azy, ary efa notsiahiviko ao amin'ny takela-piraketana ny ampahany amin'ireo voambolana sy lohahevitra izay ilainao isan'ny fanazavana fanampiny, miankina tanteraka ao anatin'izany amin'ny tenin'i Allah, Ilay Avo indrindra sy ireo tenin'ny Irany (Ilay nandrotsahan'i Tompo Allah ny tsodranony sy nandefasany fiarahabana ombam-pirarian-tsoa avy Aminy); satria izy roa ireo no fiverenan-tokana ho an'ity finoan'ny fahamarinana izay tsy misy finoana hafa ankoatra azy ankatoavin'i Tompo Allah.

Ary dia efa navelako ny fanarahana an-jambany izay nahavery olona maro, ary notsiahiviko tamin'ny fehezanteny tokana mihintsy aza ny sasany amin'ireo andian'olom-bery izay mihevi-tena ho ao anatin'ny fahamarinana, nefo tena lavitra izany fahamarinana izany ity andian'olona ity, mba hitandreman'ireo tsy mahalala izay miantehitra amin'izy ireo, sy ny ankoatra azy ireny. Tompo Allah ilay Tsitoha no Ampy ahy ary koa Mpiahy tsara indrindra.

Niteny sy nanoratra izany ilay mahantre eo amin'ny famelan'i Tompo Allah, Ilay Avo indrindra.

Abdour-Rahmani Ibn Houmad Ali Ounmar.  
Mpampianatra momba ireo fahalalàna ara-pinoana.

## Ny fizarana voalohany : 1-NY FAHALALAN'I ALLAH - ILAY MPAHARY LEHIBE

Aoka ho fantatrao ry olombelona manan-tsaina fa ny Tomponao Ilay nahary anao avy tamin'ny tsy fisiana sy niahy anao tamin'ireo fahasoavana maro dia i Allah Tompon'izao tontolo izao. Ary ireo manan-tsaina, mpino an'i Tompo Allah, Ilay Avo indrindra dia tsy mbola nahita Azy tamin'ny mason'izy ireo, kanefa izy ireny dia nahita ireo famantarana izay mipetraka ho porofon'ny fisiandy ary koa ho an'ny maha Mpahary sy Mpandrindra ny zava-boahary manontolo dia fantatr'izy ireny amin'izany Izy, ary isan'ireo famantarana ireo :

Ny famantarana voalohany :

Ny zava-boary sy ny olombelona ary ny fiainana dia zava-misy izay nampisy azy dia ny fiandohany sy ny fiafarany ary koa mila ny hafa ankoatra azy, ary izay rehetra nampisy ary mila ny hafa dia tsy maintsy zavaboahary avokoa izany, ary ny zava-boahary dia tsy maintsy manana ny Mpahary azy, ary izany Mpahary Lehibe izany dia i Allah, ary ny Tompo Allah ilay Tsitoha no nampahafantatra ny Tenany Masina, fa Izy no Mpahary sy Mpandrindra ny zavaboahary manontolo, ary izany fampahafantarana izany dia azo avy tamin'ny Tompo Allah, Ilay Avo indrindra ao anatin'ireo bokiny izay nampidininy tamin'ireo Irany.

Ary samy nampita ny teniny tamin'olona avokoa ireo Irak'Allah, ary niantso azy ireny ho amin'ny finoana Azy, sy fanompoana Azy Irery ihany, niteny ny Tompo Allah, Ilay Avo indrindra ao amin'ny bokiny, Ilay Coran Lehibe : 54- Marina fa ny Tomponareo, dia i Allah, Ilay nahary ny lanitra manontolo sy ny tany nandrity ny enin'andro, avy eo Izy dia nitoetra teo ambony seza fiandrianana. Izy no mandrakotra ny

atoandro amin'ny alina no sady manenjika azy tsy an-kijanona. Ary koa ny masoandro amam-bolana, sy ireo kintana miseho eo ambanin'y fiadidiny. Moa ve tsy Azy Irery ihany ny fahariana sy ny fibaikoana? An'i Allah, Tompon'izao tontolo izao anie ny fahamasinana amam-pahasoavana. [Soraty Al-Araf : 54].

Ny dika am-bangovangon'ity Andininy Masina ity :

Mampahafantatra ny olombelona rehetra i Tompo Allah, Ilay Avo indrindra fa Izy no Tompon'izy ireo, Ilay nahary azy, sy nahary ny lanitra manontolo sy ny tany nandritra ny enin'andro<sup>1</sup>, ary mampahafantatra fa Izy dia nitoetra<sup>2</sup>eo amin'ny seza fiandrianany.

Fa ny Seza fiandrianana dia eo ambonin'ny lanitra manontolo ary Izy no ambony indrindra amin'ny zavabohary rehetra ary midadasika kokoa amin'izy rehetra, ary i Allah no eo ambonin'ny Seza fiandrianana, ary Izy dia miaraka amin'hy zavabohary rehetra amin'ny alàlan'ny fahalalany sy ny fandrenesany ary ny fahitany, tsy misy mafina Aminy izay zavatra momba azy ireny, koa milaza i Allah - ilay mendri-piderana ny momba Azy rehetra - fa Izy no nanao ny alina handrakotra ny tany amin'ny haiziny ary amin'ny fiposahany haingana, ary milaza ihany koa fa Izy no nahary ny masoandro amam-bolana ary ny kintana, ary mbola i Allah no nanao azy rehetra ireny mizotra amin'ny lâlany avy araky ny didiny, ary mbola milaza fa Azy irery ihany ny farihana sy ny fandidiana, ary Izy no Lehibe sy Feno eo amin'ny tenany sy ny toetrary, Ilay Mpanome soa sesehena sy maharitra ary Izy no Tompon'izao tontolo izao, Ilay nahary sy niahay azy ireny tamim-pahasoavam-be.

Ary niteny i Allah ilay Avo indrindra : 37-(Ary isan'ireo fahagagany ny alina sy ny andro, ny masoandro sy ny volana, koa aoka ianareo tsy hiankohoka na amin'ny masoandro na amin'ny volana, fa miankohofa kosa ianareo amin'i Allah izay nahary azy ireo, raha Izy tokoa no tomoinareo). (Foussilat : 37).

Ny dika am-bangovangon'ity Andininy Masina ity :

Manambara i Allah, Ilay Avo indrindra fa isan'ireo famantarana Azy izay manaporofo ny fisiany : Ny alina sy ny atoandro ary ny masoandro amam-bolana, ary mandrara ny fiankohofana amin'ny masoandro amam-bolana satria izy roa ireo dia zavabohary tahaka ireo zavabohary hafa ankoatra azy ihany, ary tsy marim-pototra ny hanompoana zava-boahary iray ary ny fiankohofana dia karazana fanompoana, koa mandidy ny olona i Allah amin'ity andiny masina manaraka ity -tahaky ny nandidiany azy ireo amin'ny hafa - hiankohoka Aminy irery ihany; Satria izy no mpamorona sy mpandrindra mendrika hivavahana.

Ny porofo faharoa :

satria IZY no nahary ny lahy sy ny vavy : ka ny fisian'ny vavy sy ny lahy dia porofo manamarina an'i Allah.

Ny porofo fahatelo :

Ny fahasamihafan'ny fiteny sy ny volon-koditra, koa tsy misy olona roa ho iray ny feony na koa iray volon-koditra fa tsy misy fahasamihafana eo amin'izy roa.

Ny porofo faha-efatra :

Ny fahasamihafan'ny fari-pananana : ity mpanan-karena ary ity mahantra, ary ity filoha nefá ity eo ambany fiadidian'ny filoha, ao anaty fotoana maha samy manan-tsaina ny tsirairay amin'izy ireo sy eritreritra ary koa fahalalana, ary mitsinjo izay tsy mba nahazo harena sy voninahitra ary koa vady vontom-pahavanonana, saingy tsy misy hahazo afa-tsy izay

---

<sup>1</sup> Izany ambaratongam-pihariana izany dia tena fahendrena araky ny sitraponi Tompo Allah, Azy irery ihany anie ny dera sy ny voninahitra faran-tampony fa raha tsy izany, Izy dia mahefa eo amin'ny fihariana ny zava-boary manontolo ao anaty fotoana fohy indrindra indray mipy maso; satria Izy dia nampahafantatra atsika fa sitrapony ny hisian'ny zavatra iray ka niteny Izy hoe : "Misia" dia tanteraka tokoa izany.

<sup>2</sup> Nitoetra eo ambony zavatra iray, amin'ny fiteny Arabo - izay hoe tenin'ny Coran Masina - ny dikan'izany : Nitoetra sy nisandratra, ka ny fitoeran'i Allah eo ambony Seza fiandrianany dia fipetrahany eo ambony izay sahahaza ny voninahiny, tsy misy mahalala izay firafitr'izany afa-tsy Izy Irery ihany. Fa ny dikan'ny hoe "Istawa" dia tsy naka toeram-pahefana araky ny fiheveran'ireo olom-bery izay mitsipaka ny fahamarinan'ny maha Izy Tompo Allah araky ny tokony ho izy fa mampitovy i Tompo Allah amin'ny zava-boariny, ary izany dia fihevi-dratsy satria ny fampitoviana dia ny filazana fa Izy dia mitovy amin'izao na koa sahala amin'izao, tsy miala amin'ireo toetran-java-boary, fa ny fitondrana izany ho amin'ny fomba sahaza an'i Tompo Allah izay tsy misy fitoviana, eny, fa na fifamatorana na fandalinana ny Aminy kosa aza, izany no lâlana nizoran'ireo Iraka izay narahin'ireo tsara sitrapo fahiny, ary izany no marina izay mandidy ny mpino ny hifikitra Aminy na dia efa namela izany aza ny ankamaroan'ny olona.

Nalahatr'i Tompo Allah ho azy, ary izany dia fahendrena lehibe, araky ny sitrak'i Tompo Allah,<sup>3</sup>ary koa ny fitsapana ny olombelona eo amin'ny samy izy, ary fifanampiana ny andaniny amin'ny ankilany, mba tsy ahavery izay rehetra mahaso azy ireny.

Fa izay tsy nomen'i Allah anjara hahazo an'izany eto an-tany, dia nolazainy fa mitahiry ny anjarany mba hampitombo ny fahasoa vany any amin'ny Paradisa raha maty tao anatin'ny finoana an'i Allah. Ary tompo Allah nanome fihavahana maro izay ahafahany'ireo mantra mankafy ny fainana ara-batana sy ara-pahasalamana izay matetika tsy hita eo amin'ireo manan-karena, ary izany dia fahendreana avy amin'i Allah sy fahamarinany.

Ny porofo fahadimy :

Ny torimaso sy ny nofy marina izay ampahtan'i Allah ilay Tsitoha an'ireo mpatory momba ny zava-miafina mety ho filazam-baovao mahafaly na koa ho fampitandremana.

Ny porofo faha-enina :

Ny fanahy : Dia tsy misy mahalala ny tena marina momba azy afa-tsy i Allah ireny ihany.

Ny porofo fahafito :

Ny olombelona : sy ny taovam-pitsapana ao aminy, ny rafi-pibaikona, ny atid-doha, ny taovam-pandevonan-kanina sy ny ankoatr'izany.

Ny porofo fahavalو :

Allah no mampirotsaka ny ranon'orana amin'ny tany maty koa dia hanirian'ireo zava-maniry sy ny hazo samihafa eo amin'ny toetrary sy ny lokony, ary koa ireo soa azo avy aminy sy ny tsirony, ary izany dia mbola kely manoloana ireo porofo aman-jatony izay notanisan'i Allah, Ilay Avo indrindra, ao amin'ny Coran masina, sy izay nampahafantariny fa izy ireny dia porofo samihafa azo tsapain-tâhana manaporofo ny fisiany sy ny maha Mpahary sy Mpandrindra ny zava-boahary rehetra Azy.

Ny porofo fahasivy :

Ny fitsipi-piaianana voajanahary izay nofaritan'i Allah amin'ny olombelona, dia mino ny fisian'i Tompo Allah, Ilay Mpahary sy Mpandrindra azy, ary izay mitsipaka izany dia mamita-tena sy mampahory azy, Ny kôminista<sup>4</sup>- ohatra - dia miaina amin'ny fahoriane eto amin'ity fainana ity, ny lâlan-kizorany aorian'ny fahafatesana dia ho any amin'ny afobe, ho valin'ny fampandaingany ny tompony izay nahary azy avy tamin'ny tsy fisiana ary koa niahys azy tam-pahasoavana raha tsy hoe mibebaka amin'i Allah sy mino azy sy ny irany ary mino ny fivavahany.

Ny porofo fahafolo :

Ny fanomezam-pahasoavana : dia ny fitomboana eo amin'ny isan'ireo zavaboahary samihafa toy ny ondry, ary ny mifanohitra amin'ny fanomezam-pahasoavana dia ny sasa-poana toy ny amin'ireo alika sy saka.

\*\*\*

Ary isan'ireo toetran'i Allah Ilay Avo indrindra, Izy :

No Voalohany tsy nisy fiandohana ary Velona Mandrakizay, tsy handairan'ny fahafatesana ary tsy manam-pahataperana, Mpanan-karena mijoro ho an'ny Tenany, tsy manana filâna amin'ny ankoatra Azy ary Tokana tsy manana mpiara-miasa, niteny i Allah Ilay Avo indrindra : 1- Lazao hoe : "Izy no Allah, Ilay Tokana tsy manam-paharoa. 2- Allah no Ilay hiankinain'ny rehetra. 3- Tsy niteraka Izy ary koa tsy nateraka. 4- Ary tsy misy sahala Aminy na iray aza. [Soraty Al- Ikhlas (Ny hitsim-po) : 1-4].

Ny dikan'ireo andian-tsoratra masina :

Raha nanontany an'ilay iraka farany ny amin'ny toetran'i Allah ireo tsy mpino, dia nampidinin'i Allah taminy ity TOKO (sourat) ity, ary nodidiany tamin'izany ny hiteny amin'izy ireo hoe :

I ALLAH dia tokana tsy misy mpikambana aminy, i Allah no ilay velona mandrakizay ary mpandrindra ny zava-drehetra, Azy ireny ny fahalehibeazana eo amin'ny voahary sy ny olombelona ary ny zava-drehetra, ary any aminy ireny ihany no tsy maintsy hiverenan'ny olombelona eo amin'ny fanatanterahana ny filan'izy ireo.

Tsy niteraka Izy ary koa tsy nateraka ary tsy marim-pototra velively ny fananany ny zanaka lahy na zanaka vavy na koa ray na reny, fa Izy no tsy nampisy taranaka amin'ny tenany, ao anatin'ity Sourat ity sy ny ankoatra azy, satria ny fitohizan'ny fiterahana sy taranaka dia isan'ireo toetry voahary, ary efa nandefaa valin-teny amin'ny kristianina i Allah tamin'ny fitenenan'izy ireo manao hoe : "I Mesia dia zanak'i Allah", sy amin'ny Jiosy tamin'ny tenin'izy ireo manao hoe : "I Joda dia zanak'i Allah", ary koa amin'ny ankoatra azy

<sup>3</sup> } SOUBHANAHOU : dia midika ho fiderana an'i Tompo Allah sy fampiatahana Azy amin'ny tsy fahampiana sy kilema.

<sup>4</sup> Toy izany koa : ny tsy mino an'i Allah.

ireny amin'ny fitenenan'izy ireo manao hoe : "Ireo anjely dia zanaka vavin'i Allah", koa dia novakiany bantsilana ho azy ireny izany teny tsy marim-pototra izany.

Ary nolazainy arak'izany fa Izy no nahary an'i Mesia Issa (Jesosy) - A.S - avy tamin-dreniny tsy nisy ray nohon'ny fahefany, tahaky ny nohariany an'i Adama ilay rain'olonbelona rehetra tamin'ny fotaka, sy tahaky ny nohariany an'i Hawwa (Eva) ilay renin'olombelona rehetra tamin'ny singan'i Adama, izay hitan'ity farany teo anilany, koa dia nahary ny taranak'i Adama avy tamin'ny ranon'ain-dehilahy sy ny vehivavy, Izy ihany koa no nahary ny zava-drehetra tany am-piandohana avy tamin'ny tsy fisiana, ary dia nanome fomba amam-panao sy fitsipi-pandaminana izay tsy misy afaka manova izany afa-tsy Izy irey ihany, ary raha sitrak'i Allah ilay Tsitoha ny hanova ny zavatra iray amin'izany fitsipi-pandaminana izany dia ovany arak'izay sitrany izany.

Toy Izy nampisy an'i Issa (Jesosy) - A.S - avy tamin-dreny tsy nisy ray sy tahaky ny nampitenenany azy fony izy mbola zaza menavava, tahaky ny namadihany ny tehin'i Moussa (Mosesy) - A.S - ho bibilava miholakolaka, ary rehefa nokapoyny tamin'izany ny ranomasina dia nizara roa ka tonga lalan-kely nizorany sy ny vahoakany, tahaky ny nampizara roa ny volana tamin'ilay iraka farany, i Mouhammad (S.A.W), sy nanaovany ny hazo maniry nandefa fiarahabana ombam-pirarian-tsoa ho an'ity iraka farany rehefa nandalo teo akaikin'izy ireny izy, ny nampijoroany vavolombelona ireo biby ny amin'ny maha Iraka azy tamin'ny feo henon'olon-drehetra, ka niteny hoe : "Mijoro ho vavolombelona fa ianao dia tena Irak'i Tompo Allah tokoa", sy ny nampizorany azy teo ambony Borako avy teo amin'ny Masjidoul-Haram nankany amin'ny Masjidoul-Aqsa ary ny nampakarana azy nankany an-danitra niaraka tamin'ny Anjely Jibril (Gabriela) koa rehefa tonga tany ambony lanitra izy dia niteny taminy i Allah - ilay Tsitoha - ka nandidy azy tamin'ny fanatanterahana ny Swalat, avy eo niverina teo amin'ny Masjidoul-Haram ety an-tany, nary ahita teny an-dàlany ireo olon'ny lanitra avy ary izany rehetra izany dia tao anaty alina iray mialohan'ny maraina vaomangiran-dratsy, ary ny tantaran'ny Israh (zotra alina) sy ny Miiraj (fiakarana tany an-danitra) dia fanta-daza ao amin'ny Coran masina sy ireo petra-bolan'ny Iraka ary dia voarakitry ny tantara ihany koa.

\*\*\*

Ary isan'ireo toetran'i Allah Ilay Avo indrindra izay nampahafantarany ny tenany ary koa nideran'ireo Irany Azy :

1-Ny fahenoana, ny fahiratana, ny fahaizana sy ny fahefana ary koa ny fanaovana izay sitrany, mandre sy mahita ny zava-drehetra Izy, tsy misy sakana manakana ny fahenoany sy ny fahitany.

Ary Izy ihany koa no mahalala izay ao am-bohoka, izay miafina ao am-po tsy miloaka, izay efa nisy sy izay mbola hisy ary izy no ilay mahefa ny zava-drehetra, koa raha sitrany ny hampisy zavatra iray dia miteny izy hoe misia dia misy avy hatrany.

Ny fitenenana izay tiany sy amin'ny fotoana izay sitrany : efa niteny tamin'i Moussa (A.S) izy, ary niteny tamin'ilay iraka farany, i Mouhammad (S.A.W), ary ny Coran dia tenin'i Allah, ireo literany sy ny dikany izay nampidininy tamin'ny Irak'i Allah, i Mouhammad (S.A.W) koa izany dia toetra iray amin'ireo toetrany, fa tsy voahary tahaky ny lazain'ireo vondrona mpihoa-pefy Al-Moutazila izay ao anaty fahaverezana (7).

3-Ny tava sy ny tanana roa, ny fisandratana ary ny fidinana (8), ny sitraka sy ny hatezerana : Koa izy dia mankasitraka ireo mpanompony vonto-pinoana ary tezitra amin'ireo mpikomy, sy ireo izay mpanao ny zavatra mahatezitra azy. Ary ny fifaliany sy ny hatezerany dia mitovy amin'ireo toetrany sisa, izay tsy mitovy amin'ireo toetran'ny zavaboahary na ara-kevitra izany na koa ara-pirafitra.

Ary voarakitra ao amin'ny Coran sy ny Sounnah fa ny mpino rehetra dia hahita maso mivantana an'i Allah, ilay avo indrindra, amin'ny andron'ny fitsanganana amin'ny maty ary koa ao anaty Paradisa, ary ireo toetra famantarana an'i Allah, dia voalaza an-tsipiriany ao anaty ny boky masina Coran, sy ireo petra-bolan'ny iraka, ilay henin-kaja amam-boninahitra, i Mouhammad (S.A.W) koa aoka isika hanao famerenana izany.

\*\*\*

Ny zavatra izay noho izy no nohariarn'i Allah ny zanak'olombelona sy ny Djiny

Rehefa fantatrao - ry manan-tsaina - fa i Allah no tomponao, ilay nahary anao, dia aoka ho fantatrao fa i Allah dia tsy nahary anao tsy amin'ny antony, fa raha ny marina dia nohariany ianao mba ho an'ny fanompoana azy ary ny porofon'izany dia ny tenin'i Allah manao hoe : 56- Ary tsy nohariako ny djiny sy ny olombelona afa-tsy ny hanompo Ahy Irery ihany. 57- Tsy mitady avy amin'izy ireo ny anjara masoandro Aho ary tsy mila ihany koa ny ho ampisakafoany. 58- Hamafisina etoana fa, i Allah no ilay mpiantoka anjara masoandro amin'ny fomba tsy voafetra, tompon'ny hery, ilay tsy voahozongozona. Soraty AD-DHARIATI : faha-56 hatramin'ny faha-58.

Ny dika tsotsotra an'ireo andininy masina ireo :

Ambaran'i Allah ao anatin'ilay andian-dahatsoratra masina voalohany : Fa izy no nahary ny Djiny (9) sy ny zanak'olombelona noho ny antony mba hanompoan'izy ireo azy irery ihany ary ambarany ao anatin'ireo andian-dahatsoratra masina faharoa sy fahatelo fa, Izy no mpanan-karena ny amin'izay momba ireo mpanompony, koa tsy mitady anjara masoandro avy amin'izy ireny, na koa fampihinanana; satria Izy no ilay mpiantoka ny anjara masoandro amin'ny fomba tsy voafetra sy tompon'ny hery rehetra, ilay tsy misy anjara masoandro ho an'olombelona sy ny ankoatra azy ireny raha tsy avy aminy, koa izy no llay mampirotsaka ny ranon'orana ary koa mamoaka ireo anjara masoandro maro samihafa avy amin'ny tany. Fa raha ny amin'ireo zavaboahary hafa ety an-tany kosa, efa nambaran'i Allah fa Izy no nahary azy ireny mba ho an'ny olombelona, mba hanampiany ny tenany amin'ny alàlan'ireny zavaboahary ireny eo amin'ny fankatoavana an'i Allah ary mampiasa izany amin'hy lalàni Allah, ary ny zava-boahary tsirairay avy, ny hetsika sy ny fitsaharana eo amin'ny fisiana manontolo dia an'i Allah rery ihany no nampsisy azy nohon'ny fahendreny izay nohazavainy ao amin'ny Coran, ary mampahafantatra izany araky ny lalàni Allah fa ny tsirairay amin'ireo dia araky ny halehiben'ny fahalalany, ary na ny fahasamihafan'ny androm-piaianana sy ny anjara masoandro ary ireo tranga samihafa sy ireo fahoriania, ireo rehetra ireo dia mizotra araky ny didin'i Allah mba hampandalovany fitsapana ireo mpanompony matsilo saina. Koa izay mankasitraka ny lahatr'i Allah sy nanolo-tena ho Azy ary niezaka tamin'ny asa izay ankasitrahany dia azy ihany koa ny fankasitrahana avy amin'i Allah sy ny fahsambarana ety an-tany sy any an-koatra aorian'ny fahafatesana, ary izay tsy mankasitraka ny fandaharan'i Allah, ka tsy nanolo-tena ho Azy sy tsy nankato Azy, dia hahazo fahatezerana avy amin'i Allah ary hahita fijaliana ety an-tany sy any an-koatra.

Mangataka amin'i Allah ny fankasitrahany, ary mangataka fiarovana avy Aminy manoloana izay tsy ankasitrahany isika.

\*\*\*

Ny fitsanganana aorian'ny fahafatesana, ny fitsarana, ny fanonerana ny valin'asa ary ny Paradisa sy ny Afobe.

Raha fantatrao - ry manan-tsaina - fa i Allah no nahary anao mba noho ny fanompoana Azy, koa aoka ho fantatrao fa i Allah dia nampahafantatra ao anatin'ireo bokiny izay nampidininy tamin'ireo irany fa izy dia mbola hampitsangan-ko velona anao aorian'ny fahafatesana, ary mbola hanonitra ho anao ny valin'asanao aorian'ny fahafatesana; Izany dia satria, amin'ny alàlan'ny fahafatesana, ny olona iray dia miala amin'ny fonenan'ny fiasana sy ny fandringanana - dia izao fiainana izao - mankany amin'ny fonenan'ny valisoa sy ny mandrakizay, dia ny aorian'ny fahafatesana. Rehefa tampitra ny fe-potoana izay nalahatr'i Allah hiainan'olombelona, didin'i Allah ny anjelin'ny fahafatesana mba hanala ny ainy avy ao amin'ny tenany, koa dia maty aorian'ny anandramany ireo dingan'ny fahafatesana alohan'ny fialan'hy ainy avy amin'ny tenany izy. Fa ny fanahy kosa, dia apetrak'i Allah ao amin'ny tontolom-pahasoavana - ny Paradisa - raha toa ka nino sy nankato an'i Allah. Fa raha tsy mba nino an'i Allah, nampandainga ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fanolorana ny valin'asa aorian'ny fahafatesana kosa ilay izy, dia ho ampidirin'i Allah ao amin'ny tontolon'ny sazy - dia ny Afobe - mandra-pahatongan'ny fotoam-pifaranan'izao tontolo izao ka migadona ilay fotoana (fara andro), ary maty avokoa izay rehetra tavela amin'ny zavaboahary, koa tsy misy tavela afa-tsy i Allah irery ihany. Avy eo hatsangan'i Allah amin'ny maty avokoa ny zavaboahary rehetra hatramin'ny biby ary haveriny amin'ny vatana nisy azy avy ny aina amam-panahy isany aorian'ny hamerenany tanteraka ny vatana tahaky ny nohariany izany tany am-boalohany. Ary izany dia mba hitsarany ny olombelona sy hanonerany ho azy ireo amin'ny asany manontolo, ny lahy sy ny vavy, ny mpitontra sy izay noentina, ny mpanan-karena sy ny mahantara, fa tsy misy ho ambakaina, koa honeran-jo ny voambaka avy amin'ny mpanambaka azy, eny fa na ireo biby aza dia honeran-jo avy amin'izay nanambaka azy ary honeran-jo ihany koa ny andaniny amin'izy ireny avy amin'ny ankilany, ary dia tenenina amin'ireny biby ireny hoe : "tongava vovoka ianareo" satria izy ireny dia tsy hiditra ny Paradisa na koa ny Afobe. Ary samy honerany araky ny asany avy ny zanak'olombelona sy ny Djiny tsirairay, koa ampidirin'y ho ao am-Paradisa noho izany ireo mpino izay nankato Azy sy nanara-dia ireo Irany na dia nahantra indrindra tamin'ny olon-drehetra aza izy ireny, ary ampidirin'y ho ao amin'ny Afobe ihany koa ireo mpikomy sy mpampandainga, na dia mpanan-karena sy henin-kaja amam-boninahitra indrindra tamin'ny olon-drehetra tety an-tany aza izy ireny. Niteny i Allah, ilay avo indrindra : (Marina fa, ny henin-kaja amam-boninahitra indrindra eo anatrehan'i Allah dia izay manam-patahorana indrindra aminareo. Marina fa, i Allah no mahalala sy tsy misy mipika ny zava-drehetra). [Soraty Al-Hojoraty : 13].

Ary ny Paradisa : dia tontolom-pahasoavana, ahitana ireo karazam-pahasoavana tsy misy afaka ny hilazana ny toetoetrary, misy ambaratonga aman-jatony, isaky ny ambaratonga dia hisy mponina, arakaraky ny taha-pinoan'izy ireo an'i Allah sy ny fankatoavany azy ary ny ambaratonga kely indrindra ao

am-Paradisa dia hanomezana izay ho ao aminy ampaham-pahasooavana sahala amin'izay nomeny ny mpanjaka iray ety an-tany avo folo heny (10).

Ary ny Afobe : i Allah anie hiaro antsika amin'izany - izy io dia tontolon'ny sazy any am-koatra aorian'ny fahafatesana, ao aminy dia misy ireo karazan-tsazy sy famaizana mampitondra faisana, ho tsaroan'ny fo manontolo ary hampitomany ny maso rehetra.

Raha nisy fahafatesana any an-koatra dia maty avy hatrany ireo vahoakan'ny Afobe raha vao mahita izany fotsiny aza, saingy ny fahafatesana dia indray mandeha monja mamindra fonenanan'ny olombelona avy amin'ny fainan'izao tontolo izao ho any an-koatra. Ary efa voarakitra ao amin'ny Coran ny famaritana feno mahakasika ny fahafatesana, ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fitsarana ary ny fanonerana ny valin'asa, ny Paradisa sy ny Afobe, ary efa nampahafantarinay ny momba an'izany.

Ary ireo porofo manamarina ny fitsanganana aorian'ny fahafatesana sy ny fitsarana ary ny fanomezana valin'asa dia tena betsaka tokoa. Niteny i Allah, ilay avo ao anaty Coran : Avy aminy (tany) no naharianay anareo ary avy aminy no hamerenanay anareo ary avy aminy ihany koa no hamoahanay anareo indray. Twaha : 55. Ary niteny i Allah, ilay Tsitoha : (Ary nanome fanoharana iray ho Anay izy, koa nanadino ny fanamboarana azy, dia hoy izy hoe : "Iza no hamelona indray ireo taolana izay efa tonga vovoka ?). Soraty Yasiny : Andininy faha-78 hatramin'ny 79. Ary niteny ilay avo indrindra : (Mihevitra ireo izay tsy mino, fa tsy hatsangana amin'ny maty mihitsy izy ireny. Koa lazao aminy : "Eny! Mianihana amin'ny tompoke aho, Fa tsy maintsy hatsangana amin'ny maty tokoa ianareo, avy eo dia ho lazaina aminareo avokoa izay nataonareo. Fa izany eo amin'i Allah dia mora). (At-Taghabouny : 7).

Ny dika tsotsotran'ireo andininy masina ireo :

1-Eo amin'ilay andininy voalohany dia mampahafantatra i Allah - Ilay Tsitoha - fa Izy no nahary ny zanak'olombelona avy tamin'ny tany ary izany dia fony izy nahary ny rain'izy ireo Adama (A.S) avy tamin'ny tany, ary mampahafantatra fa izy no mamerina azy ireo eo amin'ny tany (ao am-pasana) aorian'ny fahafatesana, ho fanomezam-boninahitra azy ireny, mampahafantatra ihany koa fa izy Allah no hamoaka azy ireny indray mandeha avy ao amin'ny tany, koa dia hivoaka velona avy ao am-pasany, manomboka avy any am-piandohany ka hatrany am-piafarany, ka ho tsarain'i Allah izy ireny ary dia homeny ny valisoany.

2-Ary eo amin'ny andininy faharoa kosa, mamaly ilay mpikomy mpampandainga ny fitsanganana amin'ny maty izay mahakasika ny fiveloman'ny taolana taorian'ny fahafatesany i Allah. Mamaly azy i Allah, izay manambara fa izy no mamelona izany; satria Izy no nahary azy indray mandeha avy tamin'ny tsy fisiana.

3 -Ary eo amin'ny andininy fahatelo indray, mamaly ireo tsy mpino mpampandainga ny fitsanganana amin'ny maty i Allah araky ny fihevi-dratsin'izy ireo ary mandidy ny Irany (S.A.W) mba hianihana ho azy ireo amin'ny anaran'i Allah ho fanamarinana sy fanamafisana fa i Allah dia mbola hampsangana azy ireo amin'ny maty sy mbola hampahalala azy ireo izay nataony, ary hanome azy ireo ny valin'asany no sady hampahalala azy ireny fa izany ho an'i Allah dia mora.

Ary nampahafantarin'i Allah eo amin'ny andininy hafa fa rehefa hatsangany amin'ny maty ireo mpampandainga ny fitsanganana amin'ny maty sy ny Afobe dia ho saziany amin'ny Afobe izy ireny ka ho lazaina aminy hoe : (Andramo ny fampijalian'ny afo izay nolavinareo). [Ny fiankohoana : 20].

Famehezana ireo fihetsiky ny olombelona sy ny fiteniny:

Efa nanambara Ilay Avo Tsitoha, fa Izy dia efa nahafantatra ny zavatra izay mbola ho tenenin'ny olona rehetra ary fantany daholo amin'izany ny tsara na ny ratsy, ny mifaina na ny mibaribary, ary efa nosoratany any amin'ny solaitra be (Iaouhil-mahfouz) any Aminy izany, mialohan'ny nanamboarany ny lanitra sy ny tany ary ny olombelona sy ny hafa rehetra. Ary manoloana izany rehetra izany dia nanambara ihany koa Izy fa efa nanome fahefana anjely roa isaky ny olona tsirairay, ny iray eo ankavan'an'ilay olona manoratra ny asa tsara ary ny hafa eo ankavia manoratra ny asa ratsy, tsy misy very amin'izy roa ireo ny zava-drehetra. Ary nanambara ihany koa Ilay Avo Tsitoha, fa ny olona rehetra dia samy ho tolorana ny bokiny amin'ny andro fitsarana, izay mirakitra ireo teniny sy ny asa nataony, ka ho vakiny izany ary tsy misy mihitsy ny ho laviny, ka raha misy ny mandà ny sasany amin'ireo asany, dia ho ampitenenin'i Allah ny sofiny, ny masonry, ny tànany roa, ny tongony roa ary ny hodiny amin'ny asa rehetra izay nataony.

Ao anaty Coran manazava izany antskipirany izany, miteny ilay avo indrindra : (Tsy misy teny avoakany tsy voarain'ilay mpanara-maso, mpanoratra azy). (Qaf : 18). Ary niteny ilay avo indrindra : (Ary tena misy tokoa ny mpanara-maso anareo) : 10 (Ireo mpitan-tsoratra mendrika) : 11 (mahafantatra izay rehetra ataonareo) :12.

Fanazavana ireo andininy ireo :

Manambara i Allah - ilay Avo Tsitoh -, fa Izy nanome fahefana anjely roa isaky ny olona tsirairay, ny iray eo ankavanany (rakibo) manoratra ny asa tsarany, ary ny hafa eo ankaviany ('atid) manoratra ny asa

ratsiny. Ary milaza i Allah ao amin'ny andininy roa farany fa Izy nanome fahefana ireo anjely mendrika eo amin'ny olombelona, manoratra ny asany rehetra ary nilaza ihany koa Izy fa nataony ireo anjely ireo hanana fahefana halala ny asa rehetra ataon'ny olombelona. Ary ny fanoratana izany araka ny efa fahaizany sy nanoratany azy any amin' ny solaitra be (Iaouhil-mahfouz) any Aminy, mialohan'ny nahariandy azy ireo.

Fijoroana vavolombelona:

Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy tombo mendrika ho tomponao afa-tsy i Allah ary i Mouhammad dia Irak'i Allah, sy mijoro vavolombelona fa ny paradisa dia marina, ny afobe dia marina, ny ora farany dia ho tonga tsy misy fisalasalana ny aminy, ary i Allah dia hamoaka ny ao am-pasana mba ho tsaraina sy ho tolorana valin'asa, ary izay rehetra nambaran'i Allah ao anaty bokiny sy tamin'ny alàlan'ny tenin'ilay irany (S.A.W) dia marina avokoa.

Ary miantso anao aho - Ô ry ilay manan-tsaina - mba hino io fijoroana vavolombelona io, sy filazana izany eo ampahibemaso ary ny fanatanterahana ny lazainy, satria izany no lalan'ny fahombiazana.

## **NY FIZARANA FAHAROA : Ny fahafantarana ilay Iraka (S.A.W) :**

Rehefa fantatrao - ry manan-tsaina - fa i Allah no tomponao izay nahary anao, ary Izy dia hampitsangana anao avy amin'ny fahafatesana mba hanomezany anao ny valin'asanao, dia fantaro ihany koa fa i Allah dia nandefana iraka aminao sy amin'ny olona rehetra, ka nandidy anao Izy ny hankato izany Iraka izany sy hanaraka Azy. Ary nanambara Izy fa tsy misy fomba hahafantarana ny fanompoana Azy amin'ny fomba marina indrindra sy fanarahana ny lalana nalefa amin'ilay Iraka afa-tsy amin'ny alàlan'ny fanarahana izany Iraka izany.

Izany Iraka Be Voninahitra izany, izay tsy maintsy hinoana sy ho arahan' y olon-drehetra, izany ilay Iraka farany sy nalefa ho amin'ny olombelona rehetra dia i Mouhammad (S.A.W), Izy ilay efa nambaran'i Moussa sy Issa (A.S) ao anaty Torah sy Evanjely, amin'ny toerana efapolo mahery samihafa, namaky izany ireo jiosy sy ny kristianina mialohan'ny nanovan'izy ireo ireny boky roa ireny.

Ity Iraka be Voninahitra ity, taminy no namaranan'i Allah ireo Irany, ho amin'ny olombelona rehetra no nandefasana Azy, izy i Mouhammad dia zanak'i Aboullah zanak'i Abdoul Mouttalib, avy amin'ny fianakaviana Hachim, foko Qurachi (S.A.W), olona be voninahitra sy marina indrindra, nivoaka tao amin'ny foko mendrika indrindra teto an-tany, avy amin'ny taranak'Ismael zanak'i Ibrahim no fitohizam-pirazanany, teraka ilay Iraka farany Mouhammd (S.A.W) tao Makka, tamin'ny taona 570 taorian'i Jesosy kristy. Tamin'ny alina nahaterahany sy tamin'ny fotoana nivoahany tao an-kibon-dReniny dia nisy hazavana lehibe nanazava izao tontolo izao, izay nahagaga ny olona ary voarakitra amin'ny bokin'ny tantara izany, notsimbadika ireo sampy tompon'ireo kouraich eo amin'ny ka'aba tao Makkat, nihozona ny lapan'i Kisra mpajakan'i Persiana ary nirodana teo amin'ny folo manana amby amin'ireo lavarangana sy maty ny afon'ireo persiana izay tompon'izy ireo, izay efa arivo taona lasa talohan'izany tsy nandalo fahafatesana mihitsy.

Izany rehetra izany dia fanambarana avy amin'i Allah ho amin'ny vahoakan'ny tany amin'ny fahaterahan'ilay Iraka farany izay hamotika ny sampy tompon'ny olona ankoatr'i Allah, ary Izy dia hiantso ireo Persiana sy Romana hanompo an'i Allah tokana sy hiditra ao amin'ny finoana marina, ka raha mitsipaka izy ireo dia hiady amin'izy ireo Izy sy ireo mpanara-dia azy ary ho ataon'i Allah mpandresy amin'izy ireo Izy, ary ho aheliny manerana ny tany ny finoany ary Izy no mampamiratra izany eto an-tany. Ary tena izany no zavatra niseho taorian'ny nandefasan'i Allah an'i Mouhammad (S.A.W) ho irany.

Navahan'i Allah ny Mpaminany farany Mouhammad (S.A.W) manoloana ireo Iraka rahalahany teo alohany, amin'ny alàlan'ny fihavahana maro, anisan'izany :

Vaolohany : Izy no iraka farany, tsy hisy intsony ny Iraka na Mpaminany aoriany.

Faharoa : Ho an'ny olombelona rehetra ny hafatra noentiny, ka ny olombelona rehetre dia vahoakan'i Mouhammad, izay manaraka sy mankato azy dia hiditra ny Paradisa, fa izay mikomy kosa dia hiditra ny Afobe. Eny, fa na dia ireo jiosy sy kristianina dia nodidina hanaraka Azy ary izay tsy manaraka sy tsy mino azy dia mpikomy amin'i Moussa sy Issa sy ireo Mpaminany rehetra. Ary i Moussa sy Issa ary ireo Mpaminany rehetra dia tsy misy hifandraisan'izy ireo amin'ireo olona izay tsy manaraka an'i Mpaminany Mouhammad (S.A.W), satria i Allah dia efa nandidy azy ireo ny hilaza amin'ny vahoakan'izy ireo ny momba an'i Mouhammad (S.A.W) ary naniraka ireo Mpaminany ireo i Allah mba hiantso ny vahoakan'y hino an'i Mohammad rehefa tonga amin'izy ireo. Satria tsy misy fahasamihafana ny finoana nalefan'i Allah aminy sy ireo iraka teo alohany. Ary tamin'ny fotoan'ilay iraka farany nonofeno ny finoana no sady namorany, ka tsy azo ataon'iza na iza ny hanaraka finoana hafa ankotry ny Islam izay nalefan'i Allah

aminy, satria izany no finoana feno, nofoanan'i Allah tamin'ny alàlan'izany ny finoana rehetra, satria izany no finoana marina sy voaaro.

Fa ny finoana jiosy sy kristianina kosa dia finoana efa niharan'ny fanovana, fa tsy tahaka ny nampidinan'i Allah azy intsony. Ka ny mpino izay manaraka an'i Mouhammad dia azo lazaina fa manaraka an'i Moussa sy Issa sy ireo Mpaminany rehetra (A.S), ka izay olona ivelan'ny Islam dia azo lazaina fa mpikomy an'i Moussa sy Issa sy ireo Mpaminany rehetra, na dia mitonon-tena ho mpanaraka an'i Moussa sy Issa aza. Noho izany no nahatonga ireo andiany maro tamin'ireo pretra jiosy sy kristianina misaina sy tsy mitanila nino an'i Mouhammad avy hatrany ary niditra ny finoana Islam.

\*\*\*

Fahagagan'ilay Iraka (S.A.W) :

Nitanisa ny fahagagana noentin'i Mpaminany (S.A.W), izay manaporofo ny fahamarinany ireo manampahaizana momba ny tantaran'i Mpaminany (S.A.W) ka tonga mohoatra ny arivo izany, ka anisan'izany :

1-Ny tombokasen'ny faminaniana, izay nampanirin'i Allah eo anelanelan'ny sorony roa, izany dia : i Mouhammad ilay irak'i Allah, izay mitovy endrika amin'ny "atha'alil" (hoditra mibotsina).

Ny fanalokalofan'ny rahona azy, rehefa izy mandeha eny amin'ny masoandro mafana mingaingaina.

Ny fideran'ny vato eny an-tanany an'i Allah, sy ny fiarahaban'ny hazo azy.

Ny filazany ireo zava-miafina izay hiseho any amin'ny faramparan'ny fotoana, ankehitriny izany dia miseho tsikelikely tahaka ny nilazany azy.

Ireo zava-miafina, izay niseho taorian'ny nahafaty ilay Iraka farany Mouhammad (S.A.W) ka mandra-pahatongan'ny fiafaran'ny fiafana eto an-tany, izy ireo izay efa nampahitan'i Allah sy nolazainy ary voarakitra amin'ny boky Hadith sy ireo boky milaza ny famantarana ny andro farany, toy ny «an-nihaya», ilay fiafarana, nosoratan'i Ibn Kathir, sy ny boky ny vaovao miely momban'ny famatarana ny andro farany, sy boky ireo varavarany fitsapana sy zava-tsarotra, amin'ny boky hadith, ireo fahagagana maro ireo dia saika mitovitovy avokoa amin'ireo fahagagana noentin'ireo Mpaminany tany alohany.

Nefa kosa i Allah nanokana ho azy fahagagana ara-tsaina izay hitoetra eo foana amin'ny fotoana rehetra mandram-paharavan'ny fiafana eto an-tany, tsy nomeny Mpaminany hafa mihitsy izany, izany dia ilay «Coran masina, tenin'i Allah», izay noraisin'i Allah an-tanana manokana ny fiaravoana izany, ka tsy vitan'iza na iza ny manova izany, eny, fa na dia hiezaka aza ny olona iray hanova ny litera iray ao aminy dia hibaribary fotsiny eo. Ankehitriny dia aman-jatony tapitrisa maro ny Coran eo am-pelantanan'ny mpino, tsy misy fahasamihafany amin'ny hafa, eny, fa na dia litera iray aza.

Fa ny torah sy ny evanjely kosa dia betsaka ary samy amin'ny karazany avokoa, izay mihavaka amin'ny isan-tokony. Satria ry zareo jiosy sy kristianina dia nanova azy roa ireo, fa tsy nahatandrina ny andraikitra nankinin'i Allah tamin'izy ireo amin'ny fiarovana ireny boky roa ireny. Fa ny Coran kosa dia tsy nankinin'i Allah tamin'iza na iza ny fiarovana azy, fa ho Azy irery ihany, araka ny tenin'i Allah manao hoe : {Tena marina fa Izahay no nampidina ny Fampahatsiahivana (Coran) ary Izahay no miaro azy io tokoa}. [sorat al hijr : 9].

Ny porofo ara-tsaina sy porofo avy amin'ny tenin'i Allah fa ny Coran dia tenin'i Allah ary i Mouhamad dia irak'i Allah.

Anisan'ny porofo ara-tsaina sy lojika amin'ny maha tenin'i Allah ny Coran sy ny maha irak'i Allah an'i Mouhammad dia : i Allah nanao fanamby tamin'ireo vahoaka Couraich mpikomy rehefa izy ireo nampandainga an'i Mouhammad (S.A.W), tahaka ny nataon'ireo mpampandainga ny mpaminanin'izy ireo teo amin'ireo vahoaka tany aloha ary niteny izy ireo fa ny Coran dia tsy tenin'i Allah. Nanao fanamby tamin'izy ireo i Allah ny hitondran'izy ireo zavatra mitovy amin'ny Coran, Saingy tsy vitan'izy ireo anefa izany, eny, fa na dia amin'ny tenin'izy ireo aza ny Coran, eny na dia izy ireo no olona tena mahay miresaka indrindra, eny, na dia izy ireo aza niara-niaina tamin'ireo mpikabary sy ireo mpahay miteny sy mpanao poezy kalaza be. Aorian'izany, nanao fanamby tamin'izy ireo i Allah ny hitondran'izy ireo Toko folo mitovy aminy, saingy tsy vitan'izy ireo anefa izany, ka niaiky fa tsy fahavitan'izy ireo izany, tsy nahavita ny hitondra tahaka ny Coran ny olombelona sy ny jiny rehetra, eny, fa na dia hifanampy aza izy ireo. Miteny i Allah : (Lazao hoe : Na dia mitambatra aza ny olombelona sy ny jiny mba hamorona mitovy amin'ity Coran ity, dia tsy havita mitovy amin'izany izy ireo, eny, fa na dia hifanampy aza). [Sourat Al-Isrà : 88].

Fa raha ohatra ny Coran dia tenin'i Mouhammad na tenin'ny olon-kafa ankoatrany, dia nahavita nanao izany ny hafa ankoatrany amin'ireo mpahay miresaka aminy.

Nefa izany dia tenin'i Allah, ka ny hatsaran'ny tenin'i Allah sy ny halehibeny nohon'ny tenin'ny olombelona dia tahaka ny hatsaran'i Allah manoloana noho ny zanak'olombelona.

Araka ny tsy mampitovy an'i Allah amin'ny zavatra hafa dia tahaka izany koa ny teniny, vaoporofo noho izany fa ny Coran dia tenin'i Allah, tsy misy afaka hitondra izany afa-tsy ny iraka avy Aminy. Miteny i Allah manao hoe: {i Mohammad dia tsy mba rain'ny iray amin'ireo lehilahinareo velively, fa Irak'i Allah ary farany amin'ireo Mpaminany izy. Ary i Allah dia Mahafantatra ny zava-drehetra}. [Al-Ahzab : 40]. Ary niteny ilay Avo indrindra : (Ary tsy nalefanay ianao afa-tsy ho mpitondra vaovao mahafaly sy mpampitandrina ho an'ny olombelona rehetra. Nefa ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mahafantatra izany). [Sabà : 28]. Ary niteny ilay Avo indrindra : (Ary tsy nandefa anao izahay, raha tsy ho famindram-po ho an'izao tontolo izao). [Anbya : 107].

Ny dikan'ny ankapoben'ireo andininy :

1-Amin'ny andininy voalohany, dia miteny i Allah fa i Mouhammady (S.A.W) no Iraka ho amin'ny zanak'olombelona rehetra ary izy no Mpaminany farany, fa tsy hisy intsony ny aoriany ary milaza ihany koa fa Izy (Allah) no nisafidy azy amin'ny fitondrana ny hafany ary mba ho lasa Izy (S.A.W) no iraka farany, noho ny fahaizan'i Allah, fa izy no olona tena mendrika ho amin'izany.

Amin'ny andininy faharoa, dia milaza i Allah fa Izy no nandefa ilay Irany Mouhammad (S.A.W) ho amin'ny olombelona rehetra, ny fotosy sy ny mainty ary ny arabo sy ny hafa ankoatr'izy ireo, milaza ihany koa Izy Allah, fa ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mahafantatra ny marina, noho izany dia very izy ireo sy nikomy taorian'ny tsy nanarahan'izy ireo an'i Mouhammad (S.A.W).

Miteny i Allah amin'ilay Irany Mouhammad (S.A.W) - amin'io andininy fahatelo io, manao hoe : Izy no nandefa azy mba ho indrafo ho an'izao tontolo rehetra izao, izy no indrafon'i Allah izay fanomezam-boninahitra an'ny zanak'olombelona, ka izay nino Azy ary nanaraka ny sori-dàlany, dia nanaiky ny handray ny indrafon'i Allah ary omena azy ny Paradisa. Izay olona tsy mino an'i Mouhammad ary tsy momba azy, izany olona izany dia nanosika hanala ny indrafon'i Allah ary mendrika azy ny sazy afobe sy ny sazy mamirifiry.

Ny fiantsoana mba hino an'i Allah sy ny Irany Mouhammad (S.A.W) :

Noho izany dia miantso anao izahay - ry ilay olon-kendry - mba hino an'i Allah ho tempo, sy ny maha Irany an'i Mouhammad (S.A.W), ary miantso anao mba hanaraka Azy sy hampiassa ny lalàna izay nalefan'i Allah, izany lalàna izany no finoana islam, ny loharano anovozana azy dia ny Coran masina tenin'i Allah sy ny tenin'ilay Iraka farany Mouhammad (S.A.W), izay voaporofo fa nolazainy; satria i Allah efa niaro azy tsy hanota, ka tsy handidy izy afa-tsy amin'ny zavatra nandidian'i Allah ary tsy handrara afa-tsy amin'ny zavatra nandraran'i Allah ny hanaovana azy. Ka mitenena ianao amin'ny fahadiovam-po tanteraka manao hoe : Mino aho fa i Allah irery ihany no tempoko, ary mitenena hoe : Mino aho fa i Mouhammad no Irak'i Allah ary hanaraka azy aho. Satria amin'ny alàlan'izany ihany no ahatafita anao.

Allah anie hanome ahy sy anao ny fahasambarana sy ny fahombiazana, Amin !

\*\*\*

## **Ny fizarana fahatelo : Ny fahafantarana ny finoana marina-islam-**

Rehefa fantatrao - ry ilay olon-kendry - fa i Allah no tomponao izay nahary anao sy manome ny anjara masoandronao ary Izy Ilay Tompo tokana, marina, izay tsy misy mpiombona Aminy ary Izy ilay nanery anao ny amin'ny tsy maintsy hanompoana Azy irery ihany. Ary fantatrao fa i Mouhammad (S.A.W) no irak'i Allah ho aminao sy ho amin'ny olon-drehetra, Dia fantaro fa tsy mety ny finoanao an'i Allah sy ny Irany Mouhammady (S.A.W) raha tsy fantatrao ny finoana islam sy hinoanao ary ampiharinao eo amin'ny fiainana; Satria izany no finoana nankasitranan'i Allah sy nandidiany ireo irany rehetra ary izany no finoana noentin'ny ilay iraka farany dia i Mouhammad (S.A.W) ho amin'ny olon-drehetra ary nodidiana rehetra ny hampiassa izany.

\*\*\*

### **FAMARITANA NY ISLAM**

Niteny i Mouhammad (S.A.W) ilay Iraka farany sy Iraka ho an'ny olombelona rehetra : "Ny fijoroanao vavolombelona fa tsy misy Tompo mendrika ho tempoina afa-tsy i Allah ary i Mouhammad dia Irak'i Allah, ny fanangananao swalat, ny famoahanao zakat, ny fifehezanao amin'ny volana Ramadany ary ny fanatanterahanao ny Haj any amin'ny trano masina, raha manana fahafahana amin'izany ianao.

Ka ny Islam no finoana maneran-tany izay nandidian'i Allah ny zanak'olombelona rehetra ary izany no ninoan'ireo Irak'i Allah rehetra ary nambaran'izy ireo ho an'i Allah ny fanarahany ny islam, ary nambaran'i Allah fa izany no finoana marina ary tsy misy finoana ho raisiny amin'iza na iza ankoatr'izany, miteny i Allah manao hoe : {Hamafisina, fa ny finoana eken'i Allah eo anatrehany dia ny Islam}. [sorat al Imran : 19]. Ary niteny i Allah, Ilay Avo indrindra : (Izay manaraka finoana hafa ankoatra ny islam dia tsy ho

raisina aminy izany ary amin'ny andro farany izy dia ho anisan'ireo olona matiantoka). [sorat al Imran : 85].

Ny dikany ankabopen'ireo andininy roa ireo :

1-Milaza i Allah fa ny finoana eo anatrehany dia ny finoana islam ihany.

2-Amin'ny andininy faharoa dia milaza i Allah fa Izy dia tsy handray finoana na amin'iza na amin'iza afa-tsy ny finoana islam, ary ireo olona sambatra aorian'ny fahafatesana dia ny mpino silamo ihany, ka ireo maty tsy tao anaty finoana islam dia ho fatiantoka any an-koatra ary ho saziana ao anaty afobe.

Noho izany dia nanambara ireo Mpaminany rehetra ny fanarahan'izy ireo ny finoana islam ho an'i Allah ary nanambara koa izy ireo fa miala madiodio amin'ireo olona izay tsy manaraka ny inoana islam, ka izay jiosy sy kristianina mila ho tafta sy ho sambatra dia aoka izy hiditra ao amin'ny finoana islam sy hanaraka ilay Iraky ny finoana islam Mouhammad (S.A.W), ka hatonga azy ho tena mpanara-dia marina an'i Moussa (A.S), satria i Moussa sy i Jesoa ary i Mouhammad dia Irak'i Allah mpino silamo avokoa, niantso ho amin'ny finoana islam avokoa izy rehetra ireo, satria izany no finoan'i Allah izay nandefasana azy ireo. Tsy azo ataon'iza na iza aorian'ny nandefasana ilay iraka farany Mouhammad (S.A.W) mandra-pihafaran'ny fainana eto an-tany, tsy azony atao ny hiantso ny tenany hoe mpino an'i Allah ary tsy ho raisin'i Allah aminy izany finoana tonontononina izany raha tsy mino an'i Mouhammad ho iraka avy amin'i Allah izy ary manaraka azy sy manatantera ny voalazan'ny Coran izay nampidin'i Allah aminy, miteny i Allah ao amin'ny boky masina Coran manao hoe : (Teneno hoe : "Raha tia an'i Allah tokoa ianareo, dia manaraha ahy, mba ho tian'i Allah ianareo ary hamela anareo Izy amin'ny fahotanareo. Ary i Allah dia be Famelan-keloka, be Indrafo). [Sorat al Imran : 31].

Ny dikany ankabopen'ilay andininy :

Nodidin'i Allah ilay Irany Mouhammad (S.A.W) hiteny amin'ireo mitonon-tena ho tia an'i Allah : Rara tena mitia an'i Allah tokoa ianareo, dia manaraha ahy ka ho tian'i Allah ianareo, fa i Allah dia tsy hitia anareo ary tsy hamafa ny helokareo raha tsy mino ilay Irany Mouhammad sy manaraka azy ianareo.

Ity finoana islam ity, izay nalefan'i Allah amin'ilay Irany Mouhammad (S.A.W) ho an'ny olombelona rehetra, izy ilay finoana tomombana sy feno ary famelana, izay nataon'i Allah ho tomombana sy nankasitrahany ho finoan'ireo mpanompony ary tsy handray finoana hafa avy amin'izy ireo Izy ankoatr'izany, izy io ilay vaovao mahafaly efa nolazan'ireo Mpaminany teo aloha sy ninoan'izy ireo. Miteny i Allah ao amin'ny boky masina Coran manao hoe : (Fa ankehitriny dia nataoko lavorary ho anareo ny fianoanareo synofenoiko aminareo ny fahasoavako ary ankasitrahako ho finoanareo ny Isalm). [Sourate Al-Mâïda : 3].

Ny dikan'ilay andininy amin'ny ankabopeny :

Milaza i Allah amin'ity andininy masina izay nampidininy tamin'ilay Iraka farany Mouhammad (S.A.W), tamin'ny fotoana nijoroany manoloana ireo mpino teo amin'ny "Arafa" tao Makka, tamin'ny Hajj fanaovam-beloma, rehefa izy niantso an'i Allah sy nitalaho Taminy. Izany trangan-javatra izany dia teo amin'ny faramparan'ny fainan'ilay Iraka (S.A.W), taorian'ny fandresena azony avy amin'i Allah sy ny fiparitahan'ny islam sy ny fahafenoan'ny Coran.

Manambara i Allah fa nofenoiny ho amin'ireo mpino ny finoan'izy ireo ary nontotosany amin'izy ireo ny fahasoavany amin'ny alàlan'ny fandefasany amin'izy ireo ny Irany Mouhammad (S.A.W), sy ny fampidinany ny Coran ary manambara Izy fa ny islam no finoana ankasitrahany ho azy ireo ary tsy hanaiky ny finoana avy amin'iza na iza velively Izy ankoatr'izany.

Manambara i Allah fa ny islam izay nalefan'y amin'ilay Irany Mouhammad (S.A.W) ho an'ny olombelona rehetra, izany no finoana feno sy tomombana, azo ampiasaina amin'ny fotoana sy toerana ary ny olon-drehetra, izany no finoan'ny fahalalana sy fahamorana sy fahamarinana ary ny fahatsarana, izany no sori-dàlana mazava, tomombana, mahitsy, amin'ny sehatra rehetra eo amin'ny fainana, izany dia finoana no firenena, ao aminy no misy ny sori-dàlana marina ho lalàna sy hitsarana sy politika ary fiarahamonina ary toe-karena, ary izay rehetra ilain'ny olombelona eo amin'ny fainany eto an-tany, ary ao amin'izy io no misy ny fahasambaran'izy ireo amin'ny fainany any an-koatra aorian'ny fahafatesana.

\*\*\*

#### IREO ANDRIN'NY FINOANA ISLAM

Ny islam izay nalefan'i Allah amin'ilay Irany Mouhammad (S.A.W) dia miorina amin'ny fototra dimy, ka tsy ho mpino marina ny olona iray raha tsy mino izany ary manantateraka azy, ireto avy izy ireo :

1-Ny fijoroana vavolombelona fa tsy misy Tompo mendrika ho tompona afa-tsy i Allah ary i Mohammad (S.A.W) no Irak'i Allah.

2-Fananganana ny swalat.

3-Famoahana ny zakat.

4-Fifehezana amin'ny volana Ramadany.

5-Ny fanatanterahana Hajj any amin'ny trano masin'i Allah, raha ohatra manana fahafahana amin'izany. (15).

#### NY ANDRY VOALOHANY

1-Ny fijoroana vavolombelona fa tsy misy Tompo mendrika ho tomponia afa-tsy i Allah ary i Mohammad (S.A.W) Irak'i Allah.

Izany fijoroana vavolombelona izany dia misy dikany betsaka izay takina amin'ny mpino ny ahafantaran'izy ireo izany sy ny hanantaterahany azy, fa izay miteny izany kosa amin'ny vavany nefo tsy mahay akory ny dikany ary tsy manantateraka azy, dia tsy hahazo tombony amin'izany.

Ny dikan'ny hoe (La ilaha illa Allah) : Tsy misy Tompo mendrika ho tomponia eto an-tany sy any an-danitra afa-tsy i Allah irery ihany, ka Izy llay Tompo Marina, ary izay tomponia hafa ankoatrany dia lainga sy diso, ny Tomponia dia midika : ilay ho tomponia.

Izay manompo ankoatr'i Allah dia mpikomy ary mpampiombina Azy amin'ny zavaboahariny, eny, fa na dia Mpaminany sy mpanompon'i Allah mendrika aza no tomponia, eny, fa na dia natao ho fomba hoentina hanakakaiza an'i Allah sy hatongavana any Aminy ny nanompoana azy ireo; satria ireo mpampiombona an'i Allah, izay niadian'ilay Irak'i Allah (S.A.W), dia izany no porofo noentin'izy ireo nanompoana ireny Mpaminany sy ireny mpanompon'i Allah mendrika ireny, izany porofo hoentin'izy ireo izany dia diso, tsy azo raisina; Satria ny fanakakaizana an'i Allah sy fanantonana Azy dia tsy amin'ny alàlan'ny fanompoana zavatra hafa ankoatrany velively, fa amin'ny alàlan'ireo Anarany masina sy Toetoetrany sy amin'ny alàlan'ny asa soa nandidiany, toy ny : swalat, zakat, swadakat (fanomezana), zikr (fahatsiarovana), fifehezana (swiam), ady masina (jihad), Hajj, ary ny fanajana ny ray aman-dreny sy ny hafa ankoatr'izay ary tahaka izany koa ny hataka ataon'ny mpino ho an'ny rahalahany.

Ny fanompoana dia karazany maro, ka anisan'izany :

#### 1- Ny talaho (DOUAN) :

Izany dia fangatahana ireo filàna izay tsy misy afaka manantateraka azy afa-tsy i Allah, toy ny fandrotsahana orana, fanasitrana ny marary, fanafahana amin'ny haterena izay tsy voavahan'ny zavaboahary, toy ny fangatahana Paradisa sy fanafahana amin'ny Afobe, hataka mba ahazo taranaka, anjara tsara, fahasambarana ary ny hafa ankoatr'izany.

Izany rehetra izany dia amin'i Allah irery ihany no azo angatahana azy, ka izay mangataka izany amin'ny zavaboahary velona na maty dia efa voasokajy ho nanompo sahady ilay zava-boahary, miteny i Allah mandidy ireo mpanompony amin'ny fangatahana Aminy irery ihany, ary milaza Izy fa ny hataka dia fanompoana, ka izay mandefa izany any amin'ny hafa ankoatrany dia ho olon'ny Afobe; miteny i Allah : (Ary milaza ny Tomponareo hoe : "Mangataha Amiko, fa hamaly anareo aho. Fa ireo izay manambony tena tsy hanompo Ahy, dia hiditra any amin'ny Afobe tsy ho ao mandrakizay, feno fahafaham-baraka). [sorate Ghafir : 60]. Miteny i Allah manambara fa ny ankoatrany dia tsy afaka manasoa na manaratsy olona, eny, fa na dia ireo Mpaminany aza ilay olona na koa mpanompo mendrika : (Teneno hoe : "Antsoinareo ireo izay neverinareo (ho zanahary) ankoatra Azy, fa tsy afaka hanala ny fahorianareo izy ireo na hamily izany). (Al-isra : 56 sy ny andininy aoriany). Ary niteny i Allah, llay Avo indrindra : (Ny toeram-pivavahana "masjid" rehetra dia an'i Allah, ka aza atambatrareo amin'ny zavatra hafa ny hataka amin'i Allah). (Al-jinni : 18).

#### 2-Ny fanapahana sy ny voady ary ny fanaovana sorona :

Tsy azon'ny olona atao ny mandatsa-drà ho fanaovana sorona ny biby, na manao voady afa-tsy amin'i Allah irery ihany, ka izay manapaka nohon'ny zavatra hafa ankoatr'i Allah, tahaka ny manapaka nohon'ny fasana na nohon'ny jiny, dia efa nanompo zavatra hafa akoatr'i Allah izy, ary mendrika hahazo ny ozon'i Allah ; miteny i Allah manao hoe: (Teneno hoe : "Tena marina fa ny fivavahako (Swalat) sy ny sorona izay atao, ny fahavelomako ary ny fahafatesako dia an'i Allah Tompon'izao Tontolo izao). (Al-an'am : 161-162).

Ary miteny ilay Irak'i Allah (S.A.W) manao hoe : "Hzonon'i Allah izay olona manao sorona ho an'ny hafa ankoatr'i Allah" (16).

Ka raha misy olona miteny manao hoe : "Izaho dia manao voady amin'i ranina raha tanteraka ny zavatra tahaka izao, dia hamoaka an'izao na izao "swadakat" aho na hanao an'izao sy izao, Ny voady tahaka izany dia efa fampiombonana Allah amin'ny zavaboahariny, satria izany dia voady natao amin'ny zavaboahary, ny voady nefo dia fanompoana ka tsy azo atao raha tsy amin'i Allah ihany. Ny voady azo atao dia ny miteny hoe : "izaho dia manao voady amin'i Allah fa hamoaka swadaka tahaka izao, na izaho dia hanao fanompoana tahaka izao raha azoko ny zavatra tahaka izao".

#### 3-Ny fangataham-panavotana sy fiarovana ary vonjy (17) :

Ka tsy azo atao ny mitady fanavotana na fiarovana na vonjy afa-tsy amin'i Allah irery ihany, miteny i Allah ao anaty kor'any masina manao hoe : 5-(lanao irery ihany no tomponay ary lanao irery no ilanay vonjy).

(Al-fatihat : 5). Ary niteny i Allah, Ilay Avo indrindra : (Lazao hoe : Mitady fiarovana avy amin'ny Tompon'ny maraina vao mangiran-dratsy aho) (1). (Manoloana ny haratsian'izay nohariany), (2). (Al-falaq : 1-2). Ary nilaza i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Ny tena marina, aza mitady fanavotana amiko fa mitadiava fanavotana amin'i Allah" (18). Ary niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Raha mangataka ianao dia mangataha amin'i Allah ary raha mitady vonjy dia mitadiava vonjy amin'i Allah" (19).

Ny olombelona velona sy eo an-toerana dia azo atao ny mitady fanavotana aminy ary azo atao mila vonjy aminy amin'ny zavatra izay vitany ihany, fa ny fitadiavana fiarovana kosa dia tsy mety afa-tsy amin'i Allah irery ihany, ny maty sy ny tsy eo an-toerana dia tsy azo atao ny mitady fanavotana aminy, ary tsy azo atao tanteraka ny mila vonjy aminy, satria tsy misy azony atao izy ireo, eny, fa na dia Mpaminany aza na mpanompo mendrika na mpanjaka ilay olona.

Ary ny zava-miafina dia i Allah irery ihany no mahalala azy, ka izay mitonin-tena ho mahafantatra ny zava-miafina dia olona mpikomy, tsy maintsy disoina izay lazainy ary raha nanandro izy ka tanteraka izany dia sendrasendra ihany; niteny ilay Irak'i Allah (S.A.W) manao hoe : «Izay olona manatona mpanandro na mpisikidy ka nohamarininy izay voalazany, dia efa nikomy sahady amin'ny zavatra nidina amin'i Mouhammad yzy». (20).

Ny fiakinan-doha sy ny fanantenana (21) ary ny tahotra : Tsy azon'ny olona atao ny miankin-doha afa-tsy amin'i Allah, ary tsy manantena afa-tsy amin'i Allah, ary tsy matahotra afa-tsy i Allah irery ihany.

Anisan'ny zavatra mampalahelo dia betsaka ireo mpanaraka ny islam no mampitambatra an'i Allah amin'ireo zavaboahariny, ka mitalaho amin'ny zavatra hafa ankoatrany, amin'ireo olona velona nomem-boninahitra sy ireo efa maty, ka manao tawaf «fanompoana» amin'ny fasan'izy ireny ry zareo ary mangataka amin'izy ireny mba hamaha ny olan'izy ireo, izany dia fanompoana ankoatran'i Allah, ka tsy mpino ny manao izany, eny, fa na dia mitonon-tena ho mpino aza izy, na dia niteny hoe : Tsy misy Tompo mendrika ho tomponia afa-tsy i Allah ary i Mouhammad (S.A.W) Irak'i Allah sady nifehy, ary nanao Hajj any amin'ny trano masina; miteny i Allah manao hoe : (Efa nolazaina taminao sy ireo teo alohanao fa raha mampiombona an'i Allah amin'ny zavatra hafa ianao dia ho very maina ny asanao ary ianao dia tena ho anisan'ireo olona matiantoka). (Az-zoumar : 65). Ary niteny i Allah, ilay Avo indrindra : (Fa izay mampitambatra an'i Allah amin'ny hafa, dia ho atao'i Allah ho fady azy ny Paradisa ary ny afobe no fonenany. Ary tsy hanana mpamonjy tokoa ireo mpanao ny tsy rariny). [Sourate Al-Maïdat : 72]. Ary nodidin'i Allah Ilay Irany Mohammad (S.A.W) mba hiteny hoe : {Lazao hoe : Tsy inona akory aho afa-tsy olombelona tahaka anareo, nolazaina tamiko fa ny Zanaharinareo dia Zanahary Tokana, Koa na iza na iza maniry ny hihaona amin'ny Tompony, dia aoka izy hanao asa soa ary tsy hampikambana ny fanompoany an'ny Tompony amin'ny zavatra hafa}. [Sourate Al-Kahf : 110].

Ary ireny olona bado ireny dia nofitahin'ireo manampahaizana momba ny faharatsiana sy mpitarika amin'ny fahaverezana, izy ireny izay nahafantatra ny amphany amin'ny sampan'ny finoana, Saingy tsy nahalala ny fanokanana Allah (Tawhid), izay fototry ny finoana, ka lasa niantso mankany amin'ny fanakambanana Allah izy ireo; noho ny tsy fahalalany ny atao hoe : Fanelanelana «chafa'an» sy ny «wasila» fomba hanatonana an'i Allah, ny porofo entin'izy ireo manamarina ny zavatra ataony dia ny familiviliana amin'ny fomba ratsy ny ampahany amin'ireny porofo sy hadith lainga tany aloha sy ankehitriny mahakasika an'i Mpaminany (S.A.W), ary ireo tantara valamaty sy nofin'ny torimaso izay noforonin'ny devoly ho azy ireo sy ny hafa ankoatr'izany, izay nangonin'izy ireo ao amin'ny bokin'izy ireo, mba hanamafisany ny fanompoany ankoatr'i Allah ; mba ho fanarahana ihany koa ny devoly sy ny sitrapo ary fanarahana anjambany ireo ray aman-dreny sy ny razambe, tahaka ny nataon'ireo mpanompo sampy tany aloha.

Ny fomba hoentina manatona an'i Allah «Wasila» dia nodidin'i Allah isika ny hanao izany araka ny teniny manao hoe : (Ary tadiavinareo ny fomba hanakakaizanareo Azy) (Al-maïda :35); izany dia ny fanaovana asa soa toy ny : Fanokanana an'i Allah, ny swalat, swadakat (fanomezana), fifehezana, Hajj (fivahinianana masina), jihad (ady masina), fampirishana ny olona amin'ny fanaovana ny tsara sy fanakanana azy ireo amin'ny ratsy, fanohipanana ny rohim-pihavanana sy ny hafa ankoatr'izany. Fa ny fiantsoana ireo maty sy ny fitadiavana fanavotana avy amin'izy ireo rehefa amin'ny fotoan-tsarotra, izany dia midiaka ho fanompoana azy ireo ankoatran'i Allah.

Ny fanelanelan'ireo Mpaminany sy ireo Mpanompo mendrika ary ny mpino hafa ankoatr'izy ireo, izay nahazo alàlana avy amin'i Allah hanao izany fanelanelanana izany, dia marina sy hinoantsika, nefo kosa izany dia tsy angatahana amin'ireo maty; Satria izany dia zon'i Allah, tsy ho azo avy amin'iza, raha tsy sitrapony Izy Allah, ka any amin'i Allah no angatahan'ny mpino izany, miteny manao hoe : «Tompo ô ! Atao ho mpanelanelana ahy ny Irakao sy ireo mpanomponao mendrika. Tsy azo atao ny miteny hoe : ô ry ranina ! mba elanelano aho, noho izy efa maty, ny maty dia tsy azo hiangaviana zavatra velively; miteny i

Allah manao hoe : (Lazao hoe : "An'i Allah ny fanelanelanana rehetra. Azy ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany. Ary any Aminy no hamerenana anareo). (Az-zoumar).

Ary isan'ireo forona voarara, mifanohitra amin'ny finoana islam, izay nosakanan'i Irak'i Allah (S.A.W) amin'ny Hadith mari-pototra sy voaporofa ao amin'ny bokin'i Boukhari sy Mouslim sy ireo boky sounna hafa : Ny fanaovana masjid sy jiro amin'ny fasana, fanaovana trano eo amboniny, fanoratana azy, fametaha firakotra eo aminy, fanaovana swalat eo aminy, izany rehetra izany dia nosakanan'Illy Iraka (S.A.W) avokoa, Satria izany rehetra izany dia anisan'ny fomba lehibe hahatonga ny olona hanompo tompon'ilay fasana.

Mazava arak'izany fa anisan'ny fampiombonana Allah amin'ny zavatra hafa (chirk) ny zavatra ataon'ireo olona bado manoloana ny fasana any amin'ny tanàna maromaro, toy ny fasan'i Badawi sy Saydat Zainab any Egypt ary fasan'i Al-Djelan any Irak sy ny lazaina ho fasan'ireo fianakavian'ny Mpaminany (R.A) any Najef sy Karbala any Irak, Ary ireny fasana amin'ny tanàna maro samihafa, toy ny fanaovana tawaf (fanompoana) eo aminy sy ny fangatahana amin'ilay maty ao am-pasana ary ny fiheverena azy ireo ho afaka manasoa olona na manaratsy.

Ary mazava amin'ny fihetsika ataon'izy ireo fa mpanompo sampy izy ireo, very lèlana, eny, fa na dia mitonon-tena ho mpanaraka ny finoana islam aza sy manao swalat, mifehy, ary manao Hajj sy miteny hoe : Tsy misy Tompo mendrika ho tomponia afa-tsy i Allah ary i Mouhammad Irak'i Allah. Tsy azo lazaina ho mpanokana Allah izy ireo, mandra-pahafantaran'izy ireo ny dikan'izany sy hampiharany azy, araka ny efa nazavaina tany aloha. Fa ny tsy mpino kosa dia mampiditra azy ao anaty finoana islam ny fitenenany izany eny am-piandohana ary antsoina hoe : mpino silamo izy, mandra-pisehoany mazava tsara eo aminy ny mifanohitra amin'izany sy ny zavatra izay mampijanona azy ao amin'ny fanompoan-tsampy (chirk), tahaka ireny olona bado ireny, na koa ny tsy fanekeny zavatra iray amin'ireo zavatra nandidin'ny islam, aorian'ny nanazavana izany taminy, na koa izy mino ny finoana mifanohitra amin'ny islam.

Ary ireo Mpaminany sy ireo Mpanompon'i Allah mendrika (22) dia miala madiodio amin'ireo mpangataka aminy sy ireo mpitady famonjena aminy, satria i Allah dia nandefa ireo Irany mba hiantso ny olona mankany amin'ny fanompoana Azy irey ihany sy fampitsaharana ny fanompoana zavatra hafa ankoatrany, na i Mpaminany na mpanompon'i Allah mendrika na hafa ankoatr'izy roa ireo.

Ny fitiavana ilay Iraka (S.A.W) sy ireo mpanompon'i Allah mendrika ary ny fakana tahaka azy ireo sy ny fanarahana ny lèlan-kizoran'izy ireo, fa tsy ny fanompoana azy ireo, satria ny fanompoana azy ireo dia tsy midika ho fitiavana azy fa fifahavalona aminy, fa ny tena mpino marina dia mankatia ireo mpaminany sy ny mpanompo mendrika, saingy tsy mba manompo azy ireo.

Isika dia mino fa ny fitiavana ilay Irak'i Allah (S.A.W) dia zavatra tsy maintsy takina amintsika, fitiavana izay takina hohoatra ny fitavantsika ny tenantsika sy ny vady aman-janantsika ary ny olon-drehetra.

\*\*\*

#### Ireo vondrona avotra

Ny mpino silamo dia betsaka raha eo amin'ny tahan'isa, fa vitsy kosa raha ny kalitao no jerena ary ireo vondron'olona izay tato anaty finoana islam no nipoirany dia tonga hatrany amin'ny 73 no isany. Ny isan'ny mpanaraka azy dia miliara mohoatra (23), nefo kosa ny vondron'ny tena mpino marina dia iray ihany, izany ilay mpanokana an'i Allah ary manaraka ny sori-dàlan'ilay Iraka (S.A.W) sy ireo mpanara-dia azy, eo amin'ny foto-pinoana sy ny asa mendrika, arak'izay efa nambaran'ilay Iraka (S.A.W) amin'ny teniny manao hoe : «Nizarazara ho iray amby fito-polo ny vondron'ireo jiosy sy nizarazara ho roa amby fito-polo ny kristianina ary hizarazara ho telo amby fito-polo ny vondron'ity vahoaka ity, izy rehetra ireo dia hiditra ny afo avokoa afa-tsy ny iray». Niteny ireo Sahaba manao hoe : Iza izany ry Irak'i Allah? Namaly izy manao hoe : «Izay manao tahaka ny ataoko ankehitriny sy ireo mpanara-dia ahy (24)».

Ny zavatra nataon'ny Mpaminany (S.A.W) sy ireo mpanara-dia azy dia finoana ilay dikan'ny hoe : Tsy misy Tompo mendrika ho tomponia afa-tsy i Allah ary i Mouhammad Irak'i Allah, sy ny fiasana amin'ny alàlan'izany amin'ny fitalahoana amin'i Allah irey ihany, ny fanapahana sy ny sorona dia natao ho an'i Allah irey ihany, ny fangataham-pamonjena sy fanampiana ary fiarovana dia Aminy ihany, ary ny finoana fa i Allah ihany no afaka manasoa sy manao ratsy, ny fanatanterahana ny andrin'ny finoana islam amin'ny alàlan'ny fahadiovan-po tanteraka aminy sy ny fanekena ireo Anjeliny, ny Bokiny, ireo Irany, ny fitsanganana amin'ny maty, ny fitsarana, ny Paradisa, ny Afobe ary ny lahatra tsara sy ratsy dia avy amin'i Allah avokoa. Ary ny fampiharana ny Coran sy ny sounna ho lalàna eo amin'ny lafi-piaianana rehetra, fankasitrahana ny lalàna nivoaka avy amin'izy roa ireo, fitiavana ireo mpanompon'i Allah mendrika, fifahavalona amin'ireo mpifahavalona Aminy, fantsoana mankany Aminy, ezaka amin'ny lalàny, firaissankina noho izany, fihainoana sy fankatoavana ireo mpitondra mpino rehefa izay mandidy amin'ny zavatra tsara, fitenenana tsara na aiza na aiza misy azy ireo, fitiavana ireo vadim'ny Mpaminany (S.A.W) sy ny fianakaviany, fitiavana ireo mpanara-dia ilay Irak'i Allah (S.A.W), fampiharana azy ireo araka ny

hatsarany, fandefasana tso-drano ho azy ireo, tsy fidirana amin'ny ady nisy tamin'ny samy izy ireo (25), tsy finoana ny fanaratsiana izay ataon'ireo mpihatsaravelatsihy sasantsasany amin'izy ireo, ny fampisaraham-bazana ny mpino no tanjon'izy ireo amin'izany fanaratsiana izany, ary voafitaka amin'izany ny manampahaizana sasantsasany amin'izy ireo sy ireo mpahay tantara ka noraketin'izy ireo ao anaty bokiny noho ny finiavana tsara, ka diso anefa izany.

Ireo izay mitonon-tena ho fianakavian'ny Mpaminany, izy ireo izay antsoina ho lehibe, takina amin'izy ireo ny hanamarinany tsara ny firazanany, satria i Allah dia nanozona ireo olona izay iray firazanana amin'ny tsy rainy akory, ka raha voamarina tsara ny firazanany, dia takina aminy ny hakany tahaka ilay Iraka (S.A.W) sy ireo fianakaviany amin'ny fampiharana ny fahadiovam-po eo amin'ny fanokanana Allah sy ny fanajanonana ny fanaovana fahotana ary ny tsy fankasitrhana ny fiondrehan'ny olona amin'izy ireo, fiorohana ny lohaloka aman-tongotr'izy ireo ary tsy hampiavaka ny tenan'izy ireo amin'ny mpino hafa amin'ny alàlan'ny fitafy manokana, satria izany rehetra izany dia mifanohitra amin'ny nataon'ilay Irak'i Allah (S.A.W), ary Izy (S.A.W) dia tsy misy ny hifandraisany amin'izany, ny be voninahitra eo anatrehan'i Allah dia izay tena mpatahotra indrindra.

Ary i Allah anie handefa ny tso-drano sy ny fiadanana ho amin'ny Mpaminanintsika Mohammad sy ireo fianakaviany.

\*\*\*

Ny fitsarana sy ny lalàna dia zon'i Allah irey ihany, satria raha misy ny lalàna dia ho hita ny fahamarinana sy ny indrafo ary ny hatsarana.

Isany dikan'ny hoe : "Tsy misy Tompo mendrika ho tomponia afa-tsy i Allah", izay tsy maintsy hinoana sy ho ampiharina izany, : Ny fitsarana sy ny lalàna dia zon'i Allah irey ihany, ka tsy azon'ny olombelona atao ny mametraka lalàna mifanohitra amin'ny lalàn'i Allah na amin'ny lafiny inona, ary tsy azon'ny mpino atao ny mitsara amin'ny zavatra hafa ankoatran'izay nampidinin'i Allah ary tsy azony atao ny mankasitraka ny lalàna izay mifanohitra amin'ny fitsaran'i Allah, ary tsy azon'iza na iza atao ny mampety ny zavatra noraran'i Allah na koa handrara amin'ny zavatra nomen'i Allah alàlana ny fanaovana azy. Ka izay manao izany an-tsitrappy mba ho fanoherana na koa faly izy amin'ny fisian'izany, dia mpikomy Allah izy, miteny i Allah manao hoe : (Izay tsy mitsara amin'izay nampidinin'i Allah dia izy ireny no mpikomy). (Al-ma'ida : 44).

\*\*\*

Ny asan'ireo iraka izay nanirahan'i Allah azy ireo :

Izany dia ny fiantsoana ny olona ho amin'ny tena fanokanana "La ilaha illa Allahou", Tsy misy tomponia mendrika ho tomponia afa-tsy i Allah, sy ny fampiharana ny hevitra fonoson'izany, izany dia ny fanompoana an'i Allah irey ihany sy ny fisitahana amin'ny fanompoana zavaboahary sy ny lalàna napetrany mankany amin'ny fanompoana llay Mpahary sy ny lalànany, Izy irey ihany no tsy manana mpiombona Aminy.

Ka izay mamaky ny Coran am-pamakafakana tsara sy manalavitra ny fakan-tahaka anjambany fotsiny, dia ho tsapany fa ireny nazavainay ireny no tena marina, ary ho tsapany fa i Allah dia namaritra mazava tsara ny fifandraisany olombelona Aminy sy ny fifandraisany amin'ny zavaboahary. Ka nataony ny fifandraisany amin'ilay mpino mpanompony amin'ny alàlan'ny fanompoana Azy amin'ireo karazana fanompoana maro isan-tskajiny. Ka tsy azony atao ny manompo zavatra hafa ankoatr'i Allah. Ary nataony ny fifandraisany amin'ireo Mpaminany sy mpanompon'i Allah mendrika amin'ny alàlan'ny fitiavana azy ireo, izay fitiavana aorian'ny fitiavana an'i Allah sy ny fanarahana ny fomba amam-panaon'izy ireo. Ary nataony ny fifandraisana amin'ireo fahavalony amin'ny alàlan'ny fankahalana azy ireo, satria i Allah dia mankahala azy ireo, miaraka amin'izany anefa ny fiantsoana azy ireo ho any amin'ny islam sy ny fanazavana azy ny islam, angamba izy ireo hanaraka ny fahitsiana ary hiadivan'ny mpino silamo izy ireo raha toa ka tsy manaiky ny hiditra ny finoana islam sy tsy manaiky ny hiambany manoloana ny lalàn'i Allah, mba tsy hisian'ny olana ka ho an'i Allah irey ihany ny finoana. Izany no dikan'ny fanokanana (La ilaha illa Allah) izay takina amin'ny mpino ny hahaizany azy sy ny hampiharany azy amin'ny fainana, ka hatonga azy ho mpino marina.

Dikan'ny mijoro vavolombelona fa i Mouhammad dia Irak'i Allah .

Ny dikan'ny hoe mijoro vavolombelona fa i Mouhammad dia Irak'i Allah : Ny finoanao fa i Mouhammad dia Irak'i Allah ho amin'ny olombelona rehetra ary izy dia mpanompo fa tsy ho tomponia, ary Iraka izay tsy ho ampandaingana, tsy vitan'izany fa ho ankatoavina sy ho arahina, izay mankato Azy dia hiditra ny Paradisa ary izay mikomy azy kosa dia hiditra ny Afobe ary ny fahafantaranao sy ny finoanao fa ny handraisana ny lalàna, na lalàna momba ny fanompoana nandidian'i Allah izany, na lalàna momba ny rafi-pianana ankapobeny, na ny lalàna momba ireo zavatra azo atao (HALAL) sy ny voarara (HARAM), dia tsy azo atao afa-tsy amin'ny alàlan'izany Irak'i Allah izany, satria izy ilay Irak'i Allah mpampita ny

lalàny, ka tsy azon'ny mpino atao ny manaiky lalàna tsy avy amin'ilay Iraka (S.A.W); miteny i Allah manao hoe : (Izay noentin'ilay Iraka aminareo dia raiso ary izay nanakanany anareo dia atsaharo, matahara an'i Allah ianareo, tena marina fa i Allah dia mafy famaizana). [Sourate Al-Hashr : 7]. Ary niteny i Allah manao hoe : (Tsia ! Mianiana ny tomponao! Fa tsy mino izy ireo mandra-pahandraisn'izy ireo anao ho mpitsara amin'ny disadisa mitranga eo amin'izy ireo, avy eo, tsy hahita fanelingelenana ny tenan'izy ireo, amin'izay nitsaranao azy ary hiambany tanteraka amin'ilay didy). (An-nissa : 65).

Dikan'ilay andininy roa :

Nodidin'i Allah amin'io andininy voalohany io ny mpino mba hankato ilay Irak'i Allah Mouhammad (S.A.W), amin'izay rehetra nandidiny sy hampitsahatra amin'ny rehetra nanakanany, Satria izy dia tsy mandidy afa-tsy amin'ny zavatra nandidin'i Allah, ary tsy manakana afa-tsy amin'ny zavatra nanakanan'i Allah.

Amin'ny andininy faharoa kosa dia mianiana amin'ny tenany masina i Allah, fa tsy mety ny finoan'ny olona iray an'i Allah sy ny Irany mandra-panekeny fa ilay Iraka (S.A.W) no hitsara ny olana izay mampifanditra azy ireo sy ny ankoatrany (26), aorian'izany izy dia hankasitraka ny lalàna nivoaka ary hanetry tena amin'izany, miteny ilay Iraka (S.A.W) manao hoe : "Izay manao asa tsy mifanaraka amin'ny sori-dàlanay dia ho averina (aminy) izany". (27).

\*\*\*

#### ANTSO

Rehefa fantatrazo - ry manan-tsaina - ny dikan'ny «Tsy misy tombo mendrika ho tomponina afa-tsy i Allah ary i Mouhammad no Irak'i Allah» ary fantatrazo fa io fijoroana vavolombelona io no fanalahidiv hidirana amin'ny islam sy ny fototra izay hiorenany, dia teneno amin'ny fo feno fahadiovana ny hoe : «Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy tombo mendrika ho tomponina afa-tsy i Allah ary i Mouhammady dia Irak'i Allah» ary miasà amin'ny alàlan'ny dikan'izany fijoroana vavolombelona izany, mba hahazoanao ny fahasambarana eto an-tany sy ny an-koatra, mba hanavotra anao amin'ny sazin'i Allah aorian'ny fahafatesana.

Fantaro fa anisan'ny hevi-dehibe fonoson'ny fijoroana vavolombelona «Tsy misy tombo mendrika ho tomponina afa-tsy i Allah ary i Mouhammad dia Irak'i Allah» : Ny asa amin'ny alàlan'ireo andry hafa sisatabela, satria i Allah nandidy ny mpino hanompo azy amin'ny fahamarinana sy fahadiovan-po amin'ny alàlan'ireo andry ireo. Ary izay mamela iray amin'ireo andry dimy tsy misy fialan-tsiny ara-dalàna, dia efa namoaka sahady ny dikan'ny hoe : «Tsy misy tombo mendrika ho tomponina afa-tsy i Allah» ary tsy azo heverina ho marina intsony ny fijoroany vavolombelona.

\*\*\*

Ny andry faharoa amin'ireo andry hijoroan'ny finoana islam (Swalat).

Fantaro - ry manan-tsaina - fa ny andry faharoa amin'ireo andry hijoroan'ny islam dia ny : swalat, izany dia vavaka in-dimy ao anatin'iray andro sy iray alina, nodidin'i Allah izany, mba ho fifandraisana aminy sy ny mpino, amin'ny alàlan'izany izy no mitalaho sy miantso Azy ary izany koa dia sakana ho an'ny mpino amin'ny ratsy, ka amin'ny alàlan'izany no hahazoany ny fitoniana ara-batana sy ara-panahy izay hitondra fahasambarana ho azy eto an-tany sy any an-koatra.

Nodidian'i Allah amin'ny fanaovana swalat ny fahadiovan'ny vatana sy ny lamba fitafy ary ny toerana izay hanaovany izany swalat izany, ka diovin'ny mpino amin'ny rano madio ireo loto, toy ny : pipy sy kaka, mba hahatonga ny vatany hadio amin'ireo loto hita maso sy ireo loto tsy hita maso.

Ny swalat no fototry ny finoana, io no tena zava-dehibe indrindra amin'ireo andrin'ny finoana islam aorian'ny fijoroana vavolombelona roa, takiana amin'ny mpino ny hitandremany izany manomboka izy tonga taona mandra-pahafatiny, ary takiana aminy ny fandidiany ireo vady aman-janany amin'izany fony izy ireo mbola any amin'ny faha fito taonany, mba hahatonga azy ireo ho zatra izany, miteny i Allah manao hoe : (Tena marina fa ny Swalat dia voadidylara-potoana ho an'ireo mpino). [Sorate An-Nisâ : 103]. Ary niteny i Allah manao hoe : (Tsy nodidiana izy ireo afa-tsy hanompo an'i Allah; fanompoana Azy amim-pahadiovan-po tsy afangaro amin'ny zavatra hafa sy ny fanatanterahan'izy ireo ny vavaka (Swalat) ary hanome ny harena fiantrana (Zakat). Izany no finoana tonga lafatra tokoa). (Al-baynat : 5).

Ny dikany ankabopen'ireo andininy roa ireo :

1-Manambara i Allah amin'ny andininy voalohany fa ny swalat dia tsy maintsy ataon'ireo mpino tsy misy ady hevitra ny amin'izany ary tsy maintsy tanterahan'izy ireo amin'ny fotoana izay voadidylara-hanaovana azy.

2-Amin'ny andininy faharoa dia manambara i Allah fa ny didy izay nandidiany ny zanak'olombelona ny fanatanterahana azy ary nohon'ny anton'izany no nohariany azy ireo, izany dia ny hanompo azy irery ihany sy hanao izany amin'ny fahadiovan-po, ary ny hanatanteraka ny swalat ary hamoaka ny zakat ho an'ireo izay mendrika ny hahazo izany.

Ary ny swalat dia tsy maintsy ataon'ny mpino amin'ny tranga rehetra, eny, fa na dia amin'ny fotoan'ny ady na amin'ny aretina, ataony araka ny fomba ahavitany azy ny swalat, mitsangana na mipetraka na mandrimandry, eny, fa na dia amin'ny alàlan'ny fihetsiky ny maso na eritrerity ny fo aza, ilay Iraka (S.A.W) dia efa nanambara fa ny olona mpamela ny swalat dia tsy mpino na lahy na vavy izany, miteny ilay Iraka (S.A.W) manao hoe : "Ny fifanekena eo amintsika sy izy ireo dia ny swalat, ka izay namela izany dia tsy mpino". 28.

Ny swalat dimy, ireto avy izany :

Swalat Fajr, swalat Zouhr, swalat Asr, swalat Maghrib, swalat icha.

Ny fotoan'ny swalat Fajri dia manomboka amin'ny fiposahan'ny maraina any antsinanana ary mitsahatra amin'ny fiposahan'ny masoandro ary tsy azo atao ny manatara azy amin'ny fotoana farany. Ary ny fotoan'ny swalat Zouhr dia manomboka amin'ny mitatao vovonana ka mandra-pahalasan'ny alok'ilay zavatra mitovy aminy. Ary ny fotoan'ny Swalat Asr dia manomboka amin'ny fiafaran'ny Zouhr ary mitohy mandra-pisehon'ny loko mavomavo eny amin'ny masoandro, ary tsy azo atao ny manatara azy amin'ny fotoana farany, fa tanterahana kosa amin'ny fotoan'ny masoandro mbola mposaka mazava tsara iny. Ny fotoan'ny swalat maghrib dia manomboka aorian'ny filentehan'ny masoandro ary miafara amin'ny filentehan'ny mena eny amin'ny vody lanitra, tsy azo atao ny manatara azy any amin'ny fotoana farany. Ary ny fotoan'ny swalat icha dia manomboka amin'ny fiafaran'ny swalat maghrib mandra-piafaran'ny alina, tsy azo ahemotra aorian'izany.

Fa raha ny mpino iray nanemotra swalat ka nivoaka ny ora fanaovana azy nefá tsy misy fialan-tsiny ara-dalàna, dia izy amin'izay fotoana izay nanatanteraka fahotana lehibe, takina aminy ny fibebahana amin'i Allah, ary tsy hamerina izany intsony amin'ny manaraka ; miteny i Allah manao hoe : (Koa loza ho an'ireo mpivavaka (4)). (Ireo izay manao tsirambina ny vavaka ataony (5)). (Al-maa'oun : 4-5).

\*\*\*

Ireo lalàn'ny swalat

Voalohany : Ny fidiovana :

Mialohan'ny hanaovan'ny mpino swalat dia tsy maintsy midio, ka dioviny mialohan'izany ny fivoahan'ny loto, raha toa ka nisy pipy na kaka nivoaka taminy aorian'izany izy dia manao ny ouzou.

Ary ny Ouzou : Apetrary ao am-pony ny finiavana ary tsy tononiny amin'ny vavany, satria Allah mahafantatra izany ary ilay Irak'i Allah (S.A.W) dia tsy nanonina izany fikasana izany tamin'ny vavany. Miteny bismillah izy, avy eo manotsam-bava aorian'izany, mitroka rano amin'ny orony avy eo ahintsany, manasana ny tarehiny iray manontolo, avy eo manasa ny tànany roa hatrany amin'ny kiho, atomboka amin'ny havanana, avy eo safoiny ny lohany iray manontolo, safoiny ny sofify roa, sasany ny tongony roa miaraka amin'ny kitro, atomboka amin'ny havanana hatrany.

Raha nivoaka tamin'ny olona iray avy nanao ouzou ny pipy na kaka na hetotra na koa fahaverezan-tsaina - Noho ny torimaso na safotra - dia tsy maintsy mamerina ny fidiovany Ouzou izy raha manam-pikasana hanao swalat. Raha ny mpino iray kosa nivoahan'ny tsirin'aina ny vatany na avy nanao firaiana ara-nofo, na tamin'ny alàlan'ny nofy, lahy izany na vavy- dia tsy maintsy midio izy amin'ny alàlan'ny fanasana ny vatana iray manontolo (mandro). Ny vehivavy raha hidio noho ny loton'ny fadim-bolana na avy niteraka dia takina aminy ny hanasa ny vatany iray manontolo (mandro), satria tsy mety ny swalat ataon'ny vehivavy maloto noho ny vadimbolana na avy niteraka, ary tsy voandidy aminy ny hanao swalat mandra-pahadiony, ary izy ireo dia nahazo famelana avy amin'i Allah, satria tsy takina aminy ny hanolo ny salat tsy vitany nandritra ireny fotoana ireny. Fa ny ankoatr'izany kosa dia tsy maintsy soloany (fifehezana), tahaka ny lehilahy.

Izay tsy manana rano na tsy afaka mampiasa azy toy ny olona marary, dia mampiasa ny "Tayammoum", mikasa ny hidio ao am-pony izy, miteny hoe : Bismillah, avy eo kapohiny indray mandeha amin'ny tànany roa ny tany, safoiny amin'ny tànany roa ny tarehiny, safoiny amin'ny felatànany havia ny tànany havanana, ary safoiny amin'ny felatànany havanana ny tànany havia, efa madio izy raha nahavita izany. Izany Tayammoum izany dia ho an'ny rehetra; vehivavy tapitra fadimbolana, avy niteraka, olona nivoahan'ny tsirin'aina na avy nanao firaiana ara-nofo, raha mikasa ny hanao ouzou nefá tsy misy rano, na tsy afaka mampiasa azy ilay olona.

Faharoa : Toetoetran'ny wsalat :

1-Swalat fajri :

Swalat roa rakat, tanterahin'ny mpino iray lahy na vavy, mitodika mankany amin'ny «Quibla», izany dia any amin'ny «KAABA» ao amin'ny Mosquée Masina any Lameka, mametraka fikasana ao am-pony izy hoe hanao ny swalat Fajri, tsy tononiny ilay fikasana, avy eo manao ny «Takbir » (Allah Akbar), avy eo mamaky ny tonom-bavaka (dou'an) fanokafana ny swalat hoe : «Soubhanakallahoumma wabihamdi, watabarakasmouka, wata'aladjaddouka, walailaha ghairouka», Aouzoubillahi minachaytwanirradjimi

Bismillahirrahmanirrahim, aorian'izany izy dia mamaky ny sourat Al-Fatiha, dia ity izany : Bismillahi Rahmani Rahim (Amin'ny anaran'i Allah, ilay Be indrafo, ilay Be fiantrana (1)). Alhamdoullahi rabil-Aalamine (Ny Dera sy voninahitra rehetra dia ho an'i Allah, Ilay Tompon'izao tontolo izao (2)). Arrahmani Rahim (Ilay Be indrafo, Ilay Be fiantrana (3)). Malikiyawmiddini (Mpanjakan'ny Andron'ny fitsinjarana (4)). iyaka Naaboudou Wa iyaka nastaiine (lanao irery ihany no tomoinay, ary lanao irery ihany koa no hangatahanay famonjena (5)). Ihdinawiratal-moustaquim (Tariho amin'ny lalan'ireo izay nohasoavinao, fa tsy ny an'ireo niharan'ny hatezeranao na ireo very lalan (7)). [ Sourate-Al-Fatihat : 1-7 ]. Tsy maintsy vakina amin'ny teny arabo ny kor'any (29) arak'izay vita, aorian'izany izy miteny hoe : «Allah Akbar» avy eo ahondrika kely ny ny lohany sy ny lamosiny (manao rouk'ou), ka apetrany eo amin'ny lohalika ny felan-tanany roa, avy eo izy miteny hoe : «SOUBHANA RABIAL-'AZIM», avy eo izy mitraka mahitsy ka miteny hoe : «Sami'a Allah liman hamidahou», rehefa izy tafatsangana mahitsy dia miteny hoe : «RABBANA WALAKALHAMDOU». Aorian'izany izy miteny : «ALLAH AKBAR» ka miankohoka amin'ny tany amin'ny alalan'ny lohan-dratsan-tongony rehetra sy lohaliny roa, ny tanany roa sy andriny ary ny orony, rehefa eo am-piankohofana izy dia miteny manao hoe : «Soubhana rabial-'ala ». Avy eo izy mipetraka ka miteny hoe : «Allah Akbar», eo amin'ny pipetrahana izy dia miteny hoe : «Rabbi ghfirla», aorian'izany izy miteny hoe : «Allah Akbar» ary miankohoka fanindroany, ka miteny hoe : «Soubhana rabial'ala», avy eo izy mitsangana miteny hoe : «Allah Akbar», aorian'izany dia mamaky ny «Sourat Al-Fatiha» dia ny (Alhamdoullah Rabbil 'alamin) hatramin'ny farany tahaka ilay tamin'ny raka'at voalohany, aorian'io dia miteny hoe : Allah Akbar sy mihondrika avy eo mitraka, avy eo miankohoka, avy eo mipetraka, avy eo miankohoka fanindroany, miteny tahaka ny zavatra noteneniny tamin'ny voalohany ny izy amin'ireo fihetsika rehetra ireo.

Avy eo mipetraka dia mamaky ny hoe : "Attahiato lillahy Was Soalato wat Taybato, As salamo Anlaika Ayohan Nabyy wa Rahmatollahy wa Barakaatoh, As salam Anlaina wa Anlaa imbadillahy Swalihina, Ash hado Anlaa ilaaha illallaho, Wa ash Hado Anna Mohammadan Ambdouhou wa Rasoulouhoo, Allahoumma Soally Anlaa Mohammad wa Anlaa aaly Mohammad Kamaa Soallayta Anlaa Ibrahim wa Anlaa Aaly Ibrahim, Innaka Hamidon Madjid, Allahomma Baarik Anlaa Mohammadin wa Anlaa Aaly Mohammad Kamaa Baarakta Anlaa Ibrahim wa Anlaa Aaly Ibrahim, Innaka Hamidon Madjid". Izay midika hoe : "Fiarahabana rehetra ho an'ny Tompo Allah sy tsodrano, fahombiazana ary ireo hatsarana, fandriam-pahalemana ho anao ry Mpaminany sy fahasoavany, fandriam-pahalemana koa ho aminay sy ho amin'ireo mpanomponao hendry, mijoro vavolom-belona Aho fa tsy misy Tompo afatsy i Allah, ary mijoro vavolombelona koa Izaho fa i Mouhammad (S.A.W) dia mpanompon'i Allah sy Irany. Tompo zanahary o! omeo tsodrano feno ho an'i Mohammadi (S.A.W) sy ho an'ny fianakavian'ny Mohammadi (S.A.W) tahaky ny nanomezanao tsodrano ho an'ny Mpaminany Ibrahim (A.S) sy ny fianakavian'ny Ibrahim (A.S), tena marina fa ianao dia be fankasitrahana sy be voninahitra. Tompo zanahary o! omeo fahasoavana i Mohammadi (S.A.W) sy ny fianakavian'i Mohammadi (S.A.W) tahaky ny nanomezanao fahasoavana ho an'i Ibrahim (A.S) sy ireo fianakavian'i Ibrahim (A.S), tena marina fa ianao dia be fankasitrahana sy be voninahitra".

2- Fa ny swalat zouhr sy asri ary ny icha no farany :

Ka raha efatra raka'at izy ireny, dia tahaka ny fanaovany ny salat fajri ny fanaovana ny roa raka'at voalohany, nefo kosa rehefa mipetraka izy aorian'izany rak'at roa izany hanao ny «Tachahhoud», ary miteny izy tahaka ny niteneniny tamin'ny pipetrahany alohan'ny hanao salam, Saingytsy manao salam izy fa mitsangana manohy ny roa rak'at tahaka ny roa voalohany. Aorian'izany izy dia mipetraka fanindroany manao ny Tachahhoud, ka miteny tahaka ny niteneniny tamin'ny raka'at roa voalohany, sy mandefa tsodrano ho an'i Mouhammad, aorian'izany dia manao salam amin'ny ilany ankavanany avy eo any amin'ny ankaviany, tahaka ny salam nataony tamin'ny salat fajr.

3- Fa ny swalat Maghrib kosa dia :

Izy io dia telo raka'at, manao 2 rakkat tahaka ny teo aloha ihany, avy eo izy mipetra, ary miteny tahaka ny zavatra teneniny rehefa mipetraka amin'ireny swalat hafa ireny, nefo kosa izy tsy manao salam, fa mitsangana ary manohy ny raka'at fahatelo, ary miteny sy manao tahaka ny zavatra noteneniny sy nataony tamin'ny teo aloha, avy eo mipetraka ary manao ny soujoud fahatelo, ary miteny izy tahaka ny zavatra teneniny rehefa mipetraka isaky ny swalat, avy eo manao salam amin'ny ankavanany avy eo amin'ny ankaviany. Raha averimberin'ny mpanao swalat ny zavatra teneniny eo am-panao vany ny roukou'on sy soujoud dia izany no tena tsara indrindra.

Takina amin'ireo lehilahy ny hanaovany ireny swalat dimy isan'andro ireny miaraka amin'ny Jamaa anaty mosquée, ary taritin'ny Imam iray izy ireo, izay mahay mamaky ny Coran indrindra sy mahavoafehy tsara ny swalat ary mendrika indrindra ara-pinoana amin'izy ireo no tokony ho mpitarika (imam). Mamoaka feo

ny imam rehefa mamaky amin'ny swalat fajri sy roa raka'at voalohany amin'ny Maghrib sy Icha, ary miaino azy kosa ny mpanaraka azy avy ato aoriania.

Ary ny vehivavy kosa dia any an-trano izy ireo no manao swalat, misarona avokoa ny vatany iray manontolo, hatramin'ny tanany sy ny tongony roa, satria izany rehetra izany dia henatra avokoa afa-tsy ny tarehiny, ary didina anefa izy ny hanarona ny tarehiny rehefa manoloana ireo lehilahy, satria ny tarehy dia faritra manaitra eo amin'ny vehivy, ka hahatonga ny lehilahy mety ho tratrty ny fakampanahy ka tafanao ny tsy mety aminy. Tsy tokony sakanana kosa ny vehivavy raha manampanirina hanao swalat any amin'ny masjid, saingy mahafeno ny fepetra takina aminy, dia ny hanaronany ny vatany iray manontolo rehefa mivoaka ny trano, ary tsy mampiasa ranomanitra. Any aorian'ny lehilahy izy ireo no manao swalat, mba hahatonga ny lehilahy tsy ho tratrty ny fakampanahy amin'izy ireo, ary izy ireo tsy voan'ny fakampanahy amin'ireo lehilahy.

Takina amin'ny mpino ny hanaovany ny swalat-ny am-pahamatorana sy am-pahatahorana, ary am-pitoniana eo amin'ny fitsanganany sy amin'ny fihondrehana ary eo amin'ny fiankohofana, tsy maikamaika, tsy manao tsirambina, tsy mijery ambony, tsy mijery lanitra, tsy miteny afa-tsy Coran sy ireny tonom-bavaka amin'ny swalat ireny, izay efa voafaritra daholo ny toerana hanaovana azy (30); satria i Allah nandidy amin'io swalat io mba ho fahatsiarovana Azy.

Amin'ny andro zoma, dia manantateraka ny swalat Joma'ah roa raka'at ireo mpino silamo, mamoaka feo mafy ny mpitarika eo am-pamakiana, tahaka ny amin'ny swalat fajr, ary misy toron-teny fampahatsiahivana sy fampianarana ny finoana mialohan'izany, takina amin'ny lehilahy ny tsy maintsy hanatrehany izany miaraka amin'ny imam, izy io dia maka toerana ny swalat zouhr amin'ny andro zoma.

\*\*\*

Ny Andry fahatelo amin'ireo andry hijoroan'ny finoana islam (Zakat).

Efa nodidin'i Allah ny mpino izay manana harena tonga amin'ny fatra (31) hamoahana Zakat mba hamoaka izany isan-taona, ka atolony ireo olona mendrika hahazo izany, amin'ireo mahantara sy ny hafa ankoatra azy ireo izay manan-jo hahazo izany, araka ny efa voazava ao anaty Coran.

Ny fatran'ny volamena izay tsy maintsy hamoahana Zakat dia roapolo mithqal. Ary ny fatran'ny volafotsy dia roanjato dirham na koa vola mitovy amin'izany. Ary ireo entam-barotra isankarazany rehefa nahatratra ny fatra, dia tsy maintsy amoahan'ny tompony zakat, raha toa ka efa nandalo taona iray ny nananany izany. Ary ny fatran'ny voamaina sy voankazo dia telon-jato swa'at (ny 1 swa'at dia 2,35kg eo ho eo). Ny fanaka amidy dia amoahana zakat ny lanjam-bidiny, fa ny ho ampanofaina kosa dia ny hofany. Ny fatran'ny zakat avoaka amin'ny volamena sy volafotsy ary ny entam-barotra dia fahefan'ny ampolony 2.5% isan-taona. Ary ny voamaina sy ny voankazo dia 10%, izay tsy dia manasarotra ny manondraka azy, tahaka ireny tondrahana amin'ny renirano, na loharano mikoriana, na ranon'orana. Ary antsasan'ny ampolony 5% ho an'ireny manasarotra ny fanondrahana azy, tahaka ireny tondrahana rano ireny.

Ny fotoana famoahana ny zakat amin'ny voamaina sy ny voankazo dia ny fotoana fiakaran'ny vokatra, ka raha in-droa na in-telo miakatra ilay vokatra ao anatin'ny taona iray dia tsy maintsy amoahany zakat avokoa isaky ny fiakarany. Ny rameva sy ny omby ary ny ondry sy ny osy dia efa voazava any amin'ny boky mahakasika ny lalàna islamika ny momba azy ireny, ka manasa anao ny hiverina any aminy; miteny i Allah manao hoe: (Tsy nodidiana izy ireo afa-tsy hanompo an'i Allah tokana ihany; fanompoana Azy amim-pahadirovam-po tsy afangaro amin'ny zavatra hafa, sy ny fanatanterahan'izy ireo ny vavaka (Swalat), ary hanome ny harena fiantrana (Zakat). Izany no finoana tonga lafatra tokoa). (Al-baynat:5). Amin'ny famoahana zakat dia mamalifaly ny mahantara, ary mamaly ny filan'izy ireo, ary manamafy ny fifamatorana sy ny fifankatiavana eo amin'izy ireo sy ny mpanankarena.

Ny finoana islam dia tsy nitsahatra teo amin'ny fifanohanana ara-piarahamonina sy ny fifanampiana ara-bola fotsiny amin'alàlan'ny famoahana zakat, fa nodidin'i Allah ihany koa ireo mpanana ny hanampy ireo mahantara amin'ny fotoan'ny hanoanana (KERE), ary voarara ho an'ny mpino ny hihina voky nefy ny mpifanila-bodirindrina aminy noana tsy misy hohanina. Nodidin'ny islam ny mpino hamoaka zakat Al-Fitri, Ka avoakan'ny tsirairay izany amin'ny andro Ide al-fitri, eny fa na dia ireo zazakely aza, ny mpanampy kosa dia ny mpampiasa azy no mamoaka izany ho azy. Ny fatran'ny zakat al-fitri dia swa'a (2.35kg) amin'ireny sakafio fihinana ao amin'ny firenena iray. Nodidin'i Allah ny mpino ny hanefany ny onitrant'ny fifantana nataony (32) rehefa izy nifanta nefy tsy notanterahiny izany. Nodidin'i Allah ny mpino hanatanteraka ny voady ara-dalàna nataony. Namporisihin'i Allah ireo mpino hamoaka fanomezana an-tsitra-po (swadakat), ary nampanantena ireo mpanome izany amin'ny endriny maro eo amin'ny lèlany dia ny hahazoan'izy ireo valisoa lehibe, ary nampanantena azy ireo ny hampitombo betsaka ny valisoan'izy ireo, ny hatsarana iray dia ampitomboina ho folo avo heny ka hatramin'ny fitonjato mihoatra.

\*\*\*

Ny Andry fahaefatra amin'ireo Andry hijoroan'ny finoana Islam (Ny fifehezana).

Ny fifehezana amin'ny volana Ramadany, izany dia ny volana fahasivy eo amin'ny volana (cendrier) islamika.

Ny fombafomba atao amin'ny fifehezana :

Manao ny fikasany hoe hifehy ny mpino mialohan'ny maraina vao mangiran-dratsy (mialohany swalat fajr), aorian'izany izy dia tsy mihinana, tsy misotro, ary tsy manao firaisana ara-nofo, mandra-piletehan'ny masoandro, avy eo izy misakafo aorian'izany, tahaka izany no ataony mandritra ny volana ramadany manontolo, fitadiavana ny fankasitranan'i Allah sy fanompoana Azy no antony nanaovany izany.

Betsaka tsy voantanisa ireo tombontsoa azo avy amin'ny fifehezana, ka ireto no tena lehibe amin'izany : -Izy io dia fanompoana an'i Allah sy fakatoavana ny didiny, mamela ny filany sy sakafony ary ny fisotrony ny mpanompo iray noho ny anton'i Allah, izy io dia isan'ireo antony lehibe hampisy ny fatahorana an'i Allah eo amin'ny mpanompo iray.

-Fa ireo tombontsoa ara-pahasalamana sy ara toe-karena ary ny ara-piarahamonina azo avy amin'ny fifehezana kosa dia tena betsaka tokoa, tsy hahatsapa izany afa-tsy ireo mpifehy noho ny finoana, miteny i Allah manao hoe : (Ô Ianareo izay nino! Voadidy aminareo ny fifehezana toy ny nandidiana izany tamin'ireo vahoaka teo alohanareo, angamba hanam-patahorana Ianareo) 183. Mandritra ny andro voaisa, ary izay marary aminareo na mandeha lavitra, dia tokony hifehy mitovy amin'ny isa navelany, amin'ny andro hafa. Ary ho an'ireo tsy mahazaka an'izany dia mamoaka onitra : mampihinana mahantra iray. Fa izay manao soa mihoatra kosa, an-tsitraro, dia tsara ho azy izany, ary ny manao fifehezana no tena tsara ho anareo raha toa ka fantatrareo izany. 184. Volana Ramadany no nampidinana ny Coran, tari-dàlana ho an'ny olombelona, ary ho fanazavana ny fahitsina sy ny fanavahana (lalàna). Ka izay eo an-toerana amin'io volana io, aminareo, dia aoka izy hanao ny fifehezana. Ary izay marary na mandeha lavitra, dia tokony hifehy mitovy amin'ny isa navelany, amin'ny andro hafa. Mila fanamorana ho anareo i Allah, fa tsy mila fahasarotana ho anareo, ary aoka ho fenoinareo tanteraka ny fotoam-pifehezana, ary aoka ankalazainareo ny halehiben'i Allah amin'izay nanitsiany anareo, ary angamba hahay hankasitranan'i Ianareo. 185. (Al-baquara:183-195).

\*\*\*

Ary isan'ireo lalànan'ny fifehezana izay nazavain'i Allah ao anaty Coran sy nazavan'ilay Irak'i Allah amin'ireto hadith ireto:

1-Ny marary na mpandeha lavitra dia afaka manapaka ny fifehezany ary manefa ny andro tsy nifehezany izy amin'ny andro hafa aorian'ny Ramadany, tahaka izany koa ny vehivavy tonga fadimbolana sy ny vehivavy avy niteraka, tsy azon'izy ireo atao ny mifehy, fa misakafo amin'ny fotoan'ny fadimbolana sy aorian'ny fahaterahana, ary oneran'izy ireo izany aty aorianana ny andro nanapahany ireo fifehezany.

2-Tahaka izany koa ny vehivavy bevohoka sy mampinono, raha toa ka izy ireo matahotra ny tenany na ny zanany, dia manapaka ny fifehezany ary soloiny amin'ny andro hafa.

3-Raha sendra nanadino ny mpifehy iray ka tafihinana na tafisotro, avy eo nahatadidy, dia mety ihany ny fifehezany, satria ny fanadinoana sy fahadisoana ary fanaovana zavatra an-katerena tsy an-tsitra-po, dia efa nahazoan'ny vahoakan'i Mouhammad (S.A.W) famelana avy amin'i Allah ny amin'izany, ary takina aminy anefa ny tsy maintsy hamoahany ny sakafy efa tafiditra anaty vavany.

\*\*\*

Ny Andry fahadimy hijoroan'ny finoana islam (Ny Hajj).

Izany dia ny fanaovana fivahiniana any amin'ny tranomasin'i Allah indray mandeha ao anatin'ny androm-piaianana, ny mihoatra ny indray mandeha dia fanampim-panompoana (Souna na fomba amam-panao'nny mpaminany Mouhammad (S.A.W)). Amin'ny fanaovana ny Hajj dia misy tombontsoa tsy tambo isaina :

Ny voalohany : Izy io dia fanompoana an'i Allah ara-panahy sy ara-batana ary ara-bola.

Faharoa : Amin'izy io misy favoriamben'ny mpino rehetra maneran-tany, ihaonan'izy ireo amin'ny toerana iray, mitafy lamba iray, manompo Tompo iray amin'ny fotoana iray, tsy misy ny mampiavaka ny filoha manoloana ny vahoaka tarihiny, ny manan-karena amin'ny mahatra, ny fotsy hoditra amin'ny maity, ny rehetra dia zavaboaharin'i Allah sy mpanompony. Ka tanteraka amin'ireo mpino silamo ny fifankahafantarana sy fifanampiana, ary ho tsaroan'izy ireo ny andro izay hananganan'i Allah azy ireo amin'ny maty, ary ny hamoahan'i Allah azy ireo avy ao am-pasana amin'ny toerana iray ho tsaraina, ka hahatonga azy ireo hiomana amin'ny fiatrehana ny aorian'ny fahafatesana amin'ny fankatoavana an'i Allah.

Ary ny tanjona amin'ny fiodinana manodidina ny Kaaba - fitodihan'ireo mpino silamo rehetra - izay nodidin'i Allah ny mpino rehetra ny hitodika amin'izany rehefa hivavaka, na aiza na aiza misy azy ireo; sy tanjona amin'ny fitsanganana eny amin'ny toerana hafa ao Lameka amin'ny fotoana voafaritra amin'izany, toy ny : Arafat, Mouzdalifa, sy fipetrahana ao Mina, ny tanjona amin'izany rehetra izany dia ny

fanompoana an'i Allah, amin'ireo toerana masina ireo, amin'ny fihetsika nandidian'i Allah hanaovana izany.

Fa ny kaaba kosa sy ireny toerana masina ireny ary ny zavaboahary rehetra, dia tsy azo tompona, ary sady tsy mahasoa no tsy mahavita manao ratsy, ka ny fanompoana dia voatokana ho an'i Allah irery ihany, i Allah irery no manasoa sady mahavita manao ratsy. Raha tsy i Allah no nandidy amin'ny hanaovana ny fivahiniana masina any amin'ny tranony, dia tsy nazon'ny mpino atoa ny nanao izany, satria ny fanompoana dia tsy azo atao araka ny hevitra na sitra-po fotsiny, fa noho ny fanarahana ny didin'i Allah ao amin'ny Bokiny sy ny fanarahana ny sori-dalan'ilay Irany (S.A.W); miteny i Allah manao hoe: (Adidin'ny olombelona amin'i Allah ny mitsidika ilay Trano Masina ho an'ny olona afaka manao izany. Ary izay mitsipaka an'izany kosa, dia hamafisina, fa i Allah Mpanakarena indrindra, tsy miankina amin'izao tontolo izao). [sorat al Imran: 97].

Ny Oumra (fivahiniana masina kely) dia tsy maintsy ataon'ny mpino indray mandeha ao anatin'ny androm-piaainana, na notanterahina miaraka amin'ny Hajj izany na amin'ny fotoana hafa. Ny famangiana ny masjidin'ny Mpaminany (S.A.W) kosa dia tsy voatery hatao, na miaraka amin'ny Hajj na amin'ny fotoana hafa, fa tsara kokoa anefa ny fanaovana azy, mahazo valisoa ny mpanao azy ary tsy mahazo fahotana ny namela azy. Fa ny Hadith milaza manao hoe: «Izay nanao Hajj nefi tsy namangy ahy dia tsy niraharaha ahy» tsy marina izany, ary lainga ho amin'ilay Irak'i Allah (S.A.W). (34).

Ary ny famangiana izay nataon'ny olona iray dia ara-dalàna raha ho an'ilay Masjid, ka rehefa tonga any aminy ilay mpamangy dia manao swalat ao anatin'ny fiarahabana azy. Ara-dalàna ho azy amin'izay fotoana ny mamangy ny fasan'ny Mpaminany (S.A.W), ary miarahaba azy manao hoe : « Assalam 'alaika ya Rassoulallah », am-pahalalam-pomba tanteraka sy amin'ny feo ambany, ary tsy mangataka na inona na inona aminy, fa kosa miarahaba azy fotsiny dia mandeha. Tahaka ny nandidian'ilay Iraka (S.A.W) ireo vahoakany amin'izany, sy tahaka ny nataon'ireo Mpanaradia azy (R.A).

Fa ireo izay mijoro manoloana ny fasan'ny Mpaminany (S.A.W), amin'ny fifantohana ara-po tanteraka, tahaka ny eo am-panatanterahana ny swalat, ary mangataka aminy mba hamaly ny filan'izy ireo sy mitady famonjena aminy ary mangataka fanakaikaizana an'i Allah amin'ny alàlany, izy ireo dia mpampikambana an'i Allah, ary i Mpaminany (S.A.W) dia miala madiodio amin'izy ireo. Ka aoka hitandrina ny mpino rehetra mba tsy hanao izany amin'ny Mpaminany (S.A.W) sy amin'ny hafa ankoatrany. Aorian'izany izy dia mamangy ny fasan'i Abou Bakri sy i Oumar (R.A) sy mamangy ny vahoakan'i Bakii ary ireo maty Maritiora rehetra. Ny famangiana ara-dalàna azo ekena ho an'ireo mpino ao am-pasana, dia ny fiarahanan'ny mpamangy an'ireo maty ary mangataka Dou'a amin'i Allah ho azy ireo, sy miheritriritra ny fahafatesana ary miala eo aorin'izany.

Toy izao ny fomba fanao amin'ny Hajj sy ny Oumra :

Ny fidiram-bola madio (HALAL) aloha no safidin'ny mpanao Hajj voalohany, ary halavirin'ny mpino ny fidiram-bola maloto amin'ny fomba Haram, Satria ny fandaniana Haram no antony hahatonga ny Hajj sy ny Dou'an tsy ho raisin'i Allah ka averiny any amin'ny tompony, efa voalaza ao amin'ny tenin'ilay Iraka (S.A.W) : "Ny nofo rehetra nitombo tamin'ny haratsiana dia ny afo no lohalaharana ho azy". Ary misafidy ireo namana tsara, olon'ny fanokanana an'i Allah (Olon'ny Tawhid) ho namany amin'izany hajj izany.

\*\*\*

Sisin-tany (Toerana voafaritra na AL-MAWAQUIT) :

Rehefa tonga eny amin'ny sisin-tany (Miquat) ny mapanao Hajj, dia miatomboka eo no mitafy ny lamban'ny Hajj (Ihram); tahaka izany raha ohatra ka mitaingina fiara, raha mitaingina fiamaranidina kosa dia mitafy izany lamba izany rehefa manakaiky ny sisin-tany, mialohan'ny hiampitany izany. Ireo sisin-tany izay nandidian'ny Mpaminany (S.A.W) ireo olona ny hitafy lamban'ny Hajj dia miisa dimy, ireto avy :

1-Zoul-houlayfa (Abiar Ali), ho an'ny vahoakan'ny Madina.

2-Al-jouhfa (ankaiky ghabir), ho an'ny vahoakan'i Cham (Syrie sy ny manodidina azy) sy Egypte ary Maroc.

3-Karnoul-manazil (ny riaka na lohasan'i Mouhrim) ho an'ny vahoakan'i Na'jdi sy Twa'if sy ireo mitovy fitodihana aminy.

4- Zatou Irak (hoan'ny vahoakan'Irak).

5-Yalamlam ho an'ny vahoakan'i Yamen.

Ary izay mandalo amin'ireny sisin-tany ireny ka tsy ponina ao aminy, dia izany no sisin-tany (miquat) ho azy, ka eo izy no manomboka mitafy ny lamban'ny Hajj (Ihram). Ny vahoakan'i Makka izay tsy tafiditra amin'ireny sisin-tany ny toeram-ponenani'zy ireo dia ny toeram-pionenany no sisin-tanin'izy ireo.

\*\*\*

Ny mombamomba ny IHRAM

Tsaratsara (Sounna) ny midio, mandro, ary ny manao ranomanitra mialohany hidirana amin'ny Ihram, aorian'izany dia mitafy ny lamban'ny Ihram rehefa tonga eny amin'ny sisin-tany (miquat). Ireo mpandeha fiaramanidina kosa dia miomana avy amin'ny fireneny, aorian'izay dia mametraka ny finiavany (36) rehefa manakaiky ny sisin-tany na koa rehefa tonga eo aminy. Ny lamban'ny Ihram raha ho an'ny lehilahy manokana dia tsy mizaitra ny kitambiny ary ahodina manodidina ny vatana, ary tsy mahazo mitafy satroka. Ny vehivavy kosa dia tsy misy lamba voatokana ho azy ireo eo am-panatanterahana ny Hadjj, fa ny takina aminy dia ny hitafy lamba malalaka sy manarona ny vatany izay tsy hampisy fakam-panahy ny olona mahita azy, ary tsy mitafy lamba misy zaitra eo amin'ny lohany sy tanany, toy ny saron-doha sy saron-tanana, fa ny ataony kosa dia ny manarona ny tarehiny amin'ny sisin'ny saron-dohany rehefa izy mahatazana lehilahy, tahak'izany no nataon'ireo Renin'ny mpino sy ireo vadin'ny mpanaradian'ny Mpaminany (S.A.W) eo am-panatanterahana ny Hadjj.

Aorian'ny mitafy ny lamban'ny Ihram ny mpanao Hajj dia mametraka finiavana Oumra ao am-pony, avy eo izy manao Talbia amin'izany, miteny hoe: «Labbayka Oumratan» ary atambatrany (37) izany amin'ny Hajj. Ny Tamattou'o no Haj tsara indrindra, satria ilay Irak'Allah (S.A.W) naniraka sy nampifikitra ireo mpanaradia azy ny amin'izany, ary tezittra izy amin'ireo olona izay manana fisalasalana amin'ny fanatanterahana ny baikony, afa-tsylreto izay misy biby hatao sorona miaraka aminy (38), dia afaka manao ny «Kiran» izy, tahaka ny nataon'ilay Iraka (S.A.W). Ny mpanao Hajj «Kiran» : io dia miteny eo am-panaovana ny Talbia-ny (fikasany) «Allahoumma labbayka Oumratan wa hajjan», ary tsy misaraka amin'ny Ihram mandram-panapahany ny sorona izay ataony amin'ny andron'ny Ide.

Ary mpanao Haj Ifrad : Manao fikasana hanao Hajj fotsiny ary miteny hoe : «Labbayka Hajjan».

\*\*\*

ireo zavatra voarara amin'ny mpanao Ihram

Rehefa namehi-tena amin'ny Ihram ny mpino iray dia voarara aminy ireto manaraka ireto :

1-Ny firaisansa ara-nofo sy ny rehetra misarika amin'izany toy ny oroka, ny fisafosafoana miaraka amin'ny filana, firesahana momba izany, manao fofombady, manao fifamatoram-panambadiana, Ka ny mpanao Hajj dia tsy mahazo manao fafimotoram-panambadiana no sady tsy mahazo mampanambady olona.

2-Fanapahana ny volon-doha na fanesorana ampahany eo aminy.

3-Manala hoho.

4-Misetroka ho an'ny lehilahy, fa ny mialokaloka amin'ny elo na amin'ny fiara kosa dia tsy voarara.

5-Mampiasa ranomanitra, na mifofona ranomanitra.

6-Mihaza ireo haza an-tanety, ka tsy azo atao ny mihaza na manoro olona amin'ny resaka fihazana.

7-Fitafian'ny lehilahy ireo lamba misy zaitra, sy ny fitafian'ny vehivavy ny zavatra misy zaitra eny amin'ny lohany na ny tanany, ary ny lehilahy kosa dia mitafy kapa fa raha tsy mahita izany izy dia mitafy ny bâ kiraro.

Fa raha nanao ny iray amin'ireo zavatra voarara ireo ilay olona noho ny tsy fahafantarany na nanadino, ka nesoriny izany dia tsy misy tsiny aminy.

Rehefa tonga eo amin'ny Kaaba ny mpanao Ihram dia miodina eo aminy im-pito «Tawaf al-koudoum» (39), tandrify ny vato mainty no anombohany izany, izany no Tawaf-ny Oumra. Tsy misy dou'a - tonom-bavaka - manokana ny tawaf, fa manao Azkar - tonom-bavaka fiderana - kosa izy araka izay vitany (40), aorin'izany izy dia manao swalat roa raka'at eo afaran'ny 'Makam' (41) raha tsy manahirana azy izany, raha tsy izany dia azony atao amin'ny toerana rehetra eo amin'ny Kaaba, aorian'izany izy dia mandeha mankany amin'ny fanaovana 'Sa'i' (42), ka eo amin'ny 'Swafa' izy no manomboka ary miakatra makany aminy, mitodika makany amin'ny Kibla, manao Takbir - Allah Akbar -, manao Tahli - La ilaha illallahu - ary manao Dou'a, aorian'izany izy dia mandeha miakatra mankany amin'ny Marwa, ary mitodika mankany amin'ny Kibla, ary manao Takbir ary manao Zikr sy manao dou'a, aorin'izany izy dia miverina indray mankany amin'ny Swafa ka fenoany im-pito miverimberina izany. Izy mandroso dia fiodinana iray ary ny fiverenany dia fiodinana iray hafa. Aorian'izany izy dia manapa-bolo (ho any lehilahy). Ny vehivavy kosa dia manapaka singany kely fotsiny amin'ny volony, mitovy amin'ny tendron'ny ratsan-tanana. Rehefa vita izany dia tontosa tanteraka ny Oumra ho an'ireo mpanao Tamattou'o, ka voavaha tanteraka izy amin'ny Ihram-ny, ary azony atao daholo ireo zavatra voarara taminy tamin'izy mbola tao anatin'ny Ihram.

Raha ny vehivavy tonga fadimbolana na teraka mialohan'ny hidirany ao amin'ny Ihram na aorian'izany, amin'izay fotoana izay izy dia lasa tahaka ny mpanao Hajj 'Kiran' manao fikasana Hajj sy oumra aorian'ny fidirany ao anaty Ihram, tahaka ireo mpanao Hajj hafa; satria ny fadimbolana sy ny fahaterahana dia tsy misakana ny Ihram, no tsy misakana ihany koa ny fitsangana amin'ireo toeram-panompoana masina rehetra, fa ny zavatra sakanan'izany dia ny tawaf eo amin'ny Trano Masina ihany; ka azony atao daholo ny zavatra rehetra ataon'ny mpanao Hajj afa-tsylreto ny Tawaf, fa ahemotrany izany, miandry ny fotoana

mampadio azy. Fa raha izy kosa anefa nadio mialohan'ny hidiran'olona ao amin'ny Ihram-n'ny Hajj sy hivoahan'ny olona ho any amin'ny "Mina", amin'izay fotoana izay izy dia mandro ary manao ny tawaf sy sa'ai ary manapa-bolo ary voavaha ny Ihram-n'ny oumra-ny, aorian'izany izy dia miditra ao amin'ny Ihram miaraka amin'ny daholo be amin'ny andro fahavaloo. Raha tafiditra amin'ny Ihram-n'ny Hajj kosa ny olona mialohan'ny hampadio azy, amin'ny izay fotoana izy dia lasa tahaka ny mpanao Hajj "kiran", manao fikasana izy miaraka amin'izy ireo, amin'izay fotoana izay tsy misaraka amin'ny Ihram-ny, manao izay rehetra ataon'ny mpanao Hajj, toy ny fivoahana makany amin'ny "Mina", fitsanganana eny Arafat, Mouzdalifa, fitorahana, fanapahana, fanapaham-bolo amin'ny andron'ny Idy. Ka rehefa tapitra ny fadimbolany dia mandro izy, sy manao ny tawaf-n'ny Hajj ary manao ny sai'i-n'ny Hajj.

Izany "Tawaf" sy ny "sa'ai" izay nataony i miaraka dia ampy ho an'ny "Hajj"-ny sy ny "Oumra"-ny. Trangan-javatra niseho tamin'i Aicha (R.A) renin'ny mpino izany, ka nilaza taminy i Mpaminany (S.A.W) fa ny Tawaf nataony sy ny sa'i taorian'ny fahadiovany dia ampy ho azy eo amin'ny Hajj-ny sy ny oumra-ny, rehefa izy nanao ny "Tawaf al-ifada" sy "Sa'i" niaraka tamin'ny rehetra. Satria ny mpanao Hajj "Kiran" eo amin'ny oumra sy Hajj dia tahaka ny mpanao Hajj "Ifrad" tawaf (43) sy sa'i iray ihany no takina aminy, araka ny teny mahitsy nataon'ilay Irak'Allah (S.A.W) taminy sy ny zavatra nataony ihany koa. Tahaka izany koa ny nolazain'ilay Irak'Allah (S.A.W) amin'ny Hadith hafa manao hoe: «Niditra ao anatin'ny Hajj ny oumra mandra-pahatongan'ny andro farany aho». Allah anie no tena mahalala.

Rehefa tonga ny andro fahavaloo amin'ny volana Zoul-hijja dia miditra amin'ny Ihram ireo mpanao Hajj avy any an-tokatranon'izy ireo ao Makka, tahaka ry zareo nanao Ihram avy any amin'ny sisin-tany, midio izy ireo, aorian'izany dia mitafy ny lamban'ny Ihram, aorian'izany dia manao ilay fikasana hanao Hajj, lehilahy na vehivavy izany, aorian'izany dia manao ilay Talbia hoe : «Allahu umma labbayka hajjan», ary halaviriny daholo ireo zava-padin'ny Ihram izay efa voalaza tany aloha mandra-piveriny avy any Mouzdalifa makany Mina amin'ny andron'ny fanapahana (44) sy mitoraka ilay Jamaratil -'Akaba - , sy manala volony ny lehelahy ary ny vehivavy kosa manapaka kely.

Rehefa niditra anatin'ny Ihram ny mpanao Hajj amin'ny andro fahavaloo dia mivoaka miaraka amin'ireo mpanao Hajj mankany Mina, ka ao izy no matory, tanterahiny amin'ny fotoanany daholo ny swalat rehetra - tsy atambatra - fa kosa afohezina. Rehefa mposaka ny masoandro ny andron'ny 'Arafat dia mizotra mankany "Namira" izy miaraka amin'ireo mpanao Hajj, ao izy no mipetrapetraka, mandra-panatanterahany ny swalat miaraka amin'ny Imam, amin'ny toerana izay misy azy, atambatra sy afohezina ny Zouhr sy ny Asr, aorian'izany izy dia mizotra mankany "Arafat" aorian'ny mitatao vovonana. Ka raha nizotra nankany "Arafat" izy ary tafiditra ao anatin'ny ariao izy no nipetraka, dia mety, ary ny "Arafat" rehetra dia azo ipetrahana avokoa.

Manao Zikr sy dou'a ary fangataham-pamelana betsaka amin'i Allah ny mpanao Hajj ao amin'ny "Arafat" amin'io fotoana io, ary mitodika any amin'ny Kiblat fa tsy mankany amin'ny tendrombohitra, satria ilay tendrombohitra dia tsy inona akory afa-tsy ampahany amin'ny toerana ao amin'ny Arafat. Tsy azo atao ny miakatra eny amin'ilay tendrombohitra raha heverina ho fanompoana izany, tsy azo atao ihany koa ny misafo ny vato eny aminy, ny fanaovana izany dia forona voarara.

Tsy miala eny amin'ny "Arafat" ny mpanao Hajj raha tsy efa milentika ny masoandro, aorian'ny filentehan'ny masoandro izy dia mizotra mankany "Mouzdalifa", rehefa tonga ao izy dia manao ny swalat Maghrib sy Icha mitambatra amin'ny fotoan'ny Icha, ary ao izy no matory amin'ny alin'iny. Rehefa mposaka ny mangiran-dratsy dia manao ny swalat fajr sy zikr, aorian'izany dia mizotra mankany Mina mialohan'ny hiposahan'ny masoandro, rehefa tonga eny Mina dia manao ny fitorahana ilay vato, aorian'ny hiposahan'ny masoandro, vato fito sady tsy ngeza no tsy kely loatra, tsy azo atao ny mitoraka ilay vato amin'ny kapa; satria ny fanaovana izany dia fihanihaniana vokatry ny fandrebirebena sy fanambaniana ataon'ny devoly amin'ny fanarahana ny baikon'ilay Irak'i Allah (S.A.W) sy ny fitaritany, ary tsy fanarahana amin'ny zavatra nanakan'ilay Iraka (S.A.W).

Aorian'ny fitorahana dia manapaka ilay sorona ny mpanao Hajj, avy eo manasola ny volon-dohany, ny vehivavy mihety ampahany kely amin'ny volony, azo ataon'ny lehilahy ihany koa ny mihety, saingy ny manao sola anefa no tena tsara kokoa, in-telo avo heny, aorian'izany izy dia afaka mitafy ny lamba fitafy mahazatra, ary azony atao daholo ny zava-drehetra afa-tsy ny manao firaisansa ara-nofo. Aorian'izany izy dia mizotra mankany Lameka manao ny Tawaf-n'ny Hajj sy Sa'ai, rehefa vitany izany dia azony atao daholo ny zava-drehetra, eny fa na dia ny fiarahany amin'ny vadiny aza. Aorian'izany izy dia miverina mankany Mina, ka ao izy no tsy maintsy mitoetra ny andron'ny Idy sy roa andro aman'alina aorian'ny Idy, ary mitoraka ilay vato telo amin'ny andro faha-iraka ambin'ny folo sy roa ambin'ny folo, aorian'ny mitatao vovonana, dia atombokany amin'ilay kely no fitorahana ny vato, aorian'izany dia ilay afovoany ary miafara amin'ilay vato 'Ankaba-ilay notorahana tamin'ny andron'ny Idy -. Ny tsirairay amin'izy telo ireo dia torahana amin'ny vato fito, manao Takbir – Allah Akba r- isaky ny manipy ilay vato, ireo vato ho atsipy dia

vato noentiny avy any amin'ny fonenany eny Mina (46). Izay olona tsy mahita toerana hionenany eny Mina dia, eny amin'ny faran'ny "lay" hipetrahan'ny mpanao Hajj izy no mitoetra.

Rehefa mila hiala ao Mina izy aorian'ny fitorahana tamin'ny andro faha roa ambin'ny folo, dia azo atao izany, nefo kosa raha ahemotrany amin'ny andro faha telo ambin'ny folo izany dia tena tsara, ka aorian'ny mitatao vovonana izy no manao ny fitorahana. Raha mila handeha izy dia manao ilay Tawaf wida'a -fanaovam-beloma- eny amin'ny Trano Masina, aorian'izany izy dia miala ao avy hatrany. Ny vehivavy mandeha fadimbolana sy avy niteraka raha toa ka efa nanao ilay Tawaf sy Sa'ai amin'ny Hajj, dia tsy manao Tawaf fanaobam-beloma intsony.

Raha nahemotran'ilay mpanao Haj any amin'ny andro faha iraka ambin'ny folo na roa ambin'ny folo na telo ambin'ny folo ny hanaovany sorona ny bibiny dia azony atao tanteraka izany. Raha miandry ny fotoana hialany ao Mina izy vao manao ny Tawaf sy Sa'i-ny Hajj dia azony atao ihany koa izany, fa ny tena tsara kosa dia araka ilay efa nazavaina tany aloha ireny.

Ary i Allah anie handefa ny tsodrano sy ny fiadanana ho amin'ny Mpaminanintsika Mouhammad (S.A.W) sy ireo fianakaviany.

\*\*\*

## NY IMAN

Manoloana ny finoana an'i Allah sy ilay Irany (saw) sy ireny Anjeliny (47), sy ireo Bokiny (48) izay nampidininy islam ireny, dia nodidin'i Allah tahaka izany ny mpino ny hinoany ireo Irany, ary ny Coran no namarana izany, sy nofoanan'i Allah tamin'ny alàlan'ireo Boky teo alohany, ary nataony ny Coran hanjaka amin'ireny Boky ireny. Nodidiny ihany koa ny Mpino hino an'ireo Irak'Allah, hatramin'ny voalohany amin'izy ireo ka hatramin'ny farany i Mouhammad (S.A.W); Satria ny hafatra noentin'izy ireo dia tokana ihany, ny finoan'izy ireo dia tokana, dia ny Islam izany, ary ilay nandefa azy rehetra ireo dia tokana, izany dia ilay Tompon'izao tontolo izao. Ka takina amin'ny mpino ny hinoany fa ireo Iraka izay voalazan'i Allah ao anaty Coran dia Irak'i Allah nalefa ho amin'ireo vahoakan'izy ireo ihany. Ary hino izy ireo fa i Mouhammad (S.A.W) no farany amin'ireo Iraka, ary ho amin'ny zanak'olombelona rehetra, ary aorian'ny fahatongavany dia vahokany daholo ny rehetra, eny na dia ireo Jiosy sy ny Kristiana sy ireo hafa finoana ankoatr'izy ireo, satria ny rehetra eto ambonin'ny tany dia vahoakany avokoa, izay nodidin'i Allah ny hanarahana Azy (saw).

Ary i Mosesy sy Mesia ary ireo Iraka rehetra dia tsy misy ny hifandraisani'izy ireo amin'izay tsy manaraka an'i Mouhammad (S.A.W), sy miditra ny fonoana Islam, satria ny mpino islam dia mino ireo Iraka rehetra sy manaraka azy ireo, ka izay tsy mino an'i Mouhammad (S.A.W) ary tsy manaraka azy ary tsy miditra ny finoana Islam, dia mpikomy amin'ireo Iraka rehetra, mpampandainga azy ireo; eny na dia mitoni-tena ho mpanaraka ny iray amin'izy ireo izy. Efa nandalo any amin'ny fizarana faharoa ny porofo momba izany.

Niteny ny Irak'i Allah (SAW) manao hoe: "Mianiana amin'ilay mitazona fofonain'i Mouhammad eo am-pelatànany aho, fa tsy misy olona maheno momba ahy amin'ity vahoaka ity, na jiosy izany na kristianina, ka maty avy eo, nefo tsy nino ahy akory, afa-tsy hoe tafiditra ho isan'ireo olon'ny Afobe".

Takina amin'ny mpino ny tsy maintsy hinoany ny fitsanganana amin'ny maty aorian'ny fahafatesana, sy ny hinoany ny fitsarana, ny valisoa sy ny Paradisa ary ny afobe, ary takina ny tsy maintsy hinoany ny lahatr'i Allah.

Ny dikan'ny finoana ny lahatra :

Takina amin'ny mpino ny hinoany fa i Allah dia mahalala ny zava-drehetra, ary efa fantany ny asa hataon'ireo mpanompony mialohan'ny hanamboarany ny tany sy ny lanitra. Efa nosoratany izany any amin'ny Solaitra Be -Laouhoul-mahfouz- any aminy. Ary aoka ho fantatry ny mpino fa izay sitrak'i Allah dia tanteraka, ary izay tsy sitrany dia tsy ho tanteraka. Ary i Allah nahary ilay mpanompo mba hankato Azy, ary efa nazavainy amin'izy ireo izany fankatoavana izany, ary nodidiny izy ireo ny hanao izany. Nosakanany ihany koa izy ireo ny amin'ny hikomy aminy, ary efa nazavainy azy ireo izany fikomiana izany. Nataon'i Allah manana fahefana izy ireo ny hanao ny safidiny malalaka, izay hahafahan'izy ireo manao ny didin'i Allah, ka hahazoan'izy ireo ilay valisoa. Tahaka izany ny fanaovana ny fikomiana aminy ka hahatonga azy ireo ho mendrika ny sazy.

Ny sitrapon'ny mpanompo dia tsy maintsy manaraka ny sitra-pon'i Allah. Fa momba ny lahatra kosa izay tsy nomeny sitrapo na safidy ny mpanompo ny amin'izany, fa Izy no mandrindra izany eo amin'ny fiainan'izy ireo, eny na dia eo aza ny safidin'izy ireo, tahaka ny fandisoana sy ny fanadinoana ary ny zavatra nanerena azy ireo. Tahaka ny fahantrana sy aretina sy ireo loza ary ny rehetra mitovy amin'izany; fa i Allah dia tsy hanome tsiny azy ireo ny amin'izany ary tsy hanasazy ny olona noho izany, tsy vitan'izany fa hahazoany valisoa lehibe amin'ireny loza mianjady aminy sy ny fahantrana ary ny aretina, raha toa ka miharitra izy ary faly amin'ny lahatr'i Allah.

Ireny zavatra voalaza taloha rehetra ireny dia takina amin'ny mpino ny tsy maintsy hinoany azy ireny.

Ny tena mpino an'i Allah indrindra, sy akaiky azy kokoa ary hahazo ny toerana ambony ao amin'ny Paradisa (ireo mpanao tsara), ireo manompon'i Allah, sy manome voninahitra Azy, ary matahotra Azy tahaka ny mahita Azy izy ireo. Tsy mikomy aminy amin'ny mafina na amin'ny mibaribary, mino izy ireo fa Izy dia mahita azy ireo na aiza na aiza misy azy ireo, tsy misy mafina aminy ny asan'izy ireo sy teny navoakany, ary ny finiavany ao am-pon'izy ireo. Ka mankatoa ny didin'i Allah izy ireo ary mampitsahatra ny fikomiana azy. Fa raha sendra misy tafanao ny tsy mety na nanao fahotana ny iray amin'izy ireo, dia mibebaka amin'i Allah, izay fibebahana marina, tsy miandry fotoana ela, ary manenina izy ireo sy mangataka famela amin'i Allah ary tsy hamerina izany intsony; Miteny i Allah : (Tena marina fa i Allah dia miaraka amin'ireo izay matahotra Azy, sy ireo mpanao asa soa). (An-nahl:128).

\*\*\*

Fahafenoan'ny finoana islam.

Miteny i Allah ao amin'ny Coran masina manao hoe : (Fa ankehitriny dia nataoko lavorary ho anareo ny fianoanareo synofenoiko aminareo ny fahasoavako ary ankositrahako ho finoanareo ny Isalm). [Sourate Al-Mâidat: 3]. Ary niteny i Allah, Ilay Avo indrindra : {Marina fa ity Coran ity diamitari-dàlana ho amin'ny fahitsiana kokoa, ary milaza vaovao mahafaly ho an'ireo mpino izay manao ny soa; fa tena ho azy ireo tokoa ny valisoa lehibe.} [Al-Isrà: 9]. Ary miteny i Allah - ilay Avo indrindra - momba ny Coran manao hoe : (Ary nampidininay taminao ny Boky, ho fanazavana ny zava-drehetra, ho tari-dàlana, sy indrafo, ary filazan-tsara ho an'ireo mpiono). (An-Nahl : 89]. Ary amin'ny Hadith dia niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Efa navelako eo aminareo ilay fotosy tsy misy pentina, ny aliny dia tahaka ny antoandrony, tsy misy mivily amin'izany afa-tsy ho very. (50). Ary niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Izaho dia nametraka zavatra roa aminareo, ka tsy ho very mandrakizay ianareo raha mifikitra amin'izy roa ireo : ny Bokin'i Allah sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminaniny (S.A.W)".

Ary amin'ireo andininy teo aloha :

Manambara i Allah amin'ny andininy voalohany fa efa nofenoindy ho amin'ireo mpino ny finoana Islam-n'izy ireo, ka tsy ho banga mandrakizay, ary tsy hitadiavana fanampiny intsony, ka izy io dia mety foana amin'ny teorana sy ny fotoana ary ny vahoaka rehetra. Ary milaza koa Izy fa efa nofenoany ho amin'ireo mpino ny fahasoavana amin'ny alàlan'ity finoana lehibe ity sady tomombana no be fandeferana, amin'ny alàlan'ilay Iraka farany Mouhammad (S.A.W), ary nofenoany tahaka izany koa amin'ny alàlan'ny fampanjakana ny islam sy fampandresena an'ireo mpomba azy manoloana ireo fahavalon'izy ireo. Manambara ihany koa Izy Allah fa ny finoana Islam no nankasitrahiny ho arahin'ny zanak'olombelona, ka tsy ho halany velively intsony izany, ary tsy handray finoana hafa na amin'iza na amin'iza intsony Izy ankoatra ny finoana Islam.

Amin'ny andininy faharoa dia manambara i Allah fa ny Coran Masina dia sori-dàlana feno, manazava ny raharaha-pinoana sy ny raharaha-piaianana, ka tsy misy zavatra tsara afa-tsy nazavainy, ary tsy misy zavatra ratsy afa-tsy nampitandreminy ny amin'izany izy. Ny olana rehetra, tany aloha na ankehitriny na amin'ny ho avy dia ao anaty Coran daholo no ahitana ny vahaolana mety sy marina amin'izany. Ary izay zavatra mifanohitra amin'ny Coran ka noheverina fa ho vahaolana dia tsy rariny izany ary midika ho habadoana.

Ka ny fahalalana, ny foto-pinoana, ny politika, ny fitondram-panjakana, ny fitsarana, ny psikolojia, ny sosiolojia, ny toekarena, ny rafitra famaizana sy ny ankoatr'izany... izay ilain'ny zanak'olombelona eo amin'ny fiaianany, dia efa nazavain'i Allah ao anaty Coran daholo izany rehetra izany, ary efa nanazava izany koa ilay Irany Mouhammad (S.A.W) amin'ny fanazavana feno tanteraka. Izany dia araka ny fanambaran'i Allah amin'ny andininy manao hoe : «Ary nampidininay taminao ny boky ho fanazavana ny zava-drehetra» (An-nahl :89).

Amin'ny fizarana manaraka izao dia ahitana ny fanambarana amin'ny antsipiriany fohy ny fahafenoan'ny finoana islam sy ny sori-dalany feno sy tena mety.

\*\*\*

## **Ny fizarana fahaefatra - Ny sori-dàlan'ny Islam.**

Voalohany : Eo amin'ny fahalalana :

Ny didy voalohany nalefan'i Allah tamin'ny zanak'olombelona dia ny maniraka azy ireo hitady fahalalana, miteny i Allah manao hoe : (Fantaro fa tsy misy Tompo mendrika ho tomponia afa-tsy i Allah ary mangataha famelana ho an'ny fahotanao sy ho an'ireo mpino lahy sy vavy, fantatr'i Allah izay ataonareo sy ny fiafaranareo). [sorat Mohammad: 19]. Ary niteny ALLAH, Ilay Avo indrindra : {Fa hasondrotr'i Allah, izay mino aminareo, sy izay nahazo fahalalana. Mahafantatra tanteraka izay ataonareo i Allah}. [Al-Moudjadlat: 11]. Ary niteny Ilay Avo indrindra : {Ary Lazao, Tompo o! atombo ny fahalalako}. (Taha:114). Ary niteny Ilay Avo indrindra : (Anontanianareo ireo manampahalalana raha mahafantatra

ianareo). (Anbia'i: 7). Ary miteny ilay Iraka farany Mouhammad (S.A.W) amin'ny Hadith maripototra manao hoe : (Ny fitadiavana fahalala dia tsy maintsy ataon'ny mpino) (52). Ary mbola niteny i Mpaminany (S.A.W) hoe: (Ny hatsaran'ny manampahaizana raha oharana amin'ny mpanompo dia tahaka ny hatsaran'ny volana feno boribory manoloana ireo planeta hafa) (53).

Ny fahalalana amin'ny finoana Islamo dia mizara maro raha jerena araka ny tsy maintsy ilana azy : Ny fizarana voalohany : Ny fahalalana izay takina amin'ny isam-batan'olona ny hahay azy, lahy na vavy. Tsy azo ataon'iza na iza mamela azy. Izany dia ny fahafantarany an'i Allah sy fahafantarany an'ilay Irak'i Allah Mouhammad (S.A.W), ary ny fahafantarana ny zavatra izay tsy maintsy ilaina amin'ny finoana Islamo. (54).

Ny fizarana faharoa : Ny fahalala antsoina hoe "Fard kifaya" raha misy ampahany mitsangana manatanteraka azy ka vitan'izy ireo anefa izany, dia afa-tsiny ny hafa amin'ny tsy fanaovany azy, tsy mahazo fahotana intsony, dia lasa safidy malalaka ho an'ny hafa ny fanaovany azy amin'izay fotoana izay fa tsy terena intsony izy ny amin'izany. Izany dia tahaka ny fahalala an-tsipirany ny lalànan'ny finoana Islamo, izay mametraka ny tompon'izany fahalalana izany ho eo amin'ny toeran'ny mpampianatra na mpamoaka lalàna, tahaka izany ireny fahalalana ilain'ny mpino amin'ny industria maro samihafa, sy ny fahalalana momba ny asa mahakasika ireo zavatra izay tsy maintsy ilaina eo amin'ny fainana. Ka takina amin'ny mpitondra ny hamoahany manampahaizana momba ireny sehatra ireny raha toa ka tsy ampy hanatanteraka ny filan'ny mponina eo amin'ny fainany ny manampahaizana efa misy eo an-toerana.

Faharoa : Amin'ny Foto-pinoana :

Nodidin'i Allah ny Irany Mouhammad (S.A.W) mba hilaza amin'ny olona rehetra fa izy ireo dia mpanompon'i Allah irery ihany, takina amin'izy ireo ny tsy maintsy hanompoan'izy ireo Azy irery ihany, ary nodidiny ihany koa izy ireo mba hifandray amin'i Allah mivantana tsy misy mpanelanelana eo amin'ny fanompoan'izy ireo Azy, araka ny efa nazavaina tany aloha amin'ny dikan'ny hoe : «La ilaha illallahou», ary nodidiny izy ireo mba tsy hiankina afa-tsy amin'i Allah irery ihany, ary tsy hatahotra afa-tsy Izy, ary tsy hiangavy afa-tsy any aminy ihany (55), satria Izy irery ihany no mahavita manasoa sy manao ratsy, nodidiny tahaka izany izy ireo amin'ny hanome Azy ny toetoetra Fahafenoana na Fahatomombanana, izay toetoetra napetrany amin'ny Tenany sy amin'ilay Irany (S.A.W), araka ny efa nazavaina tany aloha.

Fahatelo : eo amin'ny fifandraisan'ny olona :

Nodidin'i Allah ny mpino mba ho lasa olom-banona, miezaka izy ny hanavotra ny olombelona amin'ny haizin'ny fikomiana hankany amin'ny hazavan'ny Islam, noho ny anton'izany no nahatonga ahy hanoratra ity boky ity sy hampiely azy, mba ho fanatanterahako izany adidy izany.

Nodidin'i Allah mba ny finoana no tady mamatoatra ny mpino amin'ny hafa ankoatrany, ka tiaviny ireo mpanompon'i Allah mendrika, ireo mpankatoa an'i Allah sy ny Irany (S.A.W), eny na dia lavitra azy aza ilay olona. Ary hankahala ireo mpikomy sy mpanota an'i Allah sy ny Irany; eny fa na dia olona ankaiky azy. Izany fifamatorana izany no manambatra ireo mpisara-bazana, mampitohy ireo mpifanipaka. Hafan'izany tanteraka anefa ny fifamatorana ara-pirazanana sy tanindrazana ary ny fifamatorana noho ny tombontsoa iarahana, fa izy ireny mazana no rava hatrany.

Miteny i Allah: (Tsy hahita ianao vahoaka mino an'i Allah sy ny andro farany ka hitia ireo manohitra an'i Allah sy ny Irany, eny na dia ny Rain'izy ireo aza, na zanany na rahalahiny ary na ny mpiray foko aminy). (Al-moujadala:22). Ary miteny i Allah: (Tena marina fa ny be voninahitra indrindra aminareo eo anatrehan'i Allah dia izay manam-pahatahorana indrindra aminareo). [Al-Hojoraty: 13].

Manambara i Allah amin'ny andininy voalohany : Fa ny mpino an'i Allah dia tsy mitia ireo fahavalon'i Allah eny fa na dia akaiky azy izany olona izany.

Manambara i Allah amin'ny andininy faharoa : Ny olona tena be voninahitra eo anatrehan'i Allah sy tiany kokoa dia ireo mpankatoa Azy, na inona ny karazany na manahoana ny lokony.

Nandidy i Allah ny amin'ny hanaovana ny rariny hatrany manoloana ny fahavalao sy namana, ary nataon'i Allah ho voarara amin'ny tenany ny fanaovana ny tsy rariny, ka norarany ny mpanompony tsy hanao izany. Ary nodidiny izy ireo amin'ny fametrahana ny toky sy fahamarinana, nandrara Izy ny amin'ny fivadiham-pitokisana, nandidy amin'ny fanaovana soa amin'ny Ray amandreny, sy fanohezana ny rohim-pihavanana, sy fanohezana ny mahamantra, ary ny fandraisana anjara amin'ny asa fanohezana, nandidy ihany koa Izy amin'ny lafin'ny fanohezana rehetra, eny na dia amin'ireo biby aza, fa efa noraran'i Allah ny fampijaliana azy ireny ary naniraka Izy ny amin'ny fanohezana soa aminy (56). Fa ny biby manahirana kosa toy ny alika masiaka, bibilava, hala, voalavo, papango amboadia, ireo rehetra ireo dia azo vonoina mba hiarovana amin'ny ratsy aterany, fa tsy azo atao kosa anefa ny mampijaly azy.

Fahaefatra : Amin'ny fanaraha-maso sy fananarana ara-po ho an'ny mpino :

Tonga ireo andininy ao amin'ny Coran masina manazava amin'ny zanak'olombelona fa i Allah dia mahita azy ireo, na aiza na aiza misy azy. Ary Izy dia mahafantatra ny asa rehetra ataon'izy ireo, sy mahalala ny

finiavana ao am-pony. Ary ho tanisainy amin'izy ireo daholo ny asa nataon'izy ireo sy ny teny nolazainy. Ary ny Anjeliny dia tsy misaraka azy ireo, manoratra izay rehetra mivoaka amin'izy ireo, na miafina na mibaribary. Ary i Allah dia mbola hitsara azy ireo amin'izay rehetra nataony sy noteneniny, ary nampitandrina azy ireo amin'ny famaizana mamirifiry raha toa izy ireo ka mikomy aminy amin'ny fainana eto an-tany, sy manohitra ny didiny. Ka lasa ho fanairana lehibe ho an'ny mpino izany rehetra izany, ka sakana ho azy amin'ny fanaovana fahotana aminy, ary nahatonga azy ireo namela ny asa ratsy sy fandikan-dalàna noho ny fatahoran'izy ireo an'i Allah.

Fa ry zareo tsy matahotra an'i Allah kosa, ary manao ny fahotana rehefa izy ireo manana fahalahana hanao izany, dia efa misy ny sazy ho fampitahorana azy ireo amin'ny fainana eto an-tany : Nodidin'i Allah ny mpino ny haniraka amin'ny fanaovana ny tsara sy amin'ny fanakanana amin'ny ratsy; ka mahatsapa ny mpino rehetra ho tompon'andraikitra manoloana an'i Allah amin'ny fahotana tazany ataon'ny hafa, ka hahatonga izy hanaka azy amin'izany, amin'ny alàlan'ny teny raha toa izy ka tsy afaka manakana azy amin'ny tènany -heriny-. Nodidin'i Allah ny mpitondra fanjakana eo amin'ny mpino (58) hampihatra ny sazy ho amin'ireo mpandika lalàna, izany dia ny sazy tandrify ny asa ratsy nataony, efa nolazain'i Allah izany ao amin'ny boky masina Coran, ary efa nolazain'ilay Iraka (S.A.W) amin'ny hadith betsaka, ary nodidiny ny fampiharana izany amin'ireo mpanao asa ratsy; amin'alàlan'izany dia hiparitaka ny rariny sy ny filaminana ary ny fahalahana.

Fahadimy : eo amin'ny fifampsijovana sy ny fifanampiana ara-piarahamonina :

Nodidin'i Allah ny mpino hifanampy eo amin'ny samy izy ireo, na fifanampiana ara-bola izany na fifanampiana amin'ny lafiny tsy hita maso, tahaka ny efa voazava any aloha tamin'ny resaka momba ny zakat sy sadakat (fanomezana). Nataon'i Allah zava-boarara amin'ny mpino ny hanao ratsy amin'ny olona na amin'ny endrin manao ahoana izany, eny fa na dia ny fanaovana zavatra hanahirana olona eny amin'ny lalana alehany aza dia voarara avokoa, ary nodidiny ny mpino ny amin'ny hanala izany, fa na dia tsy izy aza no nanao azy. Ary Izy Allah nampanantena valisoa ho an'ny olona manala izany tahaka ny sazy ho an'ny mapanao azy.

Nodidin'i Allah ny mpino hitia ny rahalahiny tahaka izy mitia ny tenany, ary hankahala ho azy ny zavatra halany ho an'ny tenany, miteny i Allah: (Aoka ianareo mba hifanampy amin'ny hatsarana sy ny fahatahorana an'i Allah fa aza mifanampy amin'ny haratsiana sy ny fampifahavalona. Matahora an'i Allah ianareo satria tena marina fa sazin'i Allah dia mahery vaika. [Al-Mâïdat: 2]. Ary miteny ilay Avo indrindra : (Tena marina fa mpirahalahy tokoa Ka aoka ianareo hanatsara ny fifandraisana eo amin'ny rahalahinareo). (Al-houjourat:10). Ary niteny ilay Avo indrindra: {Tsy mahasoa ny ankamaroan'ny takoritsika ifanaovan'izy ireny afa-tsyz izay olona mampirisika hanao fanomezana (Swadakat) na asa soa na koa mampihavana ny samy olombelona. Ary izay manao an'izany mba fikatsahana ny fankasitranan'i Allah dia homenay valisoa lehibe izy}. [An-nisaa 114]. Niteny ilay Irak'i Allah (SAW) manao hoe: "Tsy ho mpino ny iray aminareo, raha tsy mankatia ho an'ny rahalahiny izay tiany ho an'ny tenany".(59). Ary niteny i Mpaminany(S.A.W) tamin'ny toriteniny goavana (60) izay nataony tamin'ny faraparan'ny fahavelomany, tamin'ny Hajj fanaovam-belomana, namafisiny tamin'izany ny didy izay efa nolazainy tany aloha : Notaterin'i Ahmad. «Ô ry olombelona! Moa ve tsy tokana ny Tomponareo, moa ve tsy tokana ny Rainareo, moa ve misy ny maha mendrika ny arabo amin'ny vahiny, na ny vahiny amin'ny arabo, na ny mena amin'ny mainty, na ny mainty amin'ny mena, afa-tsyz amin'ny alàlan'ny fahatahorana, Tsy efa nampilaza ve Aho? Namaly izy ireo manao hoe : Efa nampilaza tokoa ilay Irak'i Allah (S.A.W). Ary niteny ihany koa i Mpaminany (SAW) manao hoe: «Tena marina fa ny rànareo sy ny harenanareo ary ny voninahitrareo dia fady anareo, tahaka ny maha fady ny andronareo androany, amin'ny tanananareo ity, amin'ny volanareo ity, mandra-pihaonanareo amin'ny Tomponareo, Moa ve tsy efa nilaza Aho? Namaly izy ireo manao hoe : Eny. Nanondro mankany amin'ny lanitra Izy, ary niteny manao hoe : Tompo ô! mijoroa vavolombelo ho ahy amin'izany ianao» (62).

Fahaenina : eo amin'ny politika anatin :

Nodidin'i Allah ny mpino rehetra hametraka mpitarika iray ho amin'izy ireo, miara-manao velirano amin'izany mpitarika izany izy ireo ny hoe hankatoa azy, nodidiny izy ireo mba hitambatra fa tsy hisarasaraka, ka ho lasa vahoaka tokana. Nodidin'i Allah izy ireo hankatoa ny mpitarika azy ireo, afa-tsyz hoe izy maniraka amin'ny fandikan-dalànan'i Allah, fa tsy azo atao ny mankatoa ny zava-boahary amin'ny fanoherana ilay Mpahary.

Ary nodidin'i Allah ny mpino – raha toa izy ka mipetraka amin'ny firenena tsy ahafahany maneho ny finoana Islam, sy tsy ahafahany miantso amin'izany - Nodidiny (63) izy mba hifindra-monina avy amin'izany firenena izany ho any amin'ny firenena islamika, izany no firenena mampiasa ny lalàna islamika amin'ny raharahany iray manontolo, ary amin'ilay nampidinin'i Allah no hitsaran'ny mpitarika mpino ao aminy.

Ka ny finoana Islam dia tsy manaiky ny fisian'ny fizarazarana sisin-tany izay sarasarahin'ny fizarazarana ara-poko sy firenena, fa ny zom-pirenenan'ny mpino dia ny Islam, ny mpanompo dia ny mpanompo an'i Allah, ny tany dia ny tanin'i Allah, afaka mivezivezy ao anatin'y mpino tsy misy mpisakatsakana, raha toa ka mahafehy ny fepetra dia ny hanajany ny lalànan'i Allah. Fa raha misy ny fandikany ny iray amin'izany lalàna izany dia ny lalànan'i Allah no ampiharina aminy, sy fanatanterahana ny saziny (64) fametrahana ny filaminana ary fahitsian'ny olona, sy fiarovana azy ireo mba tsy hisian'ny rà mandriaka, fiarovana ny voninahiny, ny harenany, ary ny tsara rehetra. Tahaka ny fialana amin'izany no fototry ny ratsy rehetra.

Narovan'i Allah ny saina : amin'ny alàlan'ny fanakanana ireo zava-mahamamo sy mahadomelina ary mampalemy (65), ka ny sazin'ny mpisotro toaka dia nataony kapoka 40 ka hatramin'ny 80 isaky ny misotro izany, mba ho famaizana azy sy fiarovana amin'ny fahasimban'ny sainy ary fiarovana ny olona amin'ny haratsiany.

Narovan'i Allah ràn'ireo mpino islamo : Amin'ny alàlan'ny fanaovana valifaty ho amin'ireo nahavanon-doza tsy amin'ny rariny, ka vonoina izay namono, ary nataony ara-dalàna ny fanaovana valifaty, tahaka ny nametrahany ho ara-dalàna ny fiarovan-tena sy fiarovana ny harena. Miteny i Allah manao hoe : 179- Ary misy fiainana ho anareo ao anatin'ny "lalànan'ny Taliôna", ô ianareo matsilo saina! Angamba hanam-patahorana ianareo. Ary tineny ilay Irak'Allah (S.A.W) manao hoe: «Izay maty noho ny fiarovany ny harenany dia Maritiora, izay maty noho ny fiarovany ny tenany dia Maritiora, izay maty noho ny fiarovany ny vady aman-janany dia Maritiora » (66).

Narovan'i Allah ny voninahitrin'ireo mpino : Amin'ny alàlan'ny lalàna napetrany fa tsy azo atao ny mifosafosa olona amin'ny tsy rariny, sy lalàna fansaziana an'ireo manendriketrika mpino amin'ireny toetra ratsy, toy ny : fijangajangana, sy fiahan'ny mitovy fananahana, izay tsy ananany vavolombelona ara-dalàna.

Narovan'i Allah ny taranaka amin'ny alàlan'ny fanakana ny fifangarongaroan'ny lahy sy ny vavy tsy ara-dalàna (67). Narovany ny voninahitra mba tsy ho voahitsakitsaka amin'ny alàlan'ireo toetra tsy manjary, ka norarany tanteraka ny fijangajangana, ary noraisina ho anisan'ireo fahotana lehibe izany. Ary nataony henjana ny famaizana ho an'ny olona nanao izany raha toa ka feno ny fepetra hanasaziana azy. Narovan'i Allah ny harena : Amin'ny alàlan'ny fandrarana amin'ny halatra, ny kolikoly, ny hosika, ny loka sy ny hafa ankoatr'izany amin'ireo fahazoam-bola tsy amin'ny rariny. Narovany ihany koa amin'ny alàlan'ny fansaizana ny mpangalatra sy mpanendaka, izay sazy henjana, dia ny fanapahana ny tânany raha toa ka feno ny fepetra amin'izany, na koa fansaziana azy raha toa ka tsy feno ny fepetra nefo voaporofa fa nangalatra izy.

Ny nametraka ireo sazy ireo dia i Allah ilay Be fahalalana sy Be fahendrena, Izzy no mahalala ny mahasoa ny zavaboahariny, ary Izzy dia Be fiantrana amin'izy ireo, nataony ireo sazy ireo hamafana ny heloky ny mpino mpanao ratsy, sy fiarovana ny fiahamonina amin'ny asa ratsin'izy ireo sy ny asa ratsin'ny hafa ankoatrany. Ireo fahavalon'ny finoana Islam mitsikera ny famonoana ny olona namono olona sy fanapahana ny tânany mpangalatra, dia toy ny mitsikera ny fanapahana singa simba amin'ny vatan'ny marary, raha tsy tapahana dia hieli-patrana ny fahasimbany eo amin'ny fiahamonina rehetra (68), manoloana an'izany anefa izy ireo mahita fa mendrika ny famonoana olona tsy manan-tsiny mba hanatanterahany ny tanjony izay tsy rariny tanteraka.

Fahafito : Eo amin'ny politika ivelany :

Nodidin'i Allah ireo mpino sy ny mpitondra azy mba hitarika ireo tsy hiditra amin'ny finoana Islam, mba hanavotana azy ireo amin'ny haizikitokin'ny fikomiana, ho any amin'ny fahazavan'ny finoana an'i Allah. Hanavotra azy ireo ao anatin'ny filetehana amin'ny materialisma-n'ny fiainana eto an-tany, sy ny tsy fahazoana ny fahasambarana ara-panahy, izay ananan'ny tena mpino marina. Izany didy izany dia ho an'ny mpino, izany hoe : mba ho lasa olo-mendrika izy, ary hahazo tombony avokoa ny olona rehetra vokatry ny fahamendrehana ananany izany. Mifanohitra amin'izany ny sori-dàlana napetraky ny zanak'olombelona, izay mitaky fotsiny amin'ny olona mba ho lasa mponina vanona. Izany dia porofo manambara ny fahasimbany sy ny fahabangany, ary porofo manambara ny fahametezan'ny islam sy ny fahafenoany.

Nodidin'i Allah ireo mpino mba hiomana amin'ny hery araka izay vitany mba hoentiny hanohittra ireo fahavalon'i Allah, mba hahafan'izy ireo miaro ny islam sy ny mpomba azy, mba hampihorohoroany ireo fahavalon'i Allah. Ary nataon'i Allah mety arak'izany amin'izy ireo ny hanao fifanarahana miaraka amin'ireo tsy mpino, raha toa ka ilaina izany, araka ny lalàna islamika. Noraran'i Allah ireo mpino amin'ny hivadika amin'ny fifanarahana, izay efa nifanarahan'izy ireo amin'ny fahavalony, afa tsy ny fahavalon no nanomboka izany, na koa nisy fihetsika manambara izany, ka nahatonga ireo mpino hahatsapa amin'ny faharavan'ny fifanarahana.

Mialohan'ny hanombohana ny ady miaraka amin'ireo tsy mpino, dia nodidin'i Allah ny mpino hiantso ireo fahavalo hiditra ny finoana islamo aloha. Raha toa ka mandà izy ireo dia takina aminy ny hanefany hetra sy hiambany manoloana ny lalàn'i Allah (69). Fa raha mandà izy ireo dia miroso avy hatrany amin'ny ady mba tsy hisian'ny korotana (70), ary ho an'i Allah daholo ny finoana.

Rehefa amin'ny ady dia noraran'i Allah ireo mpino mba tsy hamono ireo ankizy sy vehivavy sy ireo antitra ary ireo pretra any amin'ny tempolin'zy ireo, afa-tsy ireo mandray anjara miaraka amin'ireo miaramila mpiady, amin'ny alàlan'ny fanoloran-kevitra na fandraisana anjara mivantana. Nodidin'i Allah ireo mpino mba haneho fihetsika mendrika manoloana ireo babo an'ady. Fatantra arak'izany fa tsy hanjaka na hanararaotra no tanjon'ny islamo amin'ny ady, fa ny tanjony amin'izany kosa dia ny fampielezana ny fahamarinana, sy ny indrafo amin'ny zavaboahary, ary ny famoahana ny olona amin'ny fanompoana zavaboahary ka hanompo an'i Allah ilay Mpahary.

Fahavalo : eo amin'ny fahalahahana :

(a)Fahalahahany finoana :

Nomeni 'Allah safidy malalaka hanaraka ny finoana islam ireo olona tsy mpino, izay nanaiky hiambany eo amin'ny firenena iskamika, aorian'ny fanazavana aminy ny finoana islamo, aorian'ny fitarihana azy. Fa raha nisafidy ny islamo izy dia ho fahasambarana sy fahavotana ho azy izany, ka raha nisafidy ny hijanona amin'ny finoany kosa izy, dia izy ihany no nisafidy ny fikomiana sy fahoriana ary ny sazy amin'ny afobe ho an'ny tenany. Amin'izany izy dia efa tsy afa-tsiny intsony, tsy afa-miala itsony izy eo anatrehan'i Allah. Amin'izay fotoana izy dia avelan'ireo mpino hijanona ao amin'ny finoany, nefo misy fepetra takina aminy, dia ny handoavany ilay jizia am-piambaniana ary hilavolefona izy eo ambanin'ny lalànan'ny islamo, fa tsy hisehoseho manoloana ny ireo mpino amin'ny finoany.

Fa ny mpino kosa dia tsy ekena aminy ny hiverin-dàlana aorian'ny fidirany anatin'ny islamo, fa raha miverin-dàlana izy dia vonoina no sazy mihatra aminy. Izany no saziny satria tsy mendrika azy intsony ny mbola hiaina, noho izy efa nahalala ny marina nefo nialany izany, afa-tsy hoe izy nibebaka tamin'i Allah ary niverina amin'ny finaoan islamo (71).

Raha toa ka ny fivadiha-pinoana nataony tamin'ny alàlan'ny fanaovany iray amin'ireo zavatra manafoana ny finoana islamo, dia takina aminy ny fibebahana amin'izany zavatra izany, amin'ny alàlan'ny fametrahany azy sy ny tsy fankasitrarahany izany intsony, ary ny fibebahany amin'i Allah ilay Avo indrindra. Ireo zavatra manafoana ny finoan'ny olon iray dia betsaka; anisan'izany ny :

Ny fanakambanana an'i Allah amin'ny zavaboaharinny, izany dia fandraisany mpanompo tompo iray hafa ankoatran'i Allah. Eny na dia ny fandraisany izany ho mpanelanelana azy amin'i Allah, hitalahoany sy ho mpanakaiky azy amin'i Allah. Mitovy anefa izany, na miaiky azy ho tompo amin'ny anarana na ara-kevitra. Izany dia noho ny fahafantarany fa izany tompo dia tomponina tahaka ny nataon'ireo mpanompo sampy tamin'ny andron'ny habadoana. Izy ireo izay nanompo ny sampy – sarin'ireo olona mendrika tany aloha - mba ho mpanelanelana azy ireo amin'i Allah.Na tsy miaiky aza izy fa manakambana an'i Allah amin'ny alolan'izany. Izy ireo dia tahaka ireo mpomba ny finoana islam nefo manompo sampy, izy ireo Izay tsy manaiky rehefa antsoina ho amin'ny fanokanana an'i Allah, noho ny fiheverany fa izany shirk izany dia fiankohofana amin'ireny sampy ireny ihany, na koa izy mihevitra fa ny shirk dia ny fitenenana hoe : tompoko ity.

Izy ireo dia tahaka ny olona misotro toaka, izay miantso azy amin'ny anarana hafa, efa voazava any aloha ny momba azy ireo, miteny i Allah manao hoe : Tompoy i Allah, ary atokano ho azy irery ny fanompoana (2). {An'i Allah ny finoana madio, fa ireo izay maka mpiahy hafa ankoatr'Azy kosa, dia milaza hoe : "Ny hampanakaiky anay kokoa amin'i Allah no anompoanay azy ireo". Hamafisina, fa hitsara azy ireo amin'izay mampifanditra azy ireo i Allah. Tsy mitari-dàlana izay mpandainga sy tsy mahay mankasitraka tokoa i Allah}. (Al-zoumar: 2-3). Ary niteny ALLAH, ilay Avo indrindra : Izany i Allah no tomponareo, Azy irery ny fanjakana. Fa ireo izay antsoinareo ankoatranry dia tsy tomponny voan'atrendry akory.(13). 14 - Raha antsoinareo izy ireo, dia tsy handre ny antsonareo akory; ary na mandre aza, dia tsy afaka hamaly anareo. Amin'ny andro fitsanganana, dia ho lavin'izy ireo ny fampitambaranareo azy (amin'i Allah). Tsy misy afaka manome vaovao anao mitovy amin'izay mahafantatra tsara. (Fatwir: 13-14).

1-Ny tsy fanekena ny maha tsy mpino ireo mpanompo sampy sy ny hafa ankoatra azy ireo amin'ireo tsy mpino : Toy ny Jiosy, Kristiana, ireo tsy mino ny fisian'i Allah, sy ireo mpanompo afo, ary ireo Tawaghriti izay mitsara amin'ny lalàna hafa ankoatra ny nampidinin'i Allah, ary tsy mankasitraka ny hampiasana ny lalànan'i Allah ho lalàna velona, ka izay tsy manaiky ny maha mpikomy azy ireo aorian'a ny fahafantarany fa i Allah nanambara fa mpikomy izy ireo, dia tsy mpino ihany izy.

2-Ny fanandroana dia tsy afaka misaraka amin'ny fanakambanana an'i Allah, ka izay manao izany na faly amin'ny fisiany aorian'ny fahaizany fa fikomiana amin'i Allah ny fanaovana izany, dia mpikomy ihany koa izy.

3-Ny fiheverana fa ny lalàna na rafitra hafa ankoatrany ny Islam no tsara mihoatra ny lalànan'ny Islam, na ny fiheverana fa ny lalàn'ny hafa ankoatra an'ny Mpaminany (S.A.W) no tsara kokoa, na ny fiheverana fa azo atao ny mampiasa lalàna ankoatra ny lalànan'ny Islam.

4-Ny fankahalana an'ilay Iraka (S.A.W), na fankahalana Zavatra izay fantany fa anisan'ny lalàna napetrany.

5-Ny fianihanina (72) Zavatra izay fantany fa ao anatin'ny finoana Islam.

Ny tsy fitiavana ny finoana Islam handresy, na ny fifalina amin'ny fihemorany.

7-Ny fiombonana amin'ireo mpikomy sy ny fampandresena azy ireo ary izy anefa mahafantatra tsara fa ny fiombonana amin'izy ireo dia mampiditra azy ho anisan'izy ireo.

8-Ny fiheverana fa mampilamina kokoa ny fivoahana amin'ny lalànan'i Mouhammad (S.A.W), nefà izy mahay tsara fa tsy amin'iza na iza ny fivoahana aminy, na amin'inona na amin'inona.

9-Ny fanomezana lamosina ny finoan'i Allah, ka izay olona miamboho ny islam aorian'ny fampitsiahivana azy, tsy mila mianatra azy na koa tsy mampiasa azy, dia mpikomy.

Ny tsy fanekena lalàna iray amin'ireo lalàn'ny Islam izay nankatoavin'ny rehetra, ary ny tahaka azy dia tsy tonkony tsy hahalala izany... Ny porofo milaza ny fifanipahana izay ao anaty coran sy ny Sounna dia betsaka.

(b)- NY FAHALALAHANA MANEHO HEVITRA :

Nanome fahafahana malalaka i Allah amin'ny fanehoan-kevitra, ny fepetra amin'izany anefa dia ny tsy hisian'ny fifanipahana manoloana ilay hevitra sy ny fampianaran'ny Islam. Ka nodidiny ny mpino mba hiteny ny marina manoloana ny rehetra, tsy hatahotra tsinin'iza na iza, ary nataony ho anisan'ny Jihady tsara indraindra ny fanaovana izany. Ary nodidiny ny mpino mba hananatra ireo mpitondran'ny mpino, sy hanakana azy ireo amin'ny fandikan-dalàna. Ary nandidy azy ireo koa Izy hanohitra ireo miantsso amin'ny tsy marina sy hanakana azy ireo amin'izany. Izany no tena zava-dehibe sy fomba fanomezan-danja tsara indrindra ny fanehoan-kevitra. Fa ny hevitra manohitra ny lalàn'i Allah dia tsy azo ekena kosa ny hanehoan'ny tompony izany, satria izany dia fandravana sy fanimbana ary fanoherana ny marina.

(j)- NY FAHALALANA ISAM-BATAN'OLONA :

Nomen'i Allah fahalalahana ny tsirairay ato amin'ny Islam, ao anatin'ny fefin'ny lalànan'ny Islam, ka nataony ny rehetra-lahy na vavy- halalaka amin'ny fifandraisany manoloana ny hafa, toy ny amin'ny : fividianana, fivarotana, fonolorana, fanomezana, famelana. Ary samy nataony malalaka ny lahy sy ny vavy hisafidy izay ho vadiny, ka tsy misy terena ny iray amin'izy roa ireo hanambady ny olona tsy tiany. Amin'ny fotoana hisafidianan'ny vehivavy lehilahy iray tsy mendrika azy amin'ny finoany, dia tsy ekena izany safidiny izany, mba ho fiarovana ny finoany sy ny voninahiny. Ny fanakanana azy amin'izany dia tombontsoa ho azy sy ho an'ny fianakaviany.

Ny mpiandraikitra ny vehivavy dia ireo lehilahy akaiky firazanana indrindra aminy, na mpisolo tena azy. Izy no manatanteraka ny famatoram-panambadian'ilay vehivavy. Satria ny vehivavy dia tsy mahazo alàlana hampanambady ny tenany, satria ny fanaovany izany dia misy fitoviany amin'ny fijangajangana. Ka miteny amin'ny mpanambady lahy izy manao hoe : Ho ampanambadiko an'i ranona ianao, ka mamaly izy manao hoe : manaiky izany fanambadiana izany aho. Ary atrehan'ny vavolombelona roa izany.

Tsy azon'ny mpino atao ny hohoatra ny fefy izay efa nofaritan'i Allah ho azy, satria izy sy ny fananany rehetra dia an'i Allah, ka takina amin'ny fihetsiny rehetra ny tsy hohoatra ny fefin'ny lalànan'i Allah, izay napetrany mba ho indrafo ho an'ireo mpanompony. Izay mifikitra amin'izany dia hahitsy sy ho sambatra, ary izay manohitra kosa dia ho ory sy potika, noho izany dia noraran'i Allah tanteraka ny fijangajangana sy ny fiarahan'ny lahy samy lahy. Ary nosakanan'i Allah amin'ireo mpino ny famonoan-tena sy fanovàna ny zavaboahary amnin'ny endrika nanaovan'i Allah azy.

Fa ny fanafohezana ny volombava ambony kosa sy ny fanalana hoho sy firaratana ny volon'ny fitaovam-pananahana sy ny fanongotana ny volon-kelika ary ny famorana dia Zavatra nandidin'i Allah atsika.

Noraran'i Allah ny mpino haka tahaka ireo fahavalon'i Allah amin'ny alàlan'ny zavatra natokana ho azy ireo, satria ny fankana tahaka azy ireo sy ny fitiavana azy ireo amin'ny endrika ety ivelany dia hitarika amin'ny fakana tahaka sy fitiavana azy ireo ao am-po.

Ilain'i Allah amin'ny mpino no loharanon'n ny foton-kevitra islamika marina, fa tsy ho mpanafatra ireny foton-kevitrin'ny olona sy ny hevit' izy ireo, Ilain'i Allah ny mpino ho modely fakana tahaka fa tsy ho mpaka tahaka.

Fa ny momba ny fanodinana ara-bokatra sy traikefa ara-tekinika mety dia nandidy ny amin'ny hianarana izany ny Islam, sy ny fakana azy, eny fa na dia ireo tsy mpino no nialoha lèlana azy ireo amin'izany, satria i Allah no mpampianatra ny olombelona, miteny i Allah manao hoe: (Ka nampianatra ny olombelona ny zavatra tsy fantany). (Al-'alak: 5).

Izany no ambaratonga ambony indrindra amin'ny torohevitra sy fanarenana ho an'ny olona iray eo amin'ny fakana tombony amin'ny fahafahany, sy fiarovana ny voninahiny ary fiarovana azy amin'ny faharatsian'ny tenany sy ny faharatsian'ny hafa.

(d) Ny Fahalalahana amin'ny toeram-ponenana :

Nomen'i Allah Tsitoha ny mpino ny fahalalahana hialoka, ka tsy misy mahazo miditra ao aminy raha tsy nahazo alàlana, ary tsy tokony hijery azy ao amin'ny fialofany raha tsy nahazo alàlana avy aminy.

(f) Fahalalahana hiasa :

Nomen'i Allah fahalalahana ny mpino mba haitady sy handany araka ny fetran'izay voatondro ho azy, ka nodidiany hiasa sy hahazo vola izy; Mba hamelomany ny tenany sy ny ankohonany, ary hamoahany ho amin'ny asa fanasoavana. Ary amin'io fotoana io ihany dia raran'i Allah izy amin'ny hitady vola amin'ny tsy ara-dalàna, toy ny : zanabola, filokana, kolikoly, halatra, karama amin'ny fanandroana, ody ratsy, fijangajangana sy sodomia. Ary noraran'i Allah ny fihinanana ny vidin'ireny zava-boarara ireny toy ny : Ny vidin'ireny sarin-javatra manana fofon'aina (73), sy ny toaka, kisoa, sy vidin'ireny fitaovam-pihirana tsy ara-dalàna, sy ny karama azo amin'ny hira sy ny dihy, ary tahaka ny fandrarana ny fahazoana vola amin'ireo loharano ireo, dia voarara koa ny fandaniana amin'izany. Ka tsy mety amin'ny mpino ny mandany na inona na inona afa-tsy amin'ny fomba ara-dalàna. Izany no ambaratonga ambony indrindra amin'ny fananarana sy fitaritana ary fanarenana ho an'ny olombelona mba hahatonga azy hiaina mahaleo tena amin'ny fitadiavam-bola ara-dalàna sy ho sambatra.

Fahasivy : Amin'ny fianakavina :

i Allah Tsitoha dia nandrindra ny fianakaviana ao amin'ny lalàna Islamika amin'ny fandrindrana feno tanteraka, ahazoan'ireo mpandray izany ny antony mahasambatra. Ka nataony ara-dalàna ny fanasoavana ny Ray ama-ndreny - Dada sy Neny amin'ny alàlan'ny teny mamy, sy famangiana tsy tapaka raha lavitra no misy azy roa, ny fikarakara azy roa, ny mameno izay ilainy, ny famatsiana ho azy roa raha ohatra ka mahatra na ny iray aminy. Ary nampanantena famaizana i Allah ho an'ireo izay manao tsirambiny amin'ny fikarakarana ny Ray ama-ndreniny. Ary nampanantena fahasambarana ho an'ny mpanao soa ho azy roa. Ary nataony ara-dalàna ny fanambadiana sy nazavainy ny fahendrena fonosin'ny maha ara-dalàna azy ao amin'ny Bokiny, sy amin'ny Sounna-n'ilay Irany (S.A.W).

\*\*\*

Ny fahendrena fonosin'ny fanambadiana

1- Amin'ny fanambadiana no lehibe indrindra amin'ireo antony maro miteraka ny fahafehezan-tena sy ny fiarovana amin'ny fijangajangana ary fiarovana ny maso amin'ny fijerena zava-boarara.

2-Amin'ny alàlan'ny fanambadiana no mampisy ny fiadanana sy fitoniana ho an'ny mpivady tsirairay amin'ny alàlan'ny namany; Satria i Allah nanao fifankatiavana sy fifamindram-po aminazy roa.

Amin'ny alàlan'ny fanambadiana dia mitombo ara-dalàna ny isan'ny mpino, ahitana ny fahadiovana sy fahamendrehana.

Amin'ny fanambadiana no mifanampy ny mpivady rehefa manatanteraka ny adidy tandrify azy araka ny nanaovan'i Allah azy ny tsirairay amin'izy roa.

Ka ny lehilahy miasa any ivelan'ny trano ary mahazo vola, mba hamatsiany ireo vady aman-janany. Ary ny vehivavy kosa miasa ao an-trano, ka izy no mitondra vohoka, mampinono, mitaiza ireo ankizy, manomana sakafy ho an'ny vadiny, mikarakara ny trano sy manomana ny fandriana.Ka rehefa miditra ao an-trano ilay lehilahy reraka sy tratran'ny adisaina, dia manjavona avy hatrany izany rehefa mitakosokona amin'ny vadiny sy ireo zanany izy, ka miaina ny rehetra am-piadanana sy am-pifaliana. Tsy misy sakana ny amin'ny hiasan'ilay vehivavy eo ankilan'ny vadiny - raha toa ka nankasitrarin'izy roa izany - amin'ireo asa hahazoany vola hampiasainy amin'ny vatany na mba hanampiany ny vadiny. Misy fepetra takina anefa ny amin'izany dia ny asa ataony manalavitra ny fifangaro haroana amin'ny ireo lehilahy, toy ny asa ao an-tranony, na eny an-tanimbolin'ny vadiny na an-tanimbolin'ny ankohonany. Fa ny asa izay hahatonga azy hifangaro amin'ny lehilahy kosa eny amin'ny orinasa, bira, toeram-pivarotana sy izay rehetra mitovy amin'izany dia tsy azon'ny vehivavy atao, ary tsy azon'ny vadiny na ny Ray aman-dreniny na havany ankaiky ny mamela azy hanao izany asa izany rehefa izy mankasitraka ny hanao azy. Satria amin'ny fanaovany ny asa tahaka izany dia maneho azy sy ny fiarahamonina ho any amin'ny haratsiana. Koa raha mbola mijanona voaro tsara ao an-tranony ilay vehivavy, tsy voasehoseho manoloana ireny lehilahy dia mbola voaro tsy hiampatra any aminy ny tånanana mpanonta. Ary tsy hijery azy ny maso mpamadika. Fa raha izy kosa anefa mivoaka eny anivon'ny olona, dia amin'izay fotoana izay izy mety ho very ary ho lasa tahaka ny ondry eo anivon'ny amboadie. Ary tsy handalo fotoana fohy ka tsy ho tonga ireo olon-dratsy handravarava ny voninahiny sy fahamendrehany. Raha tsy afa-po amin'ny vehivavy iray ny lehilahy, dia erfa nanome alàlana azy Allah ny hanambady efatra ihany. Amin'ny fepetra mba hisian'ny rariny manoloana azy ireo araka izay vitany eo amin'ny trano fonenana, sy famatsiana, ary

ny fatoriana.Fa raha ny fitian'ny fo kosa dia tsy takina araka ny fepetra ny fampitoviana azy ireo, satria izany dia zavatra tsy vitan'ny olona, ka tsy ahazoany tsiny. Ny rariny izay nolavin'i Allah ny tsy fahavitany azy, araka ny tenin'i Allah. (Ary tsy ho vitanareo hampitovy ireo vehivavy na dia hiezaka fatratra aza ianareo). (An-nissa:192). Izany ilay fitiavana sy ny mifamatotra aminy. Ny rariny tahaka izany dia tsy nataon'i Allah sakana tsy hananana vady maro ny tsy fahavitana azy satria izany dia sarotra tanterahina. Nataon'i Allah mety araka ny lalàna ho an'ireo Irany ny fanambadiana maro sy ho an'ireo izay afaka manao ny fampitoviana azo tanterahina, satria Izy Allah no mahafantatra ny mahasoa azy ireo, ka izy io dia tsara ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy. Satria ny lehilahy salama dia manana fironana ara-pananahana, vitany amin'ny alàlan'izany ny manome fahafaham-po ara-nofo an'ireo vehivavy efatra sy manafaka azy ireo. Fa raha toa kosa ny lehilahy mijanona amin'ny vehivavy tokana, tahaka ny an'ny kritianina (74) sy ny hafa ankoatr'izy ireo, tahaka ny antsoitsoin'ireo mitonon-tena ho mpino islamo, raha mitsahatra amin'ny vehivavy tokana dia ireto zava-dratsy ireto ny hitranga :

Ny voalohany : Raha toa ka mpino mpankatoa an'i Allah sy matahotra Azy ilay lehilahy, dia mety hahatsapa fahabangana izy eo amin'ny fiainany, ary hanakana ny filan'nynofony ara-dalàna izany. Satria ny vohoka amin'ny fotoana farany, fahaterahana, fadimbolana ary ny aretina dia hanakana ny vadiny amin'ny fakana fahafinaretana aminy, ka hahatonga azy hiaina amin'ny sasantsasany amin'ny fotoany tahaka ny tsy manam-bady. Toy izany ny zava-misy raha toa ka tia azy ilay lehilahy, fa raha tsy tia azy kosa izy, dia loza noho izany ny zavatra hiseho.

Ny faharoa : Raha tsy mpankatoa sy mpamadika ilay lehilahy, dia hijangajanga sy handao ny vadiny izy, Ary betsaka amin'ireo izay tsy manaiky ny fananana vady maro no manao heloka bevava amin'ny fiangajangana sy fivadihana amin'ny fananana vady maro tsy misy fetra. Zava-dehibe noho izany dia izy voaheloka ho mpikomy noho izy miady amin'ny fanambadiana maro ara-dalàna. Ary izy mitsikera izany nefà i Allah efa nanaiky amin'ny fanaovana azy.

Ny fahatelo : Maro ny vehivavy tsy hanambady sy zanaka raha sakana ny fanambadiana maro, ka ny olona mendrika sy mahavoafehi-tena amin'izy ireo dia hiaina mampalahelo tsy hisy vady, ary ny hafa mpivaron-tena lalovin'ny jiolahy.

Iaraha-mahalala fa ny vehivavy no maro an'isa raha oharina amin'ny lehilahy, noho ny fiatrehan'ny lehilahy ireny zavatra mamono ireny amin'ny ankabopeny; noho ny antony ady sy ny asa mampidi-doza izay ataon'izy ireo. Araka ny fantatra ihany koa fa ny vehivavy dia efa vonona ny hanambady sahadys manomboka izy feno taona, fa ny lehilahy kosa dia tsy izy ireo daholo no vonona amin'izany. Satria ny betsaka amin'izy ireo dia tsy afaka ny hanambady noho ny tsy fahafahana mandoa ilay vodiondry sy ny fandaliana ao an-tokatrano... sns Fantatra arak'izany fa ny finoana Islam dia marina maneho ny fahamarinany amin'ireo vehivavy ary mamindra fo aminy. Fa izy ireo izay miady amin'ny fanambadiana maro ara-dalàna kosa dia fahavalon'ny vehivavy sy ny fahamendrehana ary Mpaminany rehetra, fa ny fanambadiana maro dia fomba amam-panaon'ireo Mpaminany rehetra (A.S) satria izy ireo dia nanambady avokoa ary nanambatra azy ireo araka ny fetra nofaritan'i Allah ho azy ireo.

Raha ny amin'ny fahasaratam-piaro sy halahelo kosa izay tsapan'ny vehivavy rehefa maka ny hafa ny vadiny, dia resaka ara-pihetseham-po izany ary tsy mety velively, na amin'inona na amin'inona ny fihetseham-po no atao laharam-pahamehana noho ny lalàna. Azon'ny vehivavy atao ny mametraka fepetra amin'ny tenany mialohan'ny hanambady fa tsy hanambady haka vehivavy hafa ankoatrany ny vadiny, fa raha nanaiky izany ilay lehilahy dia tsy maintsy tanterahiny izany. Raha nanapa-kevitra ny hanambady hafa ilay lehilahy dia ho azy ny safidy amin'ny hijanona na hiala, fa raha miala izy dia tsy misy azony hoentina amin'izay rehetra nomen'ny vadiny azy.

676- Nataon'i Allah mety ny fisaraham-panambadiana indrindra eo amin'ny fotoana mampifanolana sy mampisy disadisa ny mpivady, sy amin'ny fotoana tsy itiavan'ny andaniny intsony ny ankilany eo amin'ny mpivady roa tonta, mba tsy hahatonga azy roa hiaina ao anaty fahoriana foana sy disadisa. Mba hahatonga ny tsirairay amin'izy roa hahita vady tiany sy hasambatra azy amin'ny fiainany sisa tavela sy any ankoatra (75) rehefa izy roa ireo samy maty tato anatin'ny Islam.

Fahafolo : eo amin'ny fahasalamana :

Noentin'ny lalàna islamika avokoa ireo fototra fitsaboana rehetra, ka ao anatin'ny Coran sy Hadîth-n'ny mpaminany (S.A.W) manazava maro amin'ireo aretina ara-panahy sy ara-batana, sy fanazavana ny fomba fitsaboana azy ara-materialy sy ara-panahy; Niteny i Allah manao hoe : (Ary nampidininay avy amin'ny Coran ny fanasitranana sy famindram-po ho an'ny mpino). (Al-isra:82). Niteny ny Irak'i Allah (S.A.W) hoe: (Tsy nampidinin'i Allah ny aretina afa-tsy hoe efa nampidinin'ny niaraka amin'ny ihany koa ny fanafodin'ireo aretina ireo, ka mahalala sy mahafantatra an'izany ireo izay mahalala fa tsy hahalala an'izany ihany koa ireo izay tsy mahalala azy).

Ary niteny i Mpaminany (S.AW) hoe: "Mistaboa ianareo saingy aza mitsabo amin'ny zavatra voarara (Haram)". Ao anatin'ny boky "zadoul-ma'ad" izay nosoratan'ny manampahaizana Ibn Kayym no misy ny famelabelarana momba izany, ka aoka hiverina amin'izany boky izany, satria izany anisan'ireo boky islamika tena tsara sady marina no mamebelatratra kokoa momba ny islam, sy misy ny tantaran'ilay Iraka farany (S.A.W).

Faha -11 : Ny ekonomika, varotra, orinasa, fambolena : Sy izay rehetra ilain'ny olona toy ny : rano, sakafy, fampiasam-bahoaka, sy ny lamina mipetraka izay miantoka ny fanamboarana ny tanan-dehibe sy ny ambanivotr'izy ireo, sy ny fahadiovana ao aminy, ny fandaminana ny fifamoivoizana ao aminy, ny fiadiana amin'ny kolikoly sy ny lainga, ny hafa ankoatr'izany, izany rehetra izany dia efa voazavan'ny islam daholo ny antsipirany aminy, amin'ny endrika feno tanteraka.

Faha - 12 : Fanazavana momba ireo fahavaloo miafina sy fomba noentina miala azy ireo : Nazavain'i Allah ao anaty Coran Masina amin'ny mpanompony, fa izy dia manana fahavaloo izay misintonia azy mankany amin'ny fahapotehana eto an-tany sy any an-koatra, raha toa ka izy miambany manoloana izany fahavalony izany sy manaraka azy, ka nampitandrina azy ireo amin'izany Izy Allah, ary nanazava taminy ny fomba hoentina miala amin'izy ireo. Ireto daholo izany fahavaloo izany :

Ny volohany amin'izy ireo : ilay devoly voaozona : Izy ilay manosika ireo vahavaloo sisa tavela sy manetsika azy ireo hanohitra ny zanak'olombelona, ka izy no fahavalon'ny Raïntsika Adama sy ny Renintsika Eva, izay namoaka azy roa tao amin'ny paradisa, ka izy no fahavalon'ny taranak'Adama mandram-pahatapiry ny fiaianana eto an-tany. Manao ny ezakany iray manontolo izy ny handatsaka ireo zanak'Adama ao amin'ny fikomiana mba hahatonga an'i Allah hampiditra azy ireo ao anaty afobe miaraka aminy mandrak'izay - Allah anie hiaro antsika amin'izany -Ka raha tsy vitany ny mandatsaka azy ireo ao amin'ny fikomiana dia alatsany indray ao amin'ny fahotana ka hahatonga an'i Allah ho tezitra amin'izy ireo.

Ny devoly dia fanahy mikoriana anatin'ny zanak'olombelona tahaka ny fikorianan'ny rà ao aminy, mandrebireby ny fony, ary hatsarainy eo aminy ny zavatra iray ka hahatonga azy ho tafanao izany raha mankatoa azy izy. Ny fomba hialana aminy araka ny nazavain'i Allah dia ny fitenenan'ny mpino rehefa izy tezintra na koa rehefa izy eo am-piomanana hanao fahotana, ka miteny manao hoe : «Aouzoubillahi minas-shaytwanir-rajimo» - Mitady fiarovana amin'i Allah aho mba tsy azon'ilay devoly voaozona - ka tsy ho tanteraka ny hatezerany ary tsy hiroso amin'ny fikomiana izy, ary aoka izy hahafantatra fa ny zavatra tsapany ao anatiny izay manosika azy amin'ny ratsy dia ny devoly; mba hampidirany azy amin'ny fahapotehana, aorian'izany anefa izy dia hanadio tanteraka ny tenany ny aminy, miteny i Allah : (Fahavalonareo tokoa ny devoly, koa raiso ho fahavaloo tanteraka izy. Tsy manao afa-tsy ny miantso ireo mpanaraka azy izy, mba ho lasa olon'ny afo mamaivay). (Fatwir:6).

Ny fahavaloo faharoa dia : Ny sitra-po : Mety mahatsapa amin'ny alàlan'izany ny olombelona ny hetahetany tsy hanaiky ny fahamarinana, sy ny tsy fanekeny izany fahamarinana izany raha toa ka ny hafa ankoatrany no mitondra azy, sy ny hetahetany tsy hanaiky ny lalànan'i Allah sy ny fitsipahany izany, satria izany mifanohitra amin'ny tiany. Anisan'ny sitra-po ny fandefasana ny fihetseham-po mialoha laharana ny fahamarina sy ny rariny, ny fomba hiarovan-tena amin'izany fahavaloo izany dia ny fitadiavan'ilay mpanompo fiarovana amin'i Allah mba tsy hanarahany ny sitra-pony, ary tsy hamaly ny zavatra manosika ny sitra-po, ka tsy hanaraka izany izy. Tsy vitan'izany fa miteny hatrany ny fahamarinana izy ary manaiky izany eny na dia mangidy aza, ary mitady ihany koa fiarovana amin'i Allah mba tsy ho azon'ny devoly.

Ny fahavaloo fahatelo : ny fanahy maniraka amin'ny ratsy : Anisan'ny fanirahany amin'ny ratsy ny fahatsapan'ny olona iray faniriana ao anatiny ny hanao fahafinaretana voarara, toy ny : fijangajangana, fisotroan-toaka, fihinanana amin'ny atoandron'ny Ramadany tsy amin'ny antony ara-dalàna, ny hafa ankoatr'izany amin'ireo zavatra nandraran'i Allah. Ny fomba hialana amin'izany fahavaloo izany dia ny fitadiavana fiarovana amin'i Allah mba tsy ho resin'ny filan-dratsy sy ny devoly, ary miharitra mba tsy hanao izany fahafinaretana voarara izany, ny fampitsaharana izany noho ny fitadiavana fankasitrahan'Allah, tahaka ny fanakanana ny vatana amin'ny sakafy sy zavam-pisotro tiana nefy ny fihinanana na fisotroana azy manimba ny fahasalamana. Ary aoka ho tsarona fa izany fahafinaretana voarara izany dia haingana dia efa tsisy intsony fa mandimby azy aoriany ny nenina lava sy maharitra.

Ny fahavaloo fahaefatra : Ireo devoly olombelona : Izy ireo no mpanota amin'ireo taranak'i Adama izay voarebirebin'ny devoly, ka lasa manao zava-dratsy izy ireo ary hatsarainy manoloana ireo mpiara-mipetraka aminy ny fanaovana izany. Ny fomba hialana amin'izany fahavaloo izany dia ny : Ny fitandremana aminy, sy fankalavirana azy ary ny tsy fiarahana mipetraka aminy.

Faha - 13 : Eo amin'ny tanjona avo lenta sy fiaianana sambatra : Ny tanjona avo sy fiaianana sambatra izay notarithin'i Allah ireo mpanompony dia tsy ity fiaianana eto an-tany sy ny rehefa mamitaka sy mandalo ao

aminy...Fa izany kosa dia ny fanomanana ny ho avy tena izy mandrakizay. Izany dia ny fainana any an-koatra aorian'ny fahafatesana; ka aoka hiasa ny mpino tena marina amin'ny fainana eto an-tany, noho ny fiheverany fa ity fainana eto an-tany ity dia fomba hoentina hahazoana ny any an-koatra, ary ny eto an-tany dia mamboly ho an'ny an-koatra fotsiny fa tsy izy no tanjona.

Ka tsaroany ny tenin'i Allah manao hoe : (Ary tsy nohariako ny jiny sy ny olombelona, afa-tsy hanompo Ahy ihany). [Az-Zàryâte: 56]. Sy ny tenin'ilay Avo Tsitoha : 18- Ô ianareo mpino! Matahara an'i Allah ianareo. Ary aoka ny tsirairay samy hijery izay hatolony amin'ny rahampitso. Ary matahara an'i Allah ianareo, fa mahafantatra tanteraka izay rehetra ataonareo i Allah. 19- Ary aza manao tahaka ireo izay nanadino an'i Allah, ka nampanadinoany ny tenany izy ireo. Izy ireny no ratsy fitondran-tena. 20- Tsy hitovy ireo olon'ny Afobe, sy ireo olon'ny Paradisa. Fa ireo olon'ny Paradisa no mpandresy. (Al-hashr: 18-20). Ary niteny sy nilza i Allah manao hoe : 7-Ka izay manao asa soa, na dia bitika kely indrindra mitovy sahala ny amin'ny lanjan'ny atôma aza, dia ho hitany avokoa izany. {8- Ary izay manao asa ratsy, na dia bitika indrindra mitovy amin'ny lanjan'ny atôma aza dia hahita izany ihany koa}. [Sorat Az-Zalzalat: 7-8].

Ny tena mpino marina dia mahatsiaro ireny andininy masina ireny sy ny tenin'i Allah izay mitovitovy amin'izy ireny, amin'ny alàlan'izy ireny no hanistian'i Allah ireo mpanompony ho any amin'ny tanjona lehibe, izay antony nanaovan'i Allah azy ireo, sy manitsy azy ireo amin'ny hoaviny tsy afa-misaraka aminy. Ka aoka izy hiomana amin'ny hoaviny tena izy, mandrak'izay, amin'ny alàlan'ny fanompoana feno fahadiovam-po amin'i Allah irery. Ary hanatanteraka ny asa tian'i Allah mba hahazoana ny hafaliany sy ny voninahitra avy aminy eto an-tany amin'ny alàlan'ny fankatoavana Azy, ary ny fidirana amin'ny paradise aorian'ny fahafatesana. Ka eto an-tany izy dia homen'i Allah fainana tsara, ka hahatonga azy hiaina eto an-tany eo ambany fiarovan'i Allah sy ny hazavany... Manatantereka ny fanompoana nandidian'i Allah aminy, ka mahazo finaretana eo am-panatanterahana ilay fanompoana sy eo am-piantsoana an'i Allah, mahatsiaro Azy ao am-pony sy eo am-bavany ka ho feno fitoniana noho izany ny fony.

Ary manao tsara olona amin'ny alàlan'ny teniny sy ny fihetsiny, ka heno laza ny soa vitany amin'ny alàlan'ny olona tsara amin'izy ireo sy ny fankatoavan'izy ireo izany, fa fanaovan'izy ireo vavaka tsara ho azy. Hita taratra amin'ireo mpialona kosa ny tsy fankasitrahaha ny asa tsara vitany, nefo izany tsy misakana ny fanaovany tsara amin'izy ireo, satria noho ny fitadiavana hafalian'i Allah sy valisoa avy aminy ihany no nanaovany izany. Ary heno amin'ireo olon-dratsy sy ireo olona tsy tia an'ilay finoana sy ny mpanaraka azy ny fananahaniana sy fanaratsiana, ny rehetra izany dia mampahatsiaro azy an'ireo Irak'i Allah, ka fantany fa izany fa natao amin'ny lâlan'Allah, ka voamaika mitombo ny fitiavany ny islam sy ny fifikirany aminy. Ary miasa amin'ny heriny ao anaty birao na any an-tanimboly na anaty mangazay na any amin'ny orinasa, mba hahazoan'ny finoana islam sy ny mpino silamo tombony amin'ny ezaka vitany, mba hahazoany valisoa avy amin'i Allah amin'ny andro izay hifanenany aminy, noho ny fahadiovam-pony sy ny fikasana tsara ananany. Ary mba hahazoany vola madio ho laniny amin'ny tenany sy fianakaviany, ary hamoahany fanomezana, ka hahatonga azy ho tony sy hahaleo tena, mihaza, mahay mionina, miandra fatratra ny valisoa avy amin'i Allah; satria i Allah dia mitia ny mpino matanjaka, manana fototr'asa hivelomana, ary mihinana sy misotro ary matory tsy mandanindany foana, manao izany izy mba hahazoany hery hoentiny mankato an'i Allah. Manao firaosana amin'ny vadiny izy mba hiarovany azy sy hiarovany ny tenany amin'ny zavatra noraran'i Allah, mba hahazoany taranaka hanompo an'i Allah sy hivavaka ho azy eo amin'ny fahavelomany sy aorian'ny fahafatesany ka lasa mitohy lalan-dava hatrany ny asa tsarany. Ary mihamaro amin'ny alàlan'izany zanany izany ny isan'ny mpino silamo ka hahazoany valisoa amin'i Allah izany. Ary aoka hankasitraka an'i Allah izy amin'izy hatsarana rehetra azony, ary izany hatsarana azony izany no raisiny fitaovana hoentiny manompo an'i Allah sy ny fahaizany miaiky fa avy amin'i Allah irery ihany izany, dia hahazo valisoa avy amin'i Allah izy. Ary tokony ho fantany fa ny zavatra mahazo azy indraindray toy ny hanoanana, tahotra, aretina, ary loza maro hafa, ny rehetra izany dia tsy inona akory afa-tsy safidy avy amin'i Allah ho azy, mba hahitan'i Allah -Izy mahalala ny zava-drehetra- hatraiza ny faharetana ananany sy ny fankasitrahaha ny lahatri'i Allah; ka hiaritra sy hankasitraka ary hisaotra an'i Allah eo amin'ny toe-javatra rehetra misy, noho ny fanantenany ny valisoa avy amin'i Allah izay nohomaniny ho an'ireo mpaharitra. Ka amin'ny alàlan'izany dia ho maivana eo aminy ny loza ary ho ekeny, tahaka ny marary manaiky ny hidin'ny fanafody noho izy tia ho sitrana.

Raha miaina araka ny nandidian'i Allah azy amin'ny fanahy avo ny mpino amin'ity fainana ity, ary miasa ho an'ny hoaviny tena marina mandrakizay, dia ho sambatra izy amin'ny fahasambarana mandrakizay, tsy misy hampanahirana azy intsony eo amin'ny fainana, ary ny fahafatesana dia tsy hanapaka izany fahasambarana izany, satria tsy am-pisalasalana fa izy dia sambatra eto an-tany ary ho sambatra ihany koa amin'ny fainana aorian'ny fahafatesana, miteny i Allah manao hoe : (Ny fainana any an-koatra, dia nataonay ho an'ireo izay tsy mitady fahamboniana eto an-tany, sy tsy manao asa fanimbana. Ary ny

fiafarana sambatra dia ho an'ireo izay manam-patahorana). (Al-kassas: 83). Ary marina ny tenin'i Allah, satria Izy nilaza manao hoe: {Na iza na iza, na lahy na vavy, ka nanao asa soa no sady mpino, dia omenay fainana sambatra tokoa; ary omenay valisoa tsara mihoatra izay nataony izy ireo}. [An-nahl 97]. Amin'ny andininy eo aloha sy ny andininy mitovy amin'izany dia milaza i Allah hoe : Izy dia mamaly soa ireo lehilahy mendrika ary mamaly soa ny vehivavy mendrika, izay roa ireo izay miasa eo amin'ny fainany eto an-tany amin'ny alàlan'ny fankatoavana an'i Allah noho ny fitadiavana ny hafaliany; amin'ny alàlan'ny valisoa haingana eto an-tany dia ny fainana tsara feno fahasambarana, araka ny efa nolazainay tany aloha, ary ny valisoa aorian'ny fahafatesana dia ny paradise mandrakizay. Araka izany dia miteny ilay Iraka (S.A.W) manao hoe : &lt;&lt; Mahagaga tokoa ny fainan'ny mpino iray satria ny fainany manontolo dia tsara avokoa ary tsy misy olona manana fainana tahak'izany afa-tsy mpino irey ihany, satria raha sendra nahazo fahasoavana dia mahay mankasitraka ka tsara ho azy izany, ary raha tra-doza kosa dia miharitra ka tsara ho azy ihany koa&gt;&gt;;

Mazava arak'izany fa ato anatin'ny finoana islam ihany no misy ny foto-pisaiana marina, sy fandrefesana marina ahafahana mandrefy ny tsara sy ny ratsy, ary ny sori-dalana feno sy ara-drariny. Ny hevitra sy Teoria rehetra amin'ny psikolojia, ny fiarahamonina, ny fanabeazana, ny politika ary ny toekarena, ary tsy maintsy ahitsy araka ny fanazavan'ny islam ny lamina sy ny rafitra rehetra napetraka ny zanak'olombelona, avy ao aminy no hisontonana azy. Raha tsy izany dia tsy azo eken'ny saina ny fahombiazan'ny mifanohitra aminy amin'izany, tsy vitan'izany fa loharanon'ny fahoriana ho an'ireo mpaka izany rafitra izany eo amin'ny fainany eto an-tany sy any an-koatra.

\*\*\*

## Fizarana faha dimy : Fanehoana ireo fanosorapotaka sasantsasany

Voaloany : Ireo manaratsy ny islam : Ny ankamaroan'ireo olona manaratsy ny islam dia mizara ho roa karazany :

Ny karazana voalohany : Ireo olona mpomba ny islam ary mitonon-tena ho mpino silamo, nefo mifanohitra amin'ny islam ny fomba amam-panaony sy ny teny avoakany, ka ny asa ataon'izy ireo dia tsy misy ifandraisany amin'ny islam na dia kely aza. Ka izy ireo dia tsy misolo tena ny islam velively, ary tsy azo lazaina ho fomban'ny mpino silamo ny zavatra ataon'izy ireo. Ireto avy izy ireo :

a)- Ireo olona mivily lèlana eo amin'ny foto-pinoany : Tahaka ireo olona manao fanompoana (tawaf) any amin'ny fasana, ary mangataka-pitahiana amin'ireo maty ao ampasana, ary mino izy ireo fa afaka manasaoa na manaratsy azy ireny.

b)- Ireo simba ara-pitondran-tena sy ara-pinoana :

Ka tsy tanterahin'izy ireo ny didin'i Allah, ary ny zavatra noraran'i Allah no ataon'izy ireo, toy ny fijangajangana sy fisotroan-toaka ...sns, ary izy ireo mitia sy maka tahaka ny fahavalon'i Allah.

d)-Anisan'ireo manaratsy ny finoana islam olona mpino silamo, nefo malemy finoana, ary banga ny fampiharan'izy ireo ny finoana islam eo amin'ny fainany, tsy tomombana ny fanatanterahan'izy ireo ireny didin'i Allah, na dia izany anefa tsy mamela tanteraka ny fanaovana izany izy ireo, ary manao ireny zava-boara ireny koa izy ireo na dia tsy mitovy tantana amin'ny fanompoan-tsampy (Shirk) lehibe na koa ireny karazana fikomiana maro samihafa. Ary izy ireo dia zatra manao fomba ratsy, voararan'ny islam, izany fomba ratsy izany dia tsy misy ifandraisany amin'ny islam, ary ny islam dia mandray izany toy ny fahotana lehibe; Ohatra : ny lainga, kolikoly, fivadidham-panantenana, fialonana. Ka izy rehetra ireo dia samy manaratsy ny finoana islam avokoa, satria ireo tsy mpino silamo tsy mahalala ny islam dia mihevitra fa ny finoana no mamela azy ireo hanao izany.

Fa ny karazany faharoa kosa : Ireo olona manaratsy ny finoana islam dia andiany amin'ireo fahavalon'ny islam, ireo mpialona azy, misy amin'izy ireo : Ireo tandrefana nianatra ny islam, ireo jiosy, ireo misionera kristianina, sy ireo mpialona ny islam hafa naka ny lèlani'izy ireo, izy ireo ilay olona tezitra amin'ny fahafenoan'ny islam, sy fahatsorany ary ny fiparitahany haingana; Satria ny islam dia finoana voajanahary (81), izay maharesy lahatra avy hatrany raha vao aseho fotsiny. Fa ny olombelona rehetra ankoatra ny mpino silamo dia miaina ao anaty tebiteby, ary mahatsapa fa tsy mankasitra ny finoanany, na tsy mankasitraka ny foto-kevitra izay arahiny; satria izany dia mifanipaka amin'ny maha voajanahary ao amin'ny tenany, afa-tsy ny mpino silamo marina ihany no miaina amin'izany, fa izy irey ihany no miaina amin'ny fahasambatra sy faly amin'ny finoana arahiny; Satria izany no finoana marina nalefan'i Allah ho harahina; ka ny lalànan'i Allah dia mifanaraka amin'ny maha voajanahary ao anatin'ny olombelona. Noho izany : lazaintsika amin'ireo kristianina rehetra sy ireo jiosy ary izay rehetra ivelan'ny finoana islam hoe : Ny zanakareo dia teraka tao anatin'ny finoana islam, fa ianao sy ny reniny no namoaka azy ireo tao

anatin'izany finoana izany, tamin'ny alàlan'ny fanabeazana simba tamin'ny tsy finoana, izany dia ireo finoana sy foto-kevitra mifanipaka amin'ny finoana islam.

Niniana nanendrikendrika ny finoana islam sy Ilay Iraka farany (S.A.W) ireo mpialona tandrefana nianatra ny islam sy ireo misionera.

1-Amin'ny fampandaingana ny hafany indraindray.

2- Amin'ny fitsikerana azy indraindray, nefo izy Ilay tomombana (S.A.W), Ilay efa nodiovin'i Allah, na dia tsy ankasitrahin'izy ireo ny tsy hananany kilema sy tsy fahampiana.

3- Amin'ny fanosorapotaka ny sasantsasany amin'ireo lalàna islamika marina, izay napetrak'i Allah, Ilay Be fahalalana, Be fahendrena, nataon'izy ireo izany mba hahatonga ny olona handositra azy.

Fa i Allah kosa anefa handrava ny hevi-petsir'izy ireo, satria izy ireo miady amin'ny marina, ary ny marina dia eo ambony hatrany fa tsy misy miambony azy, miteny i Allah manao hoe : 8- Te-hamono ny hazavan'i Allah amin'ny alàlan'ny vavany izy ireo, nefo vao mainka mampiseho ny fahazavany i Allah na dia mankahala izany aza ireo tsy mpino. 33. Izy ilay nandefa ny irany niaraka tamin'ny tari-dàlana mazava sy ny finoana marina, mba hampandreseny azy manoloana ireo finoana rehetra na dia mankahala izany aza ireo mpanompo sampy. (As-swaf:8-9).

Faharo a: Ireo loharanon'ny Islam :

Raha toa ianao ry olon-kendry ka tia hahafantatra ny tena islam marina, dia vakio ny Coran masina, sy ireo tenin'ilay Iraka Mouhammad (S.A.W), marina voarakitra ao n'i Boukhari sy Mouslimo sy boky Mouwattaa an'i Imam Malik sy Mousnad an'i Imam Ahmad sy ny Sounan Aboudaoda, Sounan An-nasa'i, Sounan At -tirmidhi sy Sounan Ibn Maja ary Sounan.Ad-darami. Vakio ny tataran'ny Mpaminany (S.A.W) izay nosoratan'Ibn Hisham, sy fanazavana momba ny Coran Tafsir - nosoratan'ny manampahaizana lehibe Ismael "Ibn Kathir", sy ny boky "Zad al-ma'ad fi houda khairil-ibad" nosoratan'ny manampahaizana lehibe Mouhammad Ibn Kayym sy ireo boky mitovy amin'izany, amin'ireo boky nosoratan'ny manampahaizana'ny finoana islam, vahoakan'ny fanokanana an'i Allah sy ny fiantsoana amin'ny lalan'i Allah, amin'ny fahalalana feno. Toy ny manampahaizan'ny islam Ahmad Ibn Taymia, sy ilay manampahaizana mpanavao ny finoana Mouhammad Ibn Abdoul-wahab, tamin'ny alàlan sy tamin'alàlan'ny Amir-n'ny tawhid Mouhammad Bin Sou'oud no nanomezan'i Allah voninahitra ny Islam sy ny fotompinoana Tawhid tato amin'ny nosin'ny Arabo sy ireo toerana sasantsasany tamin'ny taonjato faha roa mbin'ny folo hijir mandraka ankehitriny, taorian'ny fielim-patry ny shirk -fanakambanana an'Allah- Fa ny mahakasika ny boky nosoratan'ireo tandrefana nianatra ny islam, sy ireo vondron'olona izay lazaina ho mpanaraka ny islam nefo mifanohitra amin'ny islam ny antso ataon'ireny boky ireny, satria izy ireny dia fanoherana ny islam avokoa no ao aminy. Efa voalaza tany aloha ny ankamaroan'izy ireny. Anatin'ireny boky ireny no ahitana fanompana ny sasany amin'ireo Mpanaradia an'i Mpaminany (saw) na fanaratsiana ireo lehiben'ny mpiantso amin'ny fanokanana an'i Allah toy : i Ibn Taymia, Ibn Kayym, Mouhammad bn Abdoul Wahab, ary mampandainga azy ireo ny ao aminy, izy ireny dia boky manary ka tandremo mamaky azy ireny.

Fahatelo : Foto-pampianarana Islamika :

Ny mpino islam rehetra dia ao anatin'ny vondrona iray, ary ny loharanono anovozan'izy ireo izany dia ny Coran sy ny fomba amam-panaon'ilay Iraka (S.A.W). Fa ny antsoina hoe : Foto-pampianarana islamika - MAZAHIB - toy ny mazhab Hambaly, Maliki, Shafi'y, Hanafy, dia ny sekoly fandalinana ny islam no tia ambara amin'izy ireny. Ireny no sekoly nampianatra ireo manampahaizana ny fototry ny islam, ka ny loharan'on'ireny sekoly rehetra ireny dia ny Coran sy ny Hadith-n'ilay Iraka (saw). Ka ny tsy fitovian-kevitra hita amin'ireny sekoly ireny dia mahalana ihany, ary amin'ireo sampana ato amin'ny finoana islam no ahitana azy. Ny manampahaizana rehetra dia mandidy ny mpianany haka ny teny izay voaporofon'ny Coran sy ny Hadith, eny fa na dia ny hafa ankoatrany aza no nilaza izany teny izany.

Tsy terana ny mpino ny hifikitra amin'ny iray amin'izy ireny, fa terena kosa izy ny hiverina any amin'ny coran sy ny Hadith. Fa ny fivilian-dàlana amin'ny foto-pinoana -AKIDA- ataon'ny ankamaroan'ireo olona milaza ho mpanaraka ireny sekoly ireny, tahaka ny fihodikodinana -Tawaf- ataon'izy ireo any amin'ny fasana, sy fitadiavana vonjy amin'ny vahoakan'ny fasana, ny fanaovana dika vilana ireo toetoetran'i Allah ary ny fialana amin'ny dika mivantana ety ivelan'izy ireny. Ireny olona ireny dia mifanohitra amin'ny foto-pinoan'ny mpitarika ny sekoly arahiny ny foto-pinoany. Satria ny foto-pinoan'ireo mpitarika ireny sekoly ireny dia fito-pinoan'ireo Salaf, efa voalaza any amin'ireo vondron'olona tafita any ny momba azy.

Fahaefatra : Ireo vondrona ivelan'ny Islam :

Amin'ny firenena islamika dia ahitana vondrona maro ivelan'ny finoana islam, ary izy ireo dia voalaza fa anatin'ny islam ary mitonon-tena ho vondrona islamika. Raha ny tena marina anefa izy ireo dia tsy vondrona islamika mihitsy, satria ny foto-pinoan'izy ireo dia foto-pinoana fikomiana an'i Allah sy fikomiana ireo fambara avy amin'i Allah sy ny maha tokana azy. Anisan' ireo vondrona ireo ny :

## 1-Ny vondrona "Batounia" (Esoterika) :

Izy io dia mino, fa ny Coran sy ny Hadith dia misy dikany mafina tsy mifanaraka amin'ny dikany ety ivelany, ary tsy araka ny nanazavan'ilay Iraka (S.A.W) azy sy ny fiombonan-kevity ny mpino islam rehetra. Izany dika mafina izany dia izy ireo no nametraka izany araka ny sitrapony (82). Ny fototra niforona "Batounia"; Nisy andian'olona avy amin'ireo jiosy sy ireo madjous sy ireo tsy mino ny fisian'i Allah ary ireo mpahay filozofia tao amin'ny tanànan'i zareo Persa, rehefa nampahory azy ireo ny fiparitahan'ny finoana islam, dia nivory izy ireo ary nifanome hevitra amin'ny fametrahana foto-pampianarana iray, ny tanjona amin'izany dia ny fampisaraham-bazana ireo mpino silamo, sy fifanjevoan'ny foton-kevitra manodidina ny dikan'ny Coran Masina, mba hampisarasarahana ireo mpino, ka napetrak'izy ireo izany foto-pampianara mpandrodana izany ary niantso olona hanaraka izany izy ireo. Nolazain'izy ireo fa fanarahana ny fianakavian'ny Mpaminany (S.A.W) izany foto-pampianarana izany, ary mitonon-tena izy ireo fa anisan'ireo vondrony fianakaviani, nataon'izy ireo izany mba hahatonga ny sarambambem-bahoaka ho very tanteraka. Ka betsaka ireo olona bado azon'izy ireo, ka noverezin'izy ireo amin'ny lâlana mahitsy izy ireo.

Anisan'ireo sekta ireo (Qadianiyyah) : havany amin'i Ghulam Ahmad Al-Qadiani, izay malaza amin'ny filazana ny maha-mpaminany azy, ary niantso ny vahoaka tao Inde sy ny manodidina mba hino azy, ary nampiasa azy sy ny mpanara-dia azy ny Anglisy nandritra ny andro nanjanahan'izy ireo an'i Inde. Inde ary nandatsa-dransomaso taminy sy ny mpanara-dia azy; Mandra-pahatongan'ny olona tsy mahalala maro no nanaraka azy, ary nisy Qadianiyyah iray izay mody silamo, ary nitady ny handrava azy sy handroaka izay azony atao hiala amin'ny fariboliny, ary nalaza ny nanoratany boky: "Tashdeeq Baraheen Ahmadiyyah" izay nisy azy. nilaza ny maha-mpaminany azy, ary nanova ny lahatsoratry ny finoana silamo tao, ary anisan'ny fanodinkodinany ny lahatsoratry ny silamo ny filazany fa ny jiady dia ao anaty.

ny finoana silamo dia nofoanana, ary tokony hihavana amin'ny britanika ny silamo rehetra, ary tamin'izany fotoana izany koa dia nanoratra boky antsoina hoe The Antidote to Hearts. Maty ity mpanoratra ity rehefa avy namitaka olona maro tamin'ny taona 1908 AD, ary nandimby azy tamin'ny asa nanirahana azy sy ny fitarihana ny sekta diso izy tamin'ny alâlan'ny lehilahy diso lâlana antsoina hoe Al-Hakim Nur al-Din.

3-Anisan'ireo sekta Batounia ivelan'ny finoana silamo ny sekta antsoina hoe finoana Baha'i, izay naorin'ny lehilahy iray antsoina hoe Ali Muhammad tamin'ny fiandohan'ny taonjato fahasivy ambin'ny folo AD tany Iran. Ary nisy nilaza hoe: Muhammad Ali Al-Shirazi, ary avy amin'ny sekta Ithna Ashari izy, ka nanjary nahaleo tena tamin'ny zavatra fantatra momba azy niaraka tamin'ny foto-pampianarana izay nilazany ho azy fa izy no Mahdi Andrasana, avy eo dia nilaza izy taorian'izay, fa Andriamanitra Tsitoha no nitoetra tao aminy, ka tonga andriamanitra ho an'ny olona izy - hasandratra ambonin'izay lazain'ireo tsy mpino tsy mino an'Andriamanitra anie Andriamanitra, nandà ny fitsanganana amin'ny maty, ny fanisana, ny lanitra sy ny helo, nanaraka ny lâlan'ny Brahmin sy ny Bodista tsy mino, ary nampivondrona ny Jiosy sy ny Kristiana ary ny Silamo ary tsy nisy fahasamihafana teo amin'izy ireo (Al-Bahaa), nanaparitaka ny antsony ary nampitombo ny mpanaraka azy, noho izany dia nomena ny anarany ny sekta, ary nantsoina hoe finoana Baha'i izany.

Ao amin'ireo sekta ivelan'ny finoana silamo, na dia mitaky izany aza izy ireo, mivavaka, mifady hanina, ary manao Hajj, dia sekta lehibe izay milaza fa i Gabriel - ho azy ny fihavavana - dia namadika ny hafatra rehefa namerina izany tamin'i Muhammad - (S.A.W) izy - ary nirahina ho any amin'i Ali izy. Ny sasany amin'izy ireo dia milaza hoe: Ali dia Andriamanitra, ary mihoa-pefy amin'ny fanomezam-boninahitra azy sy ny voninahitra ny zanany sy ny zafikeliny, ny vadiny Fatima sy ny reniny Khadija - R.A - fa izy ireo dia nanao azy ireo ho tombo ka niantso azy ireo Andriamanitra, ary mino fa vaharo amin'ny fahadisoana izy ireo, ka ny toerana nametrahany azy eo anatrehan'i Allah dia ambony noho ny an'ny Iraka - S.A.W -.

Ary hoy izy ireo : Ny CORAN izay eo am-pelàtan'an'ny silamo ankehitriny dia manana fanampim-panampiana sy tsy fahampiana, ary nanao dika mitovy vaovao manokana amin'ny CORAN ho azy ireo, izay nametrahany andininy sy toko avy amin'izy ireo, ary manaratsy ilay mpino silamo tsara indrindra taorian'ny mpaminanin'izy ireo, dia i Abou Bakr sy Omar - R.A - ary nanevateva an'i Aisha renin'ny mpino izy ireo - ary nitady famonjena amin'i Ali sy ny taranany amin'ny fotoan-tsarotra, ary mangatakam-pitahina amin'ny zavatra hafa ankoatr'i Allah, nefo i Ali sy ireo zanany dia lavitra tanteraka amin'izay ataon'izy ireo. Satria nanao azy ireo ho tombo niaraka tamin'i Allah, ary nandainga tamin'i Allah, Andriamanitra ary nanodikodina ny teniny - i Allah anie hisandratra ambonin'izay lazainy <sup>5</sup>.

Ary ireo sekta mpikomy izay noresahintsika ireo, dia anisan'ireo sekta mpikomy izay mitonon-tena ho mpino silamo nefo izy ireo dia mandrava izy, koa aoka ho mailo - ry manan-tsaina, ry mpino silamo

<sup>5</sup> Anisan'ny fihetsik'izy ireo, izay nanovany ny endriky ny finoana silamo, ny famelezana ny tarehiny sy ny tratrany, ary ny famelezana rojo vy sy antsy ny vatany.

rehetra maneran-tany - Ny finoana silamo dia tsy fitenenana fotsiny hoe izaho silamo, mitaky ny fahalalana ny CORAN, ireo fomba amam-panaon'ny Mpaminany (S.A.W) - izay hita nataony ka ampiharina eo amin'ny fiainana, koa saintsaino ny CORAN lehibe sy ny Hadith fa ho hitanao ny fitarihana sy ny fahazavana ary ny lèlana mahitsy izay mitondra ny mpnaraka azy ho any amin'ny fahasambarana, ao amin'ny Paradisa feno fahasoavana eo anatrehan'ny Tompon'izao tontolo izao.

\*\*\*

#### Ny antso ho any amin'ny fahombiazana

O ry manan-tsaina, na lahy na vavy tsy mbola niditra tao amin'ny finoana silamo... Atolotro ho anao izao fiantsoana izao ho any amin'ny fahombiazana sy ny fahasambarana, ka hoy aho hoe :

Vonjeo ny tenanao amin'ny famaizan'i Allah ilay Tsitoha aorian'ny fahafatesana any am-pasana, avy eo amin'ny afon'ny helo.

Vonjeo ny tenanao amin'ny finoana an'i Allah ho Tompo, ary i Muhammad - S.A.W - amin'ny maha iraka azy, ary amin'ny finoana silamo ho fivavahana, ary lazao amin'ny fahatsoram-po hoe : "Tsy misy tompon'afa-tsy i Allah, ary Mouhammad dia ny irak'i Allah".

Ary ambarao ny fanarahanao ny finoana islam ho an'i Allah, ka tsy hisy ny fahombiazana sy ny fahasambarana ho anao raha tsy amin'ny alàlan'izany.

Izaho dia mianiana amin'i Allah, izay tsy misy Tompo mendrika ho tomponia afa-tsy Izy, manoloana anao etoana fa ity finoana islam ity no finoana marina, izay tsy misy finoana hafa eken'i Allah ankoatrany, ary izaho dia mijoro vavolombelona amin'i Allah sy ireo Anjelin sy ireo zava-boahariny fa tsy misy Tompo mendrika ho tomponia afa-tsy i Allah sy i Mouhammad Irak'i Allah, ary ny Islam no marina, ny tenako dia anisan'ireo mpino silamo.

Mangataka amin'i Allah ny tenako, amin'ny tolota sy fanomezana avy aminy mba ho tena mpino marina aho sy ny taranako sy ireo rahalahiko mpino rehetra amin'ny fotoana hahafatesanay, ary mba ho hatambany izahay any amin'ny Paradisa miaraka amin'i Mouhammad ilay Marina (S.A.W) sy ireo Mpaminany rehetra sy hiaraka amin'ireo fianakaviany sy ireo Mpanaradia azy. Mangataka amin'i Allah aho mba hahazo tombontsoa amin'ity boky ity izay rehetra mamaky sy maheno azy... Moa ve tsy efa nampilaza aho? Tompo ô! Mijoroa vavolombelona ho ahy ianao.

Ary i Allah no mahalala, Indra-fon'i Allah anie no ho amin'ny mpaminanintsika Mouhammad (S.A.W) sy ho amin'ireo fianakaviany sy ireo mpanaradia azy, ary dera ho an'i Allah Tompon'izao tontolo izao.

\*\*\*

NY FINOAN'NY FAHAMARINANA.

Lohateny sy fampidirana.

Ny fizarana voalohany : 1-NY FAHALALAN'I ALLAH - ILAY MPAHARY LEHIBE

NY FIZARANA FAHAROA : Ny fahafantarana ilay Iraka (S.A.W) :

Ny fizarana fahatelo : Ny fahafantarana ny finoana marina-islam-

Ny fizarana fahaefatra - Ny sori-dàlan'ny Islam.

Fizarana faha dimy : Fanehoana ireo fanosorapotaka sasantsasany